Ny Tombokase Fahenina

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

2 Tompo, miangona eto indray izahay ho an'ny fivoriana. Ary mieritreritra ny fotoana izahay, ireo andro fahiny, rehefa niakatra tany Silo izy rehetra ho an'ireo fitahian'ny Tompo. Ary ankehitriny, izao hariva izao, dia mivory eto izahay mba handre Ny Teninao. Ary satria efa nianatra tao amin'ity ampahany iray an'ny Soratra ity izahay, hoe ny Zanak'ondry irery ihany no Anankiray izay afaka nanokatra an'ireo Tombokase, na hamaha Azy ireo. Dia mivavaka izahay mba izao hariva izao, raha eo ambanin'ny fiheverana an'ity Tombokase Fahenina lehibe ity izahay, mivavaka izahay, Ray any An-danitra, mba hanokafan'ny Zanak'ondry an'Izany aminay izao hariva izao. Fa, eto izahay mba hahazo an'Izany. Ary nefa tsy nisy olona teto an-tany, na tany An-danitra, izay ampy, ny Zanak'ondry irery no hita ampy. Noho izany dia enga anie ilay Anankiray ampy tanteraka ho avy ka hanokatra an'ilay Tombokase aminay izao hariva izao, mba ahafahanay mijery fotsiny ny any ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana. Izany dia hanampy anay, mino izahay, Ray; amin'ity andro lehibe, maizina, mpanota izay iainanay ity; hanampy anay sy hanome faherezana ho anay izany. Matoky izahay ankehitriny fa mahita fitia eo Imasonao. Mametraka ny tenanay, miaraka amin'ny Teny, eo Aminao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

3 Manao ahoana, ry sakaiza. Tombontsoa iray ny tonga eto indray izao hariva izao, mba ho ao amin'ny asan'ny Tompo. Tara kely fotsiny aho. Izaho dia nandeha fotsiny tany . . . teo amin'ny hamehana iray, ny amin'ny lehilahy iray teo am-pahafatesana, izay mambra iray an'ity fiangonana ity; ny reniny izany, na tonga eto. Ary nilaza izy ireo fa ho faty teo no ho eo ilay zazalahy. Noho izany aho—nandeha tany aho ka nahita fotsiny a—aloky ny lehilahy iray nandry teo ambonin'ny fandriana, teo am-pahafatesana, lehilahy iray saiky mitovy taona amiko. Ary tao anatin'ny fotoana fohy, dia nahita lehilahy iray nitsangana tamin'ny tongony aho, ka nanome dera ho an'ny Tompo. Ary noho izany, Andriamanitra, raha vonona hiaiky ny fahotantsika sy hanao izay tsara isika, hangataka famindrampo, hiantso Azy, dia vonona Andriamanitra ka miandry ny hanaiky an'izany ho antsika.

4 Ary, ankehitriny, fantatro fa mafana ato izao hariva izao. Ary—ary izany dia . . . Tsia, ataoko fa maty avokoa ny famanàna. Ary—ary isika dia . . .

5 Voamariko omaly hariva, na androany, fa ity no androko fahafito tao anatin'ny efitra iray tsy misy hazavana, ireo jiro elektrika fotsiny, hitanareo; nianatra, ary nivavaka mba hanokafan'Andriamanitra an'ireto Tombokase ireto.

6 Ary nisy betsaka mihitsy no nanoratra, ao amin'io vondrom-panontaniana io om-. . . na ireo fanontaniana omaly hariva, dia, ny ankabeazany, tsy dia fanontaniana betsaka. Ilay izy dia mila hanana asam-panasitranana, na ahoana na ahoana; nila mba hijanona andro iray amboniny, mba hanana ny. . . mba hanana asam-panasitranana amin'ny Alatsinainy. Noho izany izaho—izaho—izaho dia, afaka, afaka hanao an'izany tokoa aho raha izany no sitraky—no sitraky ny olona izay te-hanao an'izany. Azonareo eritreretina izany ary mampahafantatra ahy, fa raha te-hijanona fotsiny ianareo ka hivavaka ho an'ny marary.

7 Satria, efa nametraka an'ity fotoana rehetra ity aho, manontolo, ho an'ireto Tombokase ireto, ary nanao ny tenako hitokana fotsiny ho an'ireo Tombokase.

8 Noho izany dia azonareo eritreretina izany, ka hivavaka ho an'izany, ary avy eo dia ampahafantaro aho. Ary izaho dia, raha sitraky ny Tompo, afaka aho. Ny fotoako manaraka dia any Albuquerque, New Mexico, ary izany dia mbola hisy a—andro vitsy. Ary tsy maintsy handeha any an-trano aho ho an'ny asa iray, ho vonona amin'ny fivoriana hafa iray any Arizona. Ary noho izany, arak'izany, raha izany no sitraky ny Tompo! Mivavaha ho an'izany, ary izaho hanao toy izany, avy eo dia hahafantatra betsaka mikasika an'izany isika aoriana kely.

9 Ary vao avy nahita aho. Ankehitriny hitako. . . Vao manomboka miresaka mikasika ny aretina ianareo, dia indro tonga ilay izy, hitanareo. Mahita an'io ramatoa mipetraka eto io aho. Raha tsy misy zavatra iray manampy azy, dia tsy hijanona eto afa-tsy fotoana fohy fotsiny izy. Koa, noho izany, hitanareo, isika—mivavaka fotsiny isika mba haneken'Andriamanitra. Ho an'izany no maha-eto anao, tonga avy lavitra. Noho izany, hitanareo, ny—ny Fanahy Masina dia mahafantatra fotsiny ny zavatra rehetra, hitanareo. Noho izany Izy. . .

10 Fa, hitanareo, efa niezaka hametraka an'ity fotoana ity ho an'ireto Tombokase ireto aho, satria nalamintsika ho an'izany ilay izy, hitanareo. Fa raha misy ny. . .

11 Firy no marary eto, na ahoana na ahoana, izay tonga mba hivavahana? Aoka ho hita ny tànanareo, manodidina rehetra, hatraiza hatraiza. Oh, oadray! Ham! Eny, firy no hihevitra fa ho tsara, raha sitraky ny Tompo, ny hijanona ka hanana an'izany, haka ny Alatsinainy hariva, hivavahana no an'ny marary fotsiny, hanana asam-panasitranana iray ny Alatsinainy hariva? Ho tianareo ve ny hanaovana an'izany? Afaka hanao an'izany ve ianareo? Eny, raha sitraky ny Tompo, dia hataontsika izany arak'izany. Hitanareo? Isika dia—hanana fotoam-bavaka

ho an'ny marary isika, ny Alarobia, na, ny Alahady hariva, na, ny Alatsinainy hariva, ka hivavaka ho an'ny marary.

12 Ankehitriny, antenaiko fa tsy manelingelina an'io vondrona izay iarahako miverina io izany, hiverina any Arizona. Rahalahy Norman, ato ve izy any ho any? Manelingelina ny fandaharanao ve izany, Rahalahy Norman, na inona na inona? [Hoy Rahalahy Gene Norman hoe, "Tsia."—Mpand.] Rahalahy Fred sy ny sisa aminareo, mety tsara ve izany? [Hoy ireo hafa hoe, "Mety tsara."] Hitanareo? Eka izany. Eny àry.

13 Noho izany, raha sitraky ny Tompo, amin'ny Alatsinainy hariva dia hivavaka ho an'ny marary isika, hariva anankiray fotsiny no atokantsika ho an'izany, manontolo, mivavaka ho an'ny marary fotsiny. Ankehitriny, tsy ho an'ireo Tombokase intsony izany. Raha hanokatra fotsiny an'ireto Tombokase ireto ny Tompo, avy eo dia hivavaka ho an'ny marary isika, ny Alatsinainy hariva.

14 Ankehitriny, oh, tena nankasitraka an'ity marina tokoa aho, lehibe tokoa, ny manompo ny Tompo eo ambanin'Ireto! Nankasitrahanareo ve Ity, ny fanokafana an'ireo Tombokase? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena!"—Mpand.]

15 Ankehitriny, dia miresaka ny Tombokase Fahadimy isika ankehitriny na, ny Tombokase Fahenina, raha ny marina. Ary izany dia mandray ankehitriny manomboka amin'ny—ny andininy faha-12-n'ny toko faha-6, hatrany amin'ny faha-17. Izany no iray amin'ireo Tombokase lava. Izany dia ireo zavatra vitsivitsy izay miseho eto. Ary ankehitriny ny . . .

16 Miteny fijery kely indray ny amin'ny omaly hariva, karazan'ny fiverenana kely, isan'andro.

17 Ary, hono ho'aho, izaho—izaho dia te-hilaza zavatra iray, ihany koa. Nahita aho, tao anatin'io boaty io, zava-dehibe efatra na dimy amiko. Nilaza aho fa . . . Ary te-hiala tsiny tokoa aho. Ao amin'ny horonam-peo ve izao? Mandeha ve ny horonam-peo? Te-hiala tsiny amin'ireo rahalahiko mpitoriteny aho sy aminareo olona eto. Nilaza izy ireo, indray hariva rehefa niresaka an'i—an'i Elia aho, tamin'ny ora izay izy ireo . . . Nihevitra izy fa izy irery ihany no handeha ao amin'ny Fampakarana, na izy irery ihany no ho voavonjy. Izaho—nilaza aho hoe fitonjato raha tokony ho fito arivo. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Eny, azoko antoka fa miala tsiny aho ny amin'izany, ry havana. Izaho—izaho—nahafantatra tsaratsara kokoa noho izany aho. Fiteny tsy mazava iray fotsiny ihany izany, satria fantatro fa fito arivo ilay izy. Tsy tsara fotsiny no nilazako an'ilay izy. Izaho . . . Ary izaho—misaotra anareo aho. Ary izany dia midika fa . . . Faly aho fa mandinika an'izay lazaiko ianareo. Ary hitanareo, noho izany, izany dia . . . Satria, ilay izy, ilay izy dia—ilay izy dia fito arivo.

18 Manana naoty roa na telo mikasika an'izany aho, izay nanao hoe, "Rahalahy Branham, mino aho fa diso ianao." Izao no voalaza hoe, "Tsy fito arivo ve izy ireo raha tokony ho fitonjato?"

19 Nieritreritra aho hoe, "Azo antoka fa tsy nilaza aho hoe fitonjato." Hitanareo? Izany, ary avy eo aho . . . Billy . . .

20 Ary avy eo aho, ny zavatra voalohany fantatrareo, naka naoty iray hafa aho. Izao no voalaza hoe, "Rahalahy Branham, ianao dia . . . mino aho fa nilaza ianao hoe fitonjato."

21 Ary hoy ny olona anankiray hoe, "Rahalahy Branham, izany ve no—no fahitana ara-panahy iray hoe—hoe hisy tandindona iray fotsiny, ka nanao tandindona an'izany ianao tamin'ireo fito . . . ?" Manao ny olona ho taitaitra izany rehefa manomboka mieritreritra an'ireto zavatra ireto ianareo, hitanareo. Ary betsaka ilay izy, ka, manao ahy ho taitaitra izany.

22 Nisy zavatra nitranga androany rehefa voambara ity Tombokase ity, ka tsy maintsy nivoaka tanteraka tany an-tokotany aho, nitsangatsangana teo fotsiny, tany an-tokotany vetivety. Marina izany. Saiky nanaisotra ny fofon'aiko hiala tamiko ilay izy. Hitanareo? Noho izany dia miresaka ve ianareo, ny fahataitairana iray? Oh, oadray! Hitanareo?

23 Zavatra iray hafa, hitanareo, miantehitra mihitsy amin'izay lazaiko ianareo. Ary hihazona ahy ho tompon'andraikitra amin'izay teneniko aminareo Andriamanitra. Hitanareo? Ary noho izany aho—tsy maintsy mahazo antoka tanteraka tokoa arak'izay tena azo antoka arak'izay mety ho azo antoka aho, hitanareo, ny amin'ireto zavatra ireto, satria izao no—no fotoana lehibe iray izay iainantsika. Hia.

24 Nieritreritra ny amin'ny asam-panasitranana amin'ny Alatsinainy hariva aho. Hanembatsembana anao ve izany, Rahalahy Neville na aiza na aiza? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tsia mihitsy. Ho eto mihitsy aho."—Mpand.] Tsara izany.

25 Rahalahy Neville sarobidy! Teneniko aminareo, izy ireo fotsiny—nanao anankiray fotsiny izy ireo, heveriko, avy eo dia nahavery an'ilay modely. Izany dia . . . Izy tokoa dia efa te—tena namana sy sakaiza iray ho ahy, ho teneniko aminareo.

26 Voaorina ny tabernakla ankehitriny, ary manana efitry ny sekoly Alahady sy ny zavatra rehetra vonona, ao amin'ny lamina eto. Ary ny sasany aminareo olona izay manodidina eto, manodidina an'i Jeffersonville, raha te-ho tonga any am-piangonana ianareo, dia manana toerana tsara iray ianareo, ary toerana iray hahatongavana, ireo efitry ny sekoly Alahady.

27 Mpampianatra tsara, ary Rahalahy Neville eto, ho an'ireo kilasin'ny olon-dehibe, ary tena pasitera iray. Tsy milaza an'izany ho an'ny fehezam-boninkazo iray ho azy aho, fa aleoko manome azy raozy kely iray ankehitriny toy izay amboaram-boninkazo iray manontolo aorian'ny fahalasanany.

Ary Rahalahy—Rahalahy Neville, efa nahafantatra azy aho hatramin'ny naha-zazalahy iray ahy mihitsy. Ankehitriny, dia tsy niova izy na kely aza. Mbola Orman Neville foana izy, tahaka ny naha-izy azy foana mihitsy.

28 Tsaroako aho nitsidika. Nanana hatsaram-panahy betsaka mihitsy aza izy nangataka ahy ho eo amin'ny polipitrany fony izy mpitory teny Metodista iray teto amin'ny tanàna. Ary nanana fiangonana tsara iray izahay tany Clarksville, ilay . . . Ataoko fa izany dia nantsoina hoe Howard Park, fiangonana Metodista an'ny Harrison Avenue. Heveriko fa tsy maintsy ho tany no nahitany anao, tany, Ranabavy Neville. Tany, satria izy dia mam- . . .

29 Niverina aho, ka nilaza tamin'ny fiangonana teto, hoy aho hoe, "Izany no . . . Izany no iray amin'ireo lehilahy mahafinaritra indrindra! Ary indray andro any dia hanao batisa azy amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho." Nitranga izany.

30 Indro izy. Ary ankehitriny dia namako izy, eo anilako mihitsy. Ary tena lehilahy iray tsara laza, hajaina! Nitsangana teo akaikiko foana izy toy ny hoe fotsiny . . . tena akaiky mihitsy arak'izay azony itsanganana. Na inona na inona lazaiko, dia mijanona fotsiny miaraka amiko mihitsy izy ary mifikitra hatrany mihitsy. Tamin'ny fahatongavany voalohany aza, dia tsy azony ny Hafatra tamin'izany, saingy nino an'Izany izy ka nijanona tsara niaraka tamin'Izany. Izany no haja, izany no fanajana, ho an'ny rahalahy iray tahaka an'izany. Tsy afaka milaza betsaka ny aminy aho. Ary ny Tompo hitahy azy ankehitriny. Eny àry.

31 Ankehitriny dia fijery kely mialoha an'ny omaly hariva, tao amin'ny famahana ny Tombokase Fahadimy. Tsy hiverina lavitra isika izao hariva izao, fa famintinana ampy mba hahazoana ny—ny Tombokase Fahadimy.

32 Ankehitriny, hitantsika fa nisy an'ilay antikristy izay nandeha, ary namolavola ny tenany, tamin'ireo hery telo. Ny rehetra dia niditra tao anatin'ny hery anankiray, ary nitaingina an'ilay soavaly hatsatra, "Fahafatesana," nankany amin'ny lavaka tsy hita noanoa, nankany amin'ny fahaverezana, izay nihaviany. Ary avy eo dia hitantsika rehefa ny . . .

33 Hoy ny Soratra hoe, "Rehefa tonga tahaka ny tondra-drano ny fahavalo, dia manangana faneva iray hanohitra azy ny Fanahin'Andriamanitra." Ary hitantsika voamarina tanteraka tao amin'ny Teny izany omaly hariva, satria nisy Zava-manan'aina efatra izay—izay namaly an'ireo—ireo fotoana efatra izay nitaingenan'io mpitaingina io.

34 Ary nitaingina soavaly iray samihafa foana izy, soavaly fotsy iray, ary avy eo soavaly mena iray, ary soavaly mainty iray, ary avy eo soavaly hatsatra iray. Ary hitantsika, ireo loko ireo, sy izay naha-izy azy ireo ary izay nataon'izy ireo. Avy eo dia nitondra

an'izany niverina tao amin'ireo taonan'ny fiangonana, ka izany marina tokoa no nataony, tanteraka mihitsy tokoa.

35 Noho izany, hitanareo, rehefa mifangaro miaraka ny Tenin'Andriamanitra, izany dia midika fa marina Izany, hitanareo. Hia. Mino aho, fa ny zavatra rehetra izay mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra dia "amena" foana. Hitanareo?

36 Ankehitriny, tahaka ny olona iray izay milaza fa nahita fahitana iray izy ireo, ary nilaza fa izany ilay izy. Oh, fantatr'izy ireo fa ny Tompo no nanome an'izany, satria tonga niaraka tamin'ny hery lehibe izany. Eny, mety ho tena tsara ilay fahitana. Saingy raha tsy araka ny Teny izany, sy mifanohitra amin'ny Teny, dia tsy marina fotsiny. Hitanareo?

37 Ankehitriny, ankehitriny dia mety manatrika eto, ireo rahalahy sasany na anabavy Mormon. Ary mety hisy sasany haka an'ireto horonam-peo ireto, ankehitriny. Ary tsy te-hilaza an'izany aho . . . Ny sasany amin'ireo olona mahafinaritra indrindra izay tiako sy tianareo ihaonana, dia ho—ho ao amin'ny olona Mormon; karazan'olona tena mahafinaritra. Ary noho izany ny—ny mpaminanin'izy ireo, Joseph Smith, izay novonoin'ny olona Metodista teto tany Illinois, teo amin'ny dian'izy ireo. Ary noho izany io—io lehilahy mahafinaritra io, sy ilay fahitana, tsy misalasala mihitsy aho fa nahita fahitana izy. Mino aho fa lehilahy iray tso-po izy. Saingy ilay fahitana izay hitany dia nifanohitra tamin'ny Soratra. Hitanareo? Noho izany, tsy maintsy nanana Baiboly Mormon iray izy ireo, mba—mba hanaovana an'izany. Hitanareo?

38 *Ity* eto ity Izany, ho ahy. Ity izany. Izany no antony, ny Teny fotsiny. Ity Izany. Hitanareo?

39 Indray mandeha, ny—ny—ny mpitoriteny iray dia tonga teto avy tany amin'ny firenen-kafa iray, ary izy . . . Ary hitako izy niaraka tamin'ny—ny . . . nandeha tao anatin'ny fiara iray, niaraka tamin'izay tsy . . . niaraka tamin'ny—ny ramatoa iray. Ary tonga tao amin'ny fivoriana iray izy ireo. Ary hitako fa, nandeha tamin'ny fiara roa na telo andro izy ireo, izy sy izy fotsiny, tao amin'ny fivoriana, mba ho tonga tao amin'ilay fivoriana, niaraka. Ary ilay vehivavy dia efa nanambady, intelo na in-efatra samihafa.

40 Ary tonga tao amin'ny efitra malalak'ilay hotely izay nisy ahy ity mpitoriteny ity, ka nanatona ary nandray ny tànako. Ary noraisiko ny tànany, nitsangana ary niresaka taminy. Ary nanontany azy aho, hoy aho hoe, "Rehefa malalaka ianao, dia afaka miresaka aminao ao amin'ny efitro vetivety fotsiny ve aho?"

Hoy izy hoe, "Izany tokoa, Rahalahy Branham."

41 Nentiko nankao amin'ny efitra izy. Ary nilaza tamin'ilay mpitoriteny aho, hoy aho hoe, "Revera, tompoko, vahiny ato amin'ity firenena ity ianao." Hoy aho hoe, "Saingy tena manana

laza iray io ramatoa io." Hoy aho hoe, "Ianao ve tsy, na, ianao dia avy amin'ny toerana lavitra *izao-sy-izao*, ka hatreo amin'ity toerana *izao-sy-izao* ity?"

Hoy izy, "Eny, tompoko."

42 Dia hoy aho hoe, "Tsy matahotra ve ianao fa izany dia ho karazan'ny . . . ? Izaho—izaho tsy . . . tsy miahiahy anao, saingy tsy mihevitra ve ianao fa hiantraika eo amin'ny lazanao amin'ny maha-mpitoriteny iray izany? Tsy mihevitra ve ianao fa tokony hanao ohatra tsaratsara kely kokoa noho izao isika?"

Dia hoy izy hoe, "Oh, masina iray io vehivavy io."

43 Hoy aho hoe, "Izaho—tsy misalasala amin'izany aho." Fa hoy aho hoe, "Saingy, rahalahy, ilay zavatra amin'ilay izy dia, ny olona rehetra izay mijery azy dia tsy masina iray, hitanao, izay mijery an'izay ataonao." Dia hoy aho hoe, "Mino aho fa tsaratsara kokoa aminao ny mitandrina tsara. Eo amin'ny samy mpirahalahy fotsiny izany." Dia hoy izy . . . Hoy aho hoe, "Ilay ramatoa dia efa nanambady in-efatra na indimy ankehitriny."

Dia hoy izy hoe, "Eny, fantatro izany." Hoy izy, "Fantatrao, izaho—izaho . . . "

44 Hoy aho hoe, "Tsy mampianatra an'izany ao amin'ny fiangonanao any an-trano ianao, sa tsy izany, ho an'izany?"

45 Noho izany dia hoy izy, "Tsia. Saingy," hoy izy, "fantatrao, nahita fahitana ny amin'izany aho, Rahalahy Branham."

Hoy aho hoe, "Eny, tsara izany." Hoy aho hoe . . .

46 Hoy izy hoe, "Mampaninona anao ve?" Hoy izy, "Mino aho fa afaka hanitsy anao kely fotsiny aho eo amin'ny fampianaranao mikasika an'izany."

47 Dia hoy aho hoe, "Eny àry." Ary izy . . . Hoy aho hoe, "Izaho—izaho—ho faly aho hahafantatra an'izany, tompoko."

48 Dia hoy izy hoe, "Eny," hoy izy, "fantatrao, tao amin'io fahitana io," hoy izy, "dia natory aho."

Dia hoy aho hoe, "Hia." Hitako, tamin'izay fotoana izay, fa nofy iray ilay izy. Hitanareo?

49 Dia hoy izy hoe, "Ny—ny vadiko," hoy izy, "efa niaina niaraka tamin'ny lehilahy hafa iray izy," ary hoy izy, "ary nandeha nihodina tamiko." Dia hoy izy, "Avy eo dia nanatona ahy izy, ary nilaza tamiko hoe, 'Oh, malala, mamelà ahy, mamelà ahy!' Hoy izy, 'Izaho—izaho—izaho—miala tsiny aho nanao an'izany. Ho mahatoky aho manomboka izao.'" Hoy izy, "Mazava ho azy, tiako loatra izy, dia namela azy fotsiny aho, nanao hoe, 'Eny àry.'" Dia hoy izy, "Avy eo . . . "

50 Dia hoy izy, "Mba fantatrao moa? Avy eo dia azoko ny fandikana an'io fahitana io." Hoy izy, "Ilay vehivavy izany." Hoy izy, "Azo antoka, efa nanambady izy, sy—sy ny sisa, ary ireo fotoana rehetra ireo." Dia nilaza, fa, "Mety tsara ho azy ny

manambady, satria tia azy loatra ny Tompo. Afaka manambady imbetsaka arak'izay tiany izy, araka ny . . . "

51 Hoy aho hoe, "Mety ho tena mamy ny fahitanao, saingy tena lavitra an'ilay Làla-masaka eto izany." Hoy aho hoe, "Izany dia—ratsy izany, hitanao. Tsy tokony hanao an'izany ianao." Koa izany . . . Hitanareo?

52 Fa rehefa mahita ny Soratra mifampiditra amin'ny Soratra ianareo, manao azy ho fitohizana tsy ankitsahatra eo amin'izay itambarany. Ireo Soratra, eo amin'izay ijanonan'Ity eto, dia eto no tonga Ity anankiray hafa ity ka mifampiditra, ary mamoaka an'ilay sary manontolo.

53 Tahaka ny manambatra rarinteny piozila, ohatra. Mitady an'ilay singany izay antonona ao ianareo. Tsy misy na inona na inona hafa afaka ho antonona azy. Amin'izay fotoana izay ianareo dia mahazo an'ilay sary voamboatra.

54 Ary Anankiray ihany no afaka manao an'izany, izany dia ny Zanak'ondry, ary toy izany koa no anantenantsika Azy.

55 Fa hitantsika fa rehefa ireto, ity mpitaingina ity, izy no anankiray izay nitaingina an'ireo soavaly ireo. Ary avy eo dia nanaraka azy hatrany mihitsy isika, nahita an'izay nataony sy ny zavatra rehetra, ka nahita, tao amin'ireo taom-piangonana fa izany marina tokoa no nataony.

56 Avy eo rehefa nivoaka teo ambonin'ny biby anankiray izy ka nanao zavatra anankiray, dia hitantsika fa nisy anankiray nalefa mba hiady amin'izay nataony.

57 Nisy anankiray nalefa ho an'ilay taona voalohany, dia zanak'ondry . . . dia liona. Izany dia ny Teny, mazava ho azy, Kristy.

58 Ny manaraka dia ny omby, nandritry ny fotoan'ilay taona maizina, rehefa—rehefa ny—nandrafitra ny fiangonana ka nanaiky dogma raha tokony ho ny Teny.

59 Ary tsarovy, ny zavatra rehetra dia nifototra teo amin'ny zavatra roa: ny iray, antikristy iray; ilay iray hafa, dia Kristy.

60 Mbola ilay zavatra iray ihany foana izany amin'izao andro izao. Tsy misy Kristiana tapany. Tsy misy ny lehilahy mamo-tsy mamo; tsy misy vorona mainty-fotsy; tsia, tsia; tsy misy ny mpanota-masina. Tsia. Na ianareo mpanota iray na masina iray. Hitanareo? Tsy misy mihitsy ny eo anelanelany. Na ianareo nateraka indray na ianareo tsy nateraka indray. Na ianareo feno ny Fanahy Masina na ianareo tsy feno ny Fanahy Masina. Tsy mampaninona na fahatsapana firy no nanananareo, raha tsy feno ny Fanahy Masina ianareo, dia tsy fenon'Izany. Hitanareo? Ary raha efa fenon'Izany ianareo, dia ny fiainanareo no maneho an'izany, mifanitsy tsara amin'Izany. Hitanareo? Tsy misy olona tokony hiteny aminareo mikasika an'izany. Mahita an'izany izy ireo, hitanareo, satria Tombokase iray Izany.

61 Ankehitriny, ary hitantsika ireo biby ireo, toy ny ahoana no nandehanan'izy ireo isan'andro. Ny anankiray nalefa ho an'ny asam-panompoany, tao amin'ny hery ara-politika, nanakambana an'ireo hery ara-pivavahana sy—sy ireo hery ara-politika, niaraka. Hitantsika, fa nandefa ny Heriny mba hiady amin'izany Andriamanitra. Niverina avy hatrany isika ka nahita hoe inona ilay taom-piangonana, ary nijery an'izany indray; ary teo izany, tahaka an'izany marina tokoa.

62 Avy eo dia hitantsika, fa tonga ny taona hafa iray, ka nandefa an'ilay antikristy teo ambanin'ny anaram-pivavahana ilay fahavalo, teo ambanin'ny Anaran'i Kristy, teo ambanin'ny anaran'ilay Fiangonana. Eny, tompoko. Nandeha teo ambanin'ny anaran'ilay Fiangonana, mihitsy aza. "Izany no tena Fiangonana," hoy izy. Hitanareo?

Tsy Rosia no antikristy. Tsy izany no antikristy.

63 Ny antikristy dia tena mifanakaiky tahaka ny tena Kristianisma, hany ka, hoy ny Baiboly hoe, "Hanadala ny zavatra rehetra izay tsy voafidy mialoha izy." Marina izany. Ny Baiboly dia nilaza an'izany hoe, "Amin'ny andro farany, ny zavatra rehetra izay tsy voafidy mialoha, ilay Voafidy." Izao no voalaza hoe, "Ilay Voafidy!" Ankehitriny, ny olona rehetra, raiso io teny io ka ento eo amin'ilay teninareo eo amin'ny sisiny izany, dia ho hitanareo ny dikany. Izao no voalaza hoe, "Ilay voafidy, voafidy mialoha." Hitanareo? "Hanadala ny tsirairay avy amin'ireo izay tsy manana ny anarany eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao izy."

64 Rehefa voavono ny Zanak'ondry, dia napetraka teo amin'ilay Boky ireo anarana. Mitsangana ao amin'ny Toerana Masina Izy izao hariva izao, any amin'ny Voninahitra, amin'ny maha-Mpanelanelana iray, manao fanelanelanana ho an'ny tsirairay avy amin'ireo fanahy izay manana ny anarany eo amin'io Boky io. Ary tsy misy olona mahafantatra an'io anarana io afa-tsy Izy. Izy no Anankiray izay manana an'ilay Boky eny an-Tànany, ary Izy no mahafantatra. Rehefa miditra io anankiray farany io, amin'izay fotoana izay dia tapitra ireo andro Fanelanelanany. Mandroso Izy amin'izay fotoana izay mba hitaky an'izay Nanaovany fanelanelanana. Manao ny asan'ny Havana Mahavotra Izy ankehitriny; ary mandroso mba handray ny Azy Manokana. Oh, oadray!

65 Izany dia tokony hanao ny Kristiana tsirairay mba—mba handinika ny tenany, sy hihazona ny tànany eo anatrehan'Andriamanitra, ka hanao hoe, "Diovy aho, O Tompo! Zahao ny fiainako, ka—ka mamelà ahy—mamelà ahy hahita hoe aiza no misy an'ilay ampahany ratsiko. Mamelà ahy hanala an'izany amin'ilay làlana, haingana mihitsy." "Fa raha saiky tsy

voavonjy ny marina, dia aiza no hisehoan'ny mpanota sy ny tsy masina?" Fotoan'ny fandinihan-tena izao.

66 Ary raha te-hametraka an'izany ianareo, ka mila ny . . . ary hanome an'izany Teny izany. (Ankehitriny, tsy ilaiko ny, ny mametraka fanontaniana amiko eo amin'izany, satria hanao ahy hiala eo amin'ny iray hafa mihitsy izany; ny tiako lazaina, dia amin'ny fanoratana ny fanontanianareo. Heveriko fa efa ao ireo fanontaniana, na ahoana na ahoana.) Izao no fotoan'ny fanadihadiana ho an'ny fitsarana. Marina izany. Ankehitriny, hahita an'izany isika eo amin'ireo—eo amin'ireo Trompetra rehefa tonga eo amin'izany isika, na oviana na oviana no anomanan'ny Tompo, na ireo Lovia, ka hahita an'io fanadihadiana ho an'ny fitsarana io isika, izay mivoaka alohan'ireo Loza mihitsy. Ary—ary hitantsika fa marina izany. Ary ireo Anjely telo izay nidina teto an-tany, dia niantsoantso, fantatrareo hoe, "Loza! Loza! Loza ho an'ireo mponina amin'ny tany!"

Ary miaina ao amin'ny fotoana iray mahatahotra isika, fotoana iray izay . . .

67 Hitanareo, ireto zavatra izay misy antsika ankehitriny ireto, izay ianarantsika izao ankehitriny izao, dia aorian'ny nahalasanan'ilay Fiangonana, hitanareo, ireto zavatra ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe ireto. Ary heveriko fa tokony ho voapetraka marina tokoa ao anatin'ny fon'ny mpino rehetra izany, hoe io Fiangonana io dia tsy mandalo vanim-potoan'ny Fahoriambe iray mihitsy. Ianareo tsy afaka mametraka, na aiza na aiza, an'ilay Fiangonana ao anatin'ny Fahoriambe. Izaho . . . Mametraka ny fiangonana ao ianareo, fa tsy ny Ampakarina. Hitanareo, efa lasa ny Ampakarina.

68 Satria, hitanareo, Izy, Izy dia tsy manana ota iray, tsy misy zavatra iray manohitra Azy. Ny fahasoavan'Andriamanitra no nanarona Azy. Ary ilay fanalana tasy no nandefa ny fahotana rehetra tena lavitra, tsy misy fahatsiarovana iray an'izany akory mihitsy aza; tsy misy afa-tsy fahadiovana, tanteraka, eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Oh, tokony hanao ny Ampakarina handohalika amin'ny Lohaliny izany ka hiantsoantso an'Andriamanitra!

69 Mieritreritra tantara kely iray aho; raha tsy maka be loatra ny fotoanareo aho ankehitriny, ao amin'ity fampidirana ity. Izaho dia . . . Izaho—ho an'ny tanjona iray no anaovako an'ity, mba hahatsapa, mandra-pahatsapako ny Fanahy marina mihitsy, mba hanombohana.

70 Ity dia—zavatra masina iray ity. Hitanareo? Izany dia, hitanareo, iza no mahafantatra an'ireto zavatra eo ireto? Tsy misy afa-tsy Andriamanitra. Ary tsy natao ho voambara izy ireo, ary voaporofo ao anatin'ny Baiboly fa tsy ho voambara izy ireo, raha tsy amin'izao andro izao. Marina mihitsy izany. Hitanareo?

Izy ireo dia—notombatombanana izy ireo; saingy ankehitriny dia isika no natao hahafantatra azy marina tokoa, ny Fahamarinana, Fahamarinana voamarina. Hitanareo? Mariho.

71 Ankehitriny, nisy za—zazavavy kely iray tany andrefana, hoe ahoana fa izy dia—izy dia latsa-pitia tamin'ny . . . Latsa-pitia taminy ny lehilahy iray. Amin'ny maha-mpividy biby fiompy iray, dia tonga tany ho an'ny Armour Company. Ary—ary izy ireo dia nanana ny—ny lehibe iray . . .

72 Tonga ilay sefo indray andro, ilay zanakalahin'ny sefo avy any Chicago, ary, mazava ho azy, izy ireo dia nanao ny akanjo mahazatra, tandrefana iray. Ireo—ireo zazavavy tany, niakanjo izy ireo; ny tsirairay avy dia hambabo an'ity zazalahy ity, azo antoka, fantatrareo, satria izany no zanakalahin'ilay lehilahy lehibe. Noho izany, dia niakanjo ny akanjony tandrefana izy ireo.

73 Ary—ary manao an'izany izy ireo any andrefana. Nanao ny iray tamin'ireo fanao miavaka izy ireo. Ary Rahalahy Maguire, heveriko fa eto izy ankehitriny, tratran'izy ireo tsy nanao an'ireo akanjony tandrefana izy tany an-tanàmbe, ka nataon'izy ireo tao amin'ny—tao amin'ny fonja izy. Ary nametraka azy tao amin'ny fitsarana tsy ara-dalàna, ka nanao azy handoa vola ho an'izany, ary avy eo dia nanao azy hividy fitafiana tandrefana iray. Ary hitako ny sisa tamin'izy ireo nandehandeha niaraka tamin'ny basy saiky tahaka an'*izao* ny halavany, nihantona teo amin'izy ireo. Mandeha ho tompon-tany fotsiny izy ireo tany. Miezaka miaina ao amin'ny zavatra tany amin'ny andro lasa tany aoriana tany izy ireo, ny lasa. Hitanareo?

74 Ary avy eo, any Kentucky, dia miezaka ny miaina amin'ireo andro lasa an'ny atsinanana ianareo eto, mbola tao amin'ny Renfro Valley sy ny sisa foana. Tianareo ny hiverina amin'ireo andro fahiny. Misy zavatra iray izay mahatonga an'izany.

75 Fa rehefa hoe miverina, miverina amin'ny Filazantsara iray ao amin'ilay tany am-boalohany, dia tsy tianareo ny hanao an'izany. Mila zavatra moderina ianareo, hitanareo. Maneho fa, hitanareo, ianareo—ianareo . . . misy ny . . .

76 Ary inona no manao ny—ny lehilahy iray hanao ratsy? Inona no manao azy hisotro sy hanao hadalana, na vehivavy iray hanao ratsy? Izany dia satria miezaka izy ny . . . Misy zavatra ao anatiny, hetaheta. Misy zavatra ao anatiny, hetaheta. Ary miezaka ny hanala an'io hetaheta masina io amin'ireo zavatr'izao tontolo izao izy ireo. Nefa, Andriamanitra no tokony hanala an'io. Izy no nanao anareo ho tahaka an'izany, mba hangetaheta. Izany no antony hangetahetanareo zavatra. Andriamanitra no nanao anareo tahaka an'izany, mba hampitodihanareo an'io hetaheta masina io mankany Aminy. Hitanareo? Fa rehefa miezaka ny hanala an'io hetaheta io ianareo . . . Ahoana no ahasahian'ny olona hanao an'izany!

Tsy manana zò hanao an'izany ianareo, miezaka hanala an'io hetaheta masina izay mampangetaheta zavatra anareo io, ary, avy eo, dia manolotra an'izany ho an'izao tontolo izao ianareo, miezaka ny hahafa-po an'izany miaraka amin'izao tontolo izao. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Zavatra anankiray ihany no hameno an'izany, ary Andriamanitra izany. Ary Izy no nanao anareo tahaka an'izany.

77 Noho izany, ireto—ireto tovovavy ireto dia nanao ny—ny fanao tandrefana iray ho an'ity zazalahy ity rehefa izy—tonga izy. Ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nahazo antoka fa hahababo an'ity zazalahy ity.

78 Nisy rahavavy kely iray tao amin'ilay valam-biby tany, ary kamboty iray izy, ka noho izany izy dia nanao fotsiny ny—ny asa rehetra ho azy ireo. Satria, tsy maintsy nanamboatra tsara ny hohony izy ireo, fantatrareo, ka tsy afaka nanasa an'ireo lovia noho ireo tànana sy ny sisa. Ary izy no nanao ny asa tena mafy rehetra.

79 Ary noho izany, farany, rehefa tonga ilay zazalahy, dia lasa izy ireo ary naka azy tamin'ny fanao tandrefana fahiny iray, ilay kalesy. Ary tonga izy ireo, nitifitra ny basin'izy ireo sy nanao hadalana, fantatrareo, ary nanao fihetsika. Ary tamin'io alina io dia nanana fandihizana goavana be iray izy ireo tany, teo amin'ny—teo amin'ny fandihizana fanao fahiny iray, ary ireo tompon'ny valam-biby rehetra nanodidina, saiky, ary tonga niaraka tamin'ireo fandihizany, sy ny sisa. Ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, nahoana, nitohy io, nisy jobily nandritry ny roa na telo andro.

80 Avy eo, indray hariva, dia nandeha nivoaka ity zazalahy ity, hatreo . . . avy teo amin'ilay toerana, mba hiala sasatra vetivety fotsiny hiala amin'ilay dihy, ary niala tamin'ireto zazavavy ireto. Ary sendra nijery izy, nandeha nankeo amin'ilay fefy. Nisy zazavavy kely iray nandeha teo, somary mahantra. Ary nanana fanasam-bilia iray feno rano izy, nanasa vilia izy. Dia nieritreritra izy hoe, "Tsy mbola nahita azy mihitsy aho tany aloha. Izaho—manontany aho hoe avy taiza izy?" Noho izany dia tapa-kevitra fotsiny izy ny handeha teo akaikin'ilay—ilay farafara, ary nandeha teo dia niverina, teo anilan'ilay fefy, ka nihaona taminy.

81 Tsy nanao kiraro izy. Nijanona izy. Nanondrika ny lohany izy. Hitany hoe iza io, ary tena saro-kenatra izy. Fantany ity olona malaza ity. Ary rahavavin'ireto zazavavy hafa ireto fotsiny izy. Lehiben'ny mpiasa tao amin'io orinasa goavana Armour io ny rain'izy ireo, noho izany izy ireo dia nanohy . . . Nanohy niondrika izy. Menatra izy satria tsy nikiraro.

82 Hoy izy hoe, "Iza no anaranao?" Noteneniny taminy. Hoy izy, "Nahoana ianao no tsy any amin'ilay . . . izay misy ny sisa amin'izy ireo?" Ary somary nanao fialan-tsiny izy.

83 Ary noho izany, ny hariva manaraka, dia niandry azy indray izy. Farany . . . Nipetraka teo izy. Ary izy rehetra nanao hadalana, ny zavatra rehetra. Izy—nipetraka teo amin'ilay tsivalan-kazon'ny fefy izy ary niandry azy ho tonga, hanary ny rano fanasam-bilia. Ary nandinika azy izy. Ary nilaza taminy izy, hoy izy hoe, "Fantatrao ve ny tena tanjoko ahatongavana eto?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko, tsy fantatro."

84 Hoy izy, "Ny tanjoko ahatongavana eto dia hitady vady iray." Hoy izy hoe, "Mahita toetra iray ao aminao aho izay tsy ananan'izy ireo." Nieritreritra ny amin'ilay Fiangonana aho, hitanareo. Hoy izy, "Hanambady ahy ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Izaho ve? Izaho ve? Izaho—tsy afaka mieritreritra zavatra iray tahaka an'izany aho, izaho."

85 Hitanareo, ilay zanakalahin'ny sefo lehibe izany. Izy no tompon'ny orinasa sy toeram-piompiana rehetra nanerana an'ilay faritra, sy ny zavatra rehetra, hitanareo. Hoy izy, hoy izy, "Eny." Hoy izy, "Izaho—tsy afaka nahita anankiray tany Chicago aho. Izaho—mila tena vady iray aho. Mila vady iray miaraka amin'ny toetra aho. Ary ilay zavatra izay tadiaviko, dia hitako ao aminao izany." Hoy izy, "Hanambady ahy ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Eny . . . " Nahataitra tampoka azy izany. Dia hoy izy hoe, "Eny."

86 Ary hoy izy hoe, "Eny . . . " Niteny taminy fa hiverina izy. Hoy izy, "Ankehitriny, dia ataovy vonona fotsiny ny tenanao, fa amin'ny herintaona manomboka androany dia hiverina aho. Eny . . . Ary haka anao aho, ka hitondra anao miala lavitra eto. Tsy hila hiasa tahaka an'izao intsony ianao. Ho entiko ianao. Ary handeha any Chicago aho, ka hanorina trano iray toy ny tsy mbola hitanao mihitsy aho."

87 Hoy izy hoe, "Izaho tsy, mihitsy—tsy nanana trano iray mihitsy. Kamboty aho," hoy izy.

88 Hoy izy hoe, "Hanorina trano iray ho anao aho, tena izy iray." Hoy izy, "Hiverina aho."

89 Nanohy nifandray taminy izy, nandritry ny fotoana, ilay taona. Niasa ny zavatra rehetra izay azony natao izy, mba hitahiry vola betsaka tamin'ny iray dolara isan'andro, na inona na inona nananany tamin'ny karamany, mba hividianana ny akanjo mariaziny. Tandindona tanteraka an'ilay Fiangonana! Hitanareo? Hitanareo? Nanao ny fitafiany ho vonona izy.

90 Ary, fantatrareo, rehefa nampiseho an'io akanjo mariazy io izy, ireo—dia hoy ireo rahavaviny hoe, "Nahoana, ianao ankizy mahantra, adaladala. Tianao ve ny hihevitra fa ny lehilahy iray tahaka azy dia hanana zavatra iray hatao aminao?"

91 Hoy izy hoe, "Saingy izy no nampanantena ahy." Amena. Hoy izy, "Izy no nampanantena." Hoy izy, "Mino ny teniny aho."

92 "Oh, nanadala anao fotsiny izy." Hoy izy ireo, "Raha haka olona iray izy, dia ho naka ny iray tamin'izy ireo."

93 "Eny," hoy izy, "saingy izy no nampanantena ahy. Miandry an'izany aho." Amena. Izaho, ihany koa.

94 Noho izany, nitohy niha-tara sy niha-tara. Farany dia tonga ilay andro, tamin'ny ora anankiray izay tokony naha-teo azy, noho izany dia niakanjo ny fitafiany izy. Ary tsy nandre ny aminy akory aza izy. Saingy fantany fa ho eo izy, noho izany dia niakanjo ny akanjo mariaziny izy, nanao ny zavatra ho vonona.

95 Eny, tamin'izay fotoana izay dia tena nihomehy azy marina tokoa izy ireo teo. Satria, ilay sefo lehibe dia nifandray tamin'ilay—tamin'ilay lehiben'ny mpiasa, na—na tamin'ny. . . Tsy nisy iray tamin'ireo zazavavy nandre na inona na inona mikasika an'izany, noho izany dia zavatra iray nahagaga tanteraka fotsiny izany ho azy ireo. Izany ilay izy, ihany koa. Azo antoka fa izany ilay izy.

96 Fa ity zazavavy ity, teo anatrehan'izany rehetra izany, teo amin'ny fototry ny teniny hoe hiverina izy ho azy.

97 Noho izany, dia nanomboka nihomehy izy ireo. Ary nifametraka ny tànany teo amin'ny hafa, ka nandihy nanodidina azy. Hoy izy ireo, "Ha!" Nihomehy, fantatrareo, tahaka an'izany, nanao hoe, "Ankizy mahantra, kely, adaladala!"

98 Nitsangana teo fotsiny izy, tsy niteramena na kely aza. Nihazona an'ireo voninkazony izy. Ary voamboatra tanteraka ny akanjo mariaziny; nitolona izy, fantatrareo. "Nanao ny Tenany ho vonona Ny Ampakariny." Hitanareo? Nanohy nihazona an'ireo voninkazony izy, niandry.

99 Hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny, efa niteny taminao aho fa diso izany. Hitanao, tsy ho avy izy."

Hoy izy, "Mbola manana dimy minitra aho." Hoy izy, "Ho eto izy."

Oh, nihomehy fotsiny izy ireo!

100 Ary saiky tamin'ny ora izay nipipihan'ilay famantaranandro tranainy hatreo amin'ireo dimy minitra mihitsy, dia nandre an'ireo soavaly niriotra izy ireo, nikodiadia teo ambanin'ireo kodiarana ny fasika. Nijanona ilay kalesy tranainy.

101 Nitsambikina niala teo anelanelan'izy ireo izy, ary tonga teny am-baravarana. Ary nitsambikina avy teo amin'ilay kalesy izy, ary izy niantoraka teo an-tsandriny. Hoy izy hoe, "Tapitra ny rehetra ankehitriny, ry malala." Nandao an'ireo anarampiangonana kely tranainy rahavaviny nipetraka teo, nijery. Izy—nandeha nankany Chicago izy, tany amin'ny tranony.

102 Izaho dia mahafantatra teny fikasana lehibe hafa iray tahaka an'izany, ihany koa, mbola. "Handeha Aho hanamboatra toerana iray ho anareo; hiverina handray anareo." Mety milaza

izy ireo hoe adala isika. Saingy, rahalahy, ho ahy, izao ankehitriny izao, ary ireto Tombokase mivaha tahaka an'izao ireto, eo ambanin'ity zavatra ivelan'ny voajanahary ity, dia saiky afaka mandre an'ilay feo aho, raha mipiapiaka hatrany amin'ny Mandrakizay any io famantaranandron'ny fotoana io. Saiky afaka mahita an'io Anjely io aho mitsangana any ka milaza, amin'ny faran'ny Hafatr'io anjely fahafito io hoe, "Tsy hisy andro intsony." Io Ampakarina kely, mahatoky io dia hiantsampy eo an-tsandrin'i Jesosy indray andro any, ho entina any an-Tranon'ny Ray. Ndao isika hieritreritra an'ireo zavatra ireo raha mandroso isika ankehitriny.

103 Mariho ilay asam-panompoan'ny liona, ny Teny; ilay omby, ny asa mafy sy fanatitra; ilay fahaiza-manao, an'ireo mpanavao; ary ilay—ilay taonan'ny voromahery, tonga, izay hanambara sy haka an'ireo zavatra ireo ary haneho azy ireo.

104 Ankehitriny dia hitantsika, tamin'ny fotoana omaly hariva, ihany koa, ilay zava-miafina lehibe izay nisokatra niaraka tamin'ity Tombokase ity, izay nifanohitra tanteraka tokoa tamin'ny fahazoako tany aloha. Nanombatombana fotsiny hoe marina ilay izy, namela an'ireo fanahy tao ambanin'ny alitara ho ireo maritiora Kristiana voalohany foana aho. Fa hitantsika, omaly hariva, rehefa namaha an'io Tombokase io tamintsika ny Tompo Andriamanitra, dia tena tsy mety tanteraka tokoa izany. Tsy izy ireo izany. Efa tany amin'ny Voninahitra izy ireo, tany amin'ilay ilany hafa mihitsy, ary tao izy ireo. Hitantsika fa izy ireo dia ireo Jiosy izay tonga nandritry ny fotoana, izay nisy ny . . .

105 Ho an'ilay antso ankehitriny, an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, izay hidirantsika izao hariva izao sy rahampitso. Ary—ary eo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy Fahafito, no antsoina ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy.

106 Ary avy eo dia hitantsika, fa izy ireo dia ireo maritiora izay novonoina, ka tsy mbola . . . Nanana akanjo fotsy, saingy ny anaran'izy ireo dia efa teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry. Ary nomena akanjo fotsy izy ireo, ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Ary noraisintsika izany. Ary izany dia tsy inona mihitsy, tsy mino aho, afa-tsy io andian'ny—ny Jiosy izay nandalo ny vanim-potoana mialoha an'ny fahoriambe io. Rehefa, nandritry ny fotoan'ireo ady farany, izy ireo dia . . . izy ireo dia . . . Nankahalain'ny olona rehetra izy ireo. Ary Eichmann dia namono an-tapitrisany tamin'izy ireo tany Alemaina. Vao avy nandre an'ilay fitsarana ianareo. Olona tsy manan-tsiny an-tapitrisany no novonoina, ireo Jiosy, satria fotsiny hoe Jiosy izy ireo; tsy nisy antony hafa.

107 Ny Baiboly dia nilaza eto, hoe, "Novonoina izy ireo nohon'ny filazany an'Andriamanitra, nohon'ny—ny Tenin'Andriamanitra,

sy ny filazana izay nohazoniny." Ankehitriny dia hitantsika fa ny Ampakarina dia ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanambarana an'i Jesosy Kristy. Ireto dia tsy nanana fanambarana an'i Jesosy Kristy.

108 Ary hitantsika fa ny Baiboly dia milaza, hoe, "Ny Isiraely rehetra, ny Isiraely voafidy mialoha, dia hovonjena," Romana 11. Ankehitriny dia fantatsika izany. Ary teo no nahitantsika an'ireo fanahy ireo.

109 Ankehitriny dia jereo hoe akaiky toy ny ahoana. Nahoana ity no tsy nisy tany aloha? Satria tsy nitranga ilay izy tany aloha. Ankehitriny dia afaka mahita an'izany ianareo, hitanareo. Hitanareo, ilay Fanahy Masina lehibe, no nahita an'ireo zavatra ireo tonga nanerana an'ireo—ireo taona sy fotoana. Ary ankehitriny dia voambara izany, ka amin'izay fotoana izay dia mijery eo ianareo ka mahita fa izany no Fahamarinana. Eo no misy an'izany.

110 Ankehitriny, izany dia—izany dia ireo maritiora tao anatin'ny fahoriambe, na ny fahoriambe mialoha, an'i Eichmann. Ankehitriny, manao tandindona fotsiny an'ireo maritiora efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy izy ireo, izay idirantsika, eo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy Fahafito. Hitanareo?

111 Ary ny Tombokase Fahafito dia zavatra anankiray fotsiny, izay ihany, ary io, "Izany dia fahanginana tany An-danitra nandritry ny antsasaky ny ora." Ary ankehitriny dia Andriamanitra irery ihany no afaka manambara an'izany. Tsy natao mari-pamantarana akory aza izany, na aiza na aiza. Rahampitso hariva izany. Mivavaha ho ahy. Hitanareo?

112 Ankehitriny, mahamarika isika ankehitriny, raha miditra ao amin'ny Tombokase Fahenina isika. Ankehitriny dia enga anie ny Ray any An-danitra hanampy antsika raha mifantoka amin'ity Tombokase Fahenina ity isika ankehitriny. Ankehitriny dia ity andininy faha-12-n'ny toko faha-6 ity.

> *Ary nahita aho rehefa izy . . . nosokafany ny tombokase fahenina, ary, indro, nisy horohorontany mafy; ary ny masoandro lasa mainty tahaka ny volon'ny lamba fisaonana, ary ny volana lasa tahaka ny rà;*
>
> A*ry ny kintana tamin'ny lanitra niraraka tamin'ny . . . tany, toy ny hazo aviavy mihitsy aza izay* manintsana *ny voany manta, rehefa hozongozonin'ny rivotra mahery izy.*
>
> *Ary ny* lanitra *lasa tahaka ny horonana iray rehefa voahorona miaraka* izy; *ary ny tendrombohitra rehetra sy ny nosy* rehetra *dia nafindra niala tamin'ny toerany.*
>
> *Ary ny mpanjakan'ny tany, sy ireo olo-malaza, sy ireo olona manan-karena, sy ireo lehiben'ny kapiteny,*

sy ireo lehilahy mahery, ary ny rehetra ande-. . .sy ny olona afaka rehetra, dia nanafina ny tenany tao amin'ny lavaka sy tao amin'ny vatolampin'ny tendrombohitra;

113 Voamarikareo ve eo? Jereo izy ireo, "lehilahy mahery," hitanareo. Inona no nataon'izy ireo? "Nahazo ny divain'ny fahatezeran'ny fijangajangan'ilay mpijangajanga izy ireo." Hitanareo? Izany marina tokoa ilay kilasy iray ihany izay nisotro avy tamin'ny divainy. Hitanareo?

Ary nilaza tamin'ireo tendrombohitra sy vatolampy hoe, Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin'ny tavan'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry:

Fa tonga ny andro lehiben'ny fahatezerany; ka iza no hahajanona?

114 Fampidirana iray toy ny inona ho. . .Hitanareo, ilay an'ny mpitaingina ankehitriny, ireo bibin'ilay mpitaingina, sy ireo Zava-manan'aina mamaly, dia nitsahatra. Avy eo, dia noraisintsika, mahita an'ireo maritiora eo ambanin'ny Seza fiandrianana isika. Ankehitriny ity, an'ilay fotoana, ireto maritiora ireto dia ireo Jiosy Ortodoksa marina izay maty tao amin'ny finoana Kristiana. . .na tao—tao amin'ny finoana arapivavahana, satria tsy mety ho Kristiana izy ireo.

115 Tsarovy, Andriamanitra no nanajamba ny mason'izy ireo. Ary ho jamba mandritry ny fotoana ela izy ireo, mandrapanaisotra an'ilay Fiangonana Jentilisa amin'ny làlana. Satria, Andriamanitra dia tsy mifanaraka amin'ny vahoaka anankiroa amin'ny fotoana iray ihany, satria tena mifanohitra amin'Ny Teniny izany.

116 Tsarovy, Izy dia mifanaraka amin'ny Isiraely amin'ny mahafirenena iray, isan'andro. Izany dia ny firenen'Isiraely.

117 Ireo Jentilisa, amin'ny maha-isam-batan'olona, "vahoaka iray nalaina avy tamin'ireo Jentilisa." Ary izany dia tsy maintsy, ilay Jentilisa, tsy maintsy manao. . .vita avy tamin'ny vahoaka rehetra avy amin'izao tontolo izao, koa matetitetika dia misy Jiosy iray miditra ao anatin'izany. Hitanareo? Tahaka ny—tahaka ny Arabo iray fotsiny, sy Irlandais iray, sy Indiana, ary inona koa, izany dia ny vahoaka rehetra avy amin'izao tontolo izao, no manao an'io fehezana Ampakarina io. Hitanareo?

118 Fa, ankehitriny, rehefa tonga eo amin'ny fifanarahana amin'ny Isiraely izany amin'izay fotoana izay, ao amin'io ampahany faran'ny faha-fitopolo herinandro io, dia mifanaraka amin'izy ireo Izy amin'ny maha-firenena iray, vita ny amin'ireo Jentilisa. Ho tonga tsy ho ela ilay ora, ary mbola mety ho ity—ity hariva ity mihitsy, no hihodinan'Andriamanitra tanteraka miala amin'ny Jentilisa, manontolo. Marina tokoa! Izy no niteny an'izany. "Hanitsaka ny rindrin'i Jerosalema izy ireo mandra-

pahatapitry ny fe-potoan'ny Jentilisa, tapitra ireo fotoana." Eny, tompoko!

119 Ary amin'izany fotoana izany, "Aoka izay maloto hijanona ho maloto; aoka izay marina ho marina." Hitanareo?

120 Tsy misy Rà intsony eo amin'ilay sezan'ny—an'ny—an'ny fanama-. . . ao amin'ilay toera-masina, mihitsy. Tsy misy Rà intsony eo amin'ilay alitara. Efa nesorina ilay Fanatitra, ka tsy misy afa-tsy setroka sy tselatra ary fitsarana ao anatiny ao. Ary izany marina tokoa no miraraka eto izao hariva izao. Hitanareo, ny Zanak'ondry dia efa niala an'ilay. . . Ny asam-panelanelanany. Efa nifarana ny asam-panelanelanana, avy teo amin'ilay Seza fiandrianana. Ary ilay Fanatitra, araka ny nanaovantsika tandindona Azy tanteraka tokoa, ilay Havana Mahavotra, ilay Zanak'ondry nandeha rà izay nandroso. Zanak'ondry iray izay efa voavono, Anankiray nandeha rà, efa novonoina, notorotoroina, no nandroso ka nandray ny Boky avy teny an-Tànany. Izany dia, mifarana ireo andro. Ankehitriny dia tonga Izy mba hitaky an'izay Navotany. Amena! Mandefa zavatra manerana ahy fotsiny izany!

121 Mahita isika ankehitriny, hoy i Jaona hoe, "Nahita aho rehefa Novahany ny Tombokase Fahenina, dia nisy horohorontany mafy iray," tamin'izay fotoana izay dia niato ny natiora rehetra. Hitanareo?

122 Nanao zavatra lehibe Andriamanitra, toy ny manasitrana ny marary, sy manokatra ny mason'ny jamba, ary nanao asa lehibe.

123 Saingy hitantsika, eto, fa nanao fitsimbadihana iray ny natiora, eny, ny natiora rehetra. Jereo izay niseho, "Ny—ny horohorontany; lasa mainty ny masoandro, ary tsy nanome ny tarany ny volana; ary nihozongozona ireo kintana ka nianjera." Ary, nahoana, ny zavatra rehetra dia nitranga, hitanareo, tamin'ny fotoan'ny fisokafan'ity Tombokase Fahenina ity mihitsy. Tamin'izany no niseho ilay izy, taorian'ny filazana an'ireo maritiora ireo avy hatrany mihitsy, hitanareo. Efa nifarana ireo maritiora.

124 Ankehitriny dia hitanareo fa tena akaikin'io ora io mihitsy isika ankehitriny. Mety ho izany isika, amin'ny fotoana rehetra, hitanareo, satria efa saiky vonona mihitsy handray ny Fanidinany ilay Fiangonana. Fa tsarovy, rehefa mitranga ireto zavatra ireto, dia tsy ho eto ny Ampakarina. Tsarovy fotsiny, lasa ny Ampakarina, tsy mila mandalo amin'ny iray amin'izany Izy. Ity dia fotoana iray an'ny Fahoriambe, an'ny fanadiovana ny—an'ny fiangonana; napetraka eo aminy izany, mba handalovany amin'izany, fa tsy ny Ampakarina. Manaisotra ny Malalany amin'ny làlana Izy. Eny, tompoko! Izy, efa nanavotra Azy. Hitanareo, izany dia karazan'ny. . . Izany no Fifantenany Manokana, Fifidianany Manokana, tahaka ny

lehilahy rehetra maka ny ampakariny. Hitanareo? Ankehitriny, ny horohorontany . . .

125 Ndao isika hampitaha ny Soratra ankehitriny. Izaho—izaho dia mila . . . Nitondra pensily iray sy taratasy ve ianareo miaraka aminareo? Tiako ianareo hanao zavatra iray ho ahy. Raha tianareo ny hanoratra, hanoratra an'ity, satria, raha tsy hoe haka an'ilay horonam-peo ianareo. Ankehitriny isika . . . Tiako ianareo hamaky miaraka amiko, raha manao ianareo.

126 Hampitaha an'ireo Soratra ny amin'ity zava-mitranga lehibe ity, mba hahitantsika fa ity tsiambaratelo lehibe ity, na zava-miafina, izay teo ambanin'ny Tombokase Fahenina an'ny Bokin'ny Fanavotana. Tsarovy ankehitriny, zava-miafina nafenina izy ireto. Ary ireo Tombokase enina, ny rehetra miaraka, dia Boky goavana be anankiray, horonana enina nahorona miaraka fotsiny, ary izany no mamaha an'ilay Bokin'ny Fanavotana manontolo. Tahaka an'izany no nanavotana ny tany manontolo.

127 Izany no antony nitomanian'i Jaona, satria, raha tsy nisy anankiray afaka nandray an'io Boky io, ny famoronana rehetra, ny zavatra rehetra dia vita. Izy dia hiverina fotsiny ihany any—any—any amin'ireo atoma sy molekiola, sy ny sisa, sy hazavana kosmika, ary tsy hisy famoronana intsony akory aza, olona, na inona na inona hafa. Satria, verin'i Adama ireo zò amin'io Boky io. Nariany izany rehefa nihaino ny vadiny izy, ary izy nihaino an'ireo fandanjalanjan'i Satana, raha tokony ho ny Tenin'Andriamanitra. Hitanareo? Nariana izany.

128 Avy eo, tsy afaka niverina teny amin'ny tànana maloton'i Satana izany, izay naka fanahy azy hivoaka amin'ilay làlana, koa noho izany dia niverina tany amin'ilay tompony tany am-boalohany izany, tahaka ny hataon'ny filazam-pananana tsy azo lavina rehetra, hitanareo. Miverina avy hatrany any amin'ny tompony tany am-boalohany, ary Andriamanitra izany, ilay Mpamorona, Izay nanao azy. Ary Izy no mihazona an'izany.

129 Ary misy vidiny iray, ary izany no fanavotana. Misy vidiny iray ho an'ny fanavotana, nefa tsy nisy na iza na iza afaka nanao an'izany. Noho izany, dia nilaza Izy, nanao an'ireo Lalàny, ireo Lalàny Manokana an'ny Havana Mahavotra iray. Avy eo, tsy afaka nahita na iza na iza izy ireo. Ny olona rehetra dia teraka avy amin'ny fananahana, teraka araka ny filàna ara-pananahana; tao amin'ny ota tany am-boalohany izy, Satana sy Eva, noho izany dia tsy afaka nanao an'izany izy. Tsy misy na inona na inona ao aminy. Tsy misy papa masina, pretra, Dokotera momba an'Andriamanitra, na mety ho iza izy, tsy ho olona mendrika izy. Ary tsy mety ho Anjely iray izy, satria tsy maintsy ho Havana iray ilay izy. Izy dia tsy maintsy ho lehilahy iray.

130 Noho izany dia Andriamanitra Izy tenany no lasa Havana iray, tamin'ny nitafiana nofon'olombelona iray, tamin'ny alàlan'ny fahaterahana ara-virijiny. Ary nandraraka Ny Ràny Izy. Tsy ràn'ny Jiosy iray izany. Tsy ràn'ny Jentilisa iray izany. Izany dia ny Ràn'Andriamanitra. Hitanareo? Hoy ny Baiboly hoe, "Isika dia novonjena tamin'ny alàlan'ny Ràn'Andriamanitra."

131 Mandray ny ràn'ny ray ny zanaka. Fantatsika izany. Ny zavatra rehetra ao amin'ny lahy no mamokatra ny hemoglobina. Noho izany dia hitantsika, tahaka ny akohovavy mamoaka ny atody; afaka mamoaka atody iray izy, saingy raha tsy ilay akoholahy, na ilay sakaiza, no efa niaraka taminy, dia tsy ho foy izany. Tsy lonaka izy. Ny vehivavy dia fikotrehana fotsiny ihany izay mitondra an'ilay atody. Fa ilay atody dia tonga . . . Avy amin'ny lahy ny tsimoka.

132 Ary, ao amin'ity zava-misy ity, ny lahy dia Andriamanitra Izy tenany. Izany dia toy ny ilazako hoe, ny ambony dia ambany, ary—ary ny goavana dia kely. Tena lehibe Andriamanitra hany Izy ka lasa, nanao ny Tenany tao anatin'ny zavatra bitika mihitsy aza, ho tsimoka bitika kely iray tao anatin'ny kibon'ny virijiny iray. Ary nanodidina tao no Nampitomboany an'ireo sela sy ilay Rà. Ary teraka, ka lehibe teto an-tany. Ary avy tamin'io karazana fanombohana io, tsy nifangaro, tsy nisy filàna ara-pananahana ho an'izany, mihitsy.

133 Ary avy eo dia Nomeny io Rà io, satria lasa havana iray ho antsika Izy. Ary Izy no Havana Mahavotra. Ary nandraraka an'io Rà io Izy, maimaim-poana. Tsy voatery Izy. Nomeny maimaim-poana Izany, mba hanavotra.

134 Avy eo dia mankeo ambonin'ny alitaran'Andriamanitra Izy, ary miandry eo, raha mbola mihazona an'ilay Bokin'ny Fanavotana eny an-Tànany Andriamanitra. Ary mijoro eo ambonin'ny alitaran'ny fanatitra ilay Zanak'ondry mandeha rà. Eo ilay Zanak'ondry, mba hanao fanavotana, manao fanelanelanana.

135 Noho izany, dia ahoana no asahian'ny olona iray hilaza fa Maria, na Josefa, na mety maty hafa iray, dia afaka ho—ho mpanelanelana iray! Tsy afaka manelanelana ianareo raha tsy misy Rà eo. Eny, tompoko. "Misy Mpanelanelana iray eo anelanelan'Andriamanitra sy ny olona, ary Kristy Jesosy izany." Izany no lazain'ny Soratra. Mitsangana eo Izy, ary mandra-pahavotr'ilay fanahy farany; ary avy eo dia mandroso Izy mba hitaky an'izay Navotany. Oh, toy ny inona—Ray lehibe iray toy ny inona Izy!

136 Tsarovy ankehitriny, ankehitriny, efa nampianatra foana aho, hoe, "Amin'ny vavan'ny vavolombelona roa na telo, no aoka hiorenan'ny teny rehetra." Ary, ny Soratra, ohatra fotsiny hoe tsy afaka maka Soratra anankiray ianareo ka hanaporofo na inona

na inona raha tsy misy zavatra hafa mifanaraka amin'izany. Hitanareo?

137 Hitanareo, afaka maka Soratra anankiray aho ka manao hoe, "Nandeha Jodasy ka nanantona ny tenany," maka hafa iray ka manao hoe, "Mandehana ianareo manao tahaka an'izany." Hitanareo? Fa, hitanareo, tsy hifangaro amin'ny sisa amin'Izany ilay izy.

138 Ary nieritreritra aho, eo ambanin'ity Tombokase Fahenina ity, rehefa nanambara Azy ny Fanahy Masina tany, ka hitako hoe inona ilay izy, tamin'izay fotoana izay dia nieritreritra aho fa ho zavatra tsara iray ny hanome zavatra kely hafa iray ho an'ilay kilasy izao hariva izao. Hitanareo? Satria, mety handreraka ilay izy, eo am-pihainoana ahy fotsiny miresaka foana, noho izany dia nieritreritra aho fa hanao zavatra hafa isika.

139 Mariho ankehitriny. Ity zava-mitranga lehibe ity dia voaisy tombokase teo ambanin'ilay Bokin'ny zava-miafina, an'ny fanavotana. Ankehitriny dia ny Zanak'ondry no manana Azy eny an-Tànany, hamaha Azy.

140 Ankehitriny dia ndao isika hijery ao amin'ny Matio ny toko faha-24, ilay Zanak'ondry Izy tenany no miteny. Ankehitriny, ny rehetra dia mahafantatra fa Kristy no Mpanoratra an'ilay Boky manontolo, raha ny mikasika an'izany. Fa ity dia Ny—Ny fitenenany eto, na Ny—Ny toriteniny ho an'ny—ny olona, eny àry, ho an'ireo Jiosy.

141 Ankehitriny dia tiako ianareo hihazona ny Bokinareo tahaka an'*izao*, Matio 24 sy Apokalypsy 6, tahaka an'*izao*. [Mihazona ny Baiboliny misokatra ao amin'ireo toko roa ireo Rahalahy Branham—Mpand.] Ary ndao isika hampitaha zavatra kely fotsiny eto.

142 Ankehitriny, diniho ity ankehitriny, dia afaka hahita fotsiny ianareo hoe ahoana—ahoana ilay izy. Hitanareo, izay asehon'ny Zanak'ondry *eto*, ao amin'ny mari-pamantarana marina tokoa, dia izay Nolazainy *eto* amin'ny Teny. Manao marina tokoa, koa izany no manao an'ilay izy ho marina. Ankehitriny, izany no—izany ihany no misy amin'io. Eto dia . . . *Eto* ny anankiray, miresaka ny amin'izany Izy, ary *eto* no misy an'ilay izy mitranga. Hitanareo? Fanamarinana tanteraka fotsiny ilay izy.

143 Ankehitriny, ankehitriny ndao jerentsika ny toko faha-24-n'ny Masindahy Matio, sy ny Apokalypsy 6, dia ampitahao ny toko faha-24-n'ny Matio. Isika rehetra dia mahafantatra fa izany ilay toko izay itodihan'ny mahay rehetra, ny olona rehetra, mba—mba hiresahana mikasika ny vanim-potoan'ny Fahoriambe. Mivoaka ao amin'ny toko faha-24-n'ny Matio izany. Ary ankehitriny dia ndao isika . . . Raha izany no izy, ankehitriny isika . . . Satria, fantatsika fa ity Tombokase Fahenina ity dia ny Tombokasen'ny fitsarana. Izany dia ny Tombokasen'ny fitsarana, izany marina tokoa Izy.

144 Ankehitriny, hitanareo, isika dia efa nanana an'ilay—ilay fitaingin'ny antikristy. Nahita an'ilay Fiangonana nandeha; ankehitriny dia mifarana Izy, miakatra. Avy eo dia hitantsika ireo maritiora, ireo Jiosy tany, teo ambanin'ny alitara. Ankehitriny dia indro ny fivoahan'ny fitsarana, eo amin'ireo olona izay . . .

145 Avy ao amin'ity fitsaran'ny Fahoriambe ity no mivoaka ireo Jiosy navotana efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Ho porofoiko aminareo fa Jiosy izy ireo, fa tsy Jentilisa. Tsy misy idiran'izy ireo amin'ny Ampakarina, mihitsy. Ny Ampakarina, efa hitantsika fa lasa ny Ampakarina. Tsy afaka mametraka an'izany any an-kafa na aiza na aiza ianareo; tsy miverina indray raha tsy ao amin'ny toko faha-19-n'ny Bokin'ny asa.

146 Mariho ankehitriny, satria, ny Tombokase Fahenina dia Tombokasen'ny fitsarana an'ny Teny.

147 Ankehitriny, eto, ndao isika hanomboka ankehitriny ka ndao isika hamaky ny Masindahy Matio, ny toko faha-24. Ankehitriny dia tiako fotsiny ny hanome anareo zavatra iray eto izay vao avy nohamariniko, mba hahitana. Ankehitriny, Masindahy Matio, manomboka amin'ny 1 hatramin'ny 3, eny, no ho vakiantsika aloha.

> *Ary lasa Jesosy, ka niala teo amin'ny tempoly: ary ny mpianany nanatona azy mba* hampizaha *azy ny* rafitry *ny tempoly*.
>
> *Ary hoy* izy *tamin'izy ireo hoe, Tsy hitanareo ve ireo zavatra rehetra ireo? lazaiko aminareo marina tokoa, Tsy hisy* anankiray . . . *hisy vato anankiray eto ho tavela eo ambonin'ny iray hafa, ka tsy ho ravàna*.
>
> Ankehitriny, *ary* (andininy faha-3) *raha nipetraka izy teo ambonin'ny . . . tendrombohitra . . . Oliva, dia tonga* teo *aminy mangingina ireo mpianatra, nanao hoe, Teneno aminay, rahoviana* ireo zavatra ireo no *hisy? . . . inona no ho famantarana ny fihavianao, ary ny fiafaran'izao tontolo izao?*

148 Ankehitriny dia ndao isika hijanona eo. Ireo andininy telo ireo, izany dia niseho, tokoa, ny Talata tolakandro, ny fahefatra Aprily, A.D. 30. Ary ireo andininy roa voalohany dia niseho ny tolakandron'ny . . . ny fahefatra Aprily, tamin'ny A.D. 30. Ary ny andininy fahatelo dia niseho ny Talata hariva an'io andro io ihany. Hitanareo?

149 Nandeha nankany an-tempoly izy ireo, ka nanontany Azy an'ireo zavatra ireo. "Ahoana ny amin'*ity*? Ary ahoana ny amin'*ity*? Jereo ity tempoly lehibe ity! Tsy mahafinaritra ve izy?"

Hoy Izy hoe, "Tsy hisy vato iray ho tavela eo ambonin'ny iray hafa."

150 Avy eo dia niakatra teny an-tendrombohitra Izy ka nipetraka, hitanareo. Fa eo, eo Izy no manomboka; ny tolakandro izany. Ary avy eo rehefa nanao izy ireo, dia nanontany Azy teo ambony teo, nanao hoe, "Te-hahafantatra mikasika zavatra sasantsasany izahay."

151 Mariho ankehitriny, eto dia—eto dia ireo fanontaniana telo izay napetraky ny Jiosy, ny Mpianany. Fanontaniana telo no napetraka. Diniho ankehitriny. "Inona," voalohany, voalohany, "Inona . . .? Rahoviana no hisy ireo zavatra ireo, rahoviana ny hoe, 'Tsy hisy vato anankiray ho tavela eo ambonin'ny iray hafa'?" "Inona no ho famantarana Ny Fihavianao?" fanontaniana faharoa. "Ary ny faran'izao tontolo izao?" Hitanareo ve izany? Misy fanontaniana telo eo.

152 Ankehitriny, eo no anaovan'ny olona maro ny fahadisoany. Ireto zavatra telo eto ireto dia ampiharin'izy ireo amin'ny taona iray tamin'izany, nefa, hitanareo, mamaly fanontaniana telo Izy. Izy ireo . . .

153 Diniho ankehitriny hoe ahoana—tsara tarehy toy ny ahoana ilay izy, andininy faha-3, hitanareo, ilay fehezan-teny farany eo amin'ny andininy faha-3. "Ary ho inona . . .?" Voalohany, niantso Azy teny amin'ny tendrombohitra Oliva izy ireo eto, mangingina. "Teneno aminay, rahoviana no hisy ireo zavatra ireo?" fanontaniana nomerao iray. "Inona no ho famantarana Ny Fihavianao?" fanontaniana nomerao roa. "Ary ny faran'izao tontolo izao?" fanontaniana nomerao telo. Hitanareo? Misy fanontaniana telo samihafa napetraka eo. Ankehitriny, ankehitriny dia tiako ianareo hamadika ka handinika hoe ahoana no itenenan'i Jesosy amin'izy ireo eto mikasika an'ireo zavatra ireo.

154 Oh, tena tsara tarehy ilay izy! Izaho . . . Manao ahy fotsiny . . . Izaho—izaho—azoko ilay . . . Inona ilay teny nampiasaintsika indray hariva? [Hoy ny fiangonana hoe, "Fampientanana."—Mpand.] Ny fampientanana avy amin'ny fanambarana! Mariho.

155 Ankehitriny dia ndao isika hamadika ankehitriny ao amin'ny Tombokase Voalohany an'ireo—ireo Tombokase an'ity Boky ity, ka hampitaha an'io Tombokase Voalohany io amin'ity fanontaniana voalohany ity.

156 Ary ny fanontaniana tsirairay, ampitahao avy hatrany izany, dia jereo raha tsy mifampitantana izany, tahaka ny nataontsika tamin'ny fanokafana an'ireo zavatra hafa ireo, hatramin'ireo taom-piangonana sy ny zavatra rehetra, mitovy marina tokoa. Io ilay Tombokase, misokatra tanteraka, arak'izany. Mariho, ankehitriny. Ankehitriny dia hamaky isika, aloha, ho an'ny . . . "Avy eo dia namaly azy ireo Izy . . . " Ary—ary noho izany Izy—hanomboka hamaly Izy ankehitriny, ary tiantsika ny hampitaha an'izany amin'ireo Tombokase.

157 Diniho ankehitriny. Ny Tombokase Voalohany dia ny Apokalypsy 6:1 sy 2. Ankehitriny dia mamaky ny 6:1 sy 2 isika.

Ary—ary hitako . . . ny Zanak'ondry rehefa izy no *nanokatra ny anankiray tamin'ireo tombokase, ary reko, fa izany* dia *tahaka ny feon'*ny *kotrokorana, ny anankiray tamin'ireo zava-manan'aina nanao hoe, Avia ka jereo.*

Ary hitako, fa indro nisy soavaly fotsy iray: ary izay nipetraka teo amboniny dia nanana tsipika iray; ary nomena satroboninahitra izy: ary nivoaka izy ka naharesy, ary handresy.

158 Iza ity olona izay hitantsika ity? [Hoy ny fiangonana hoe, "Antikristy."—Mpand.] Antikristy. Matio 24, ankehitriny, 4 sy 5.

Ary namaly Jesosy ka nilaza tamin'izy ireo—tamin'izy ireo hoe, Mitandrema mba tsy hisy olona hamitaka anareo.

Fa maro no ho avy amin'ny anarako, hanao hoe, Izaho no Kristy; ka hamitaka ny maro.

159 Hitanareo ve izany? Antikristy. Io ny Tombokasenareo. Hitanareo? Hitanareo? Miteny an'izany Izy *eto*; ary *eto* izy ireo manokatra Tombokase iray, dia indro izy, tanteraka mihitsy.

160 Ankehitriny ny Tombokase Faharoa, Matio 24:6, Apokalypsy 6:3 sy 4. Diniho ankehitriny, Matio 24:6. Ankehitriny dia mamelà ahy hahita an'izay lazainy.

Ary handre ady sy filazana ady ianareo: jereo ka aoka ianareo *tsy hatahotra: fa tsy maintsy miseho ireo zavatra rehetra ireo, nefa tsy mbola izany ny farany.*

161 Eny àry, ndao alaintsika ny Tombokase Faharoa, Apokalypsy 6:3 sy . . . Roa. Diniho izay Lazainy ankehitriny.

Ary rehefa nosokafany ny tombokase faharoa, dia *reko ny zava-manan'aina faharoa nanao hoe, Avia . . . jereo.*

Ary indro nivoaka *ny soavaly hafa iray izay mena: ary ny fahefana dia nomena* ho an'*ilay nipetraka teo amboniny mba hanaisotra ny fiadanana amin'ny tany, sy mba hifamonoan'izy ireo: ary nomena* ho *azy ny sabatra lehibe iray.*

162 Tanteraka tokoa, marina tokoa! Oh, tiako ny manao ny Soratra mamaly ny Tenany. Ary ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny Fanahy Masina no nanoratra Azy rehetra, saingy Izy no afaka manambara Azy.

163 Ankehitriny dia ndao isika hanamarika ny Tombokase Fahatelo. Ankehitriny, ity dia mosary. Ankehitriny, Matio 24:7 sy 8. Ndao alaintsika ny 7 sy 8, ao amin'ny Matio.

Ary *hisy firenena hitsangana hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana: ary hisy mosary, . . .*

areti-mifindra,. . .horohorontany, amin'ny toerana samihafa.

Ireo zavatra *rehetra ireo no fiandohan'ny* fahoriana.

164 Hitanareo, manohy manatona ianareo ankehitriny. Ankehitriny, Apokalypsy, ao amin'ny faha-6, ankehitriny dia hanokatra ny Tombokase Fahatelo isika. Izany dia hita ao amin'ny Apokalypsy 6:5 sy 6.

Ary rehefa novahany ny tombokase fahatelo, izaho—izaho dia nahita *ny zava-manan'aina fahatelo nanao hoe, Avia ka jereo. Ary hitako, ka indro ny soavaly mainty iray; ary izay nipetraka teo amboniny dia nanana mizàna teny an-tànany.*

Ary nandre feo iray aho teo afovoan'ireo zava-manan'aina efatra nanao hoe, *Fatra iray. . .venty. . . Venty ny vary tritika iray fatra, ary venty ny vary hordea intelon'ny fatra; ary jereo fa ianao aza manimba ny diloilo sy. . .divay.*

165 Mosary! Hitanareo, ilay Tombokase iray ihany marina tokoa, ilay zavatra iray ihany izay nolazain'i Jesosy. Eny àry.

166 Tombokase Fahefatra, "areti-mifindra" sy "fahafatesana." Mariho, Matio 24. Hamaky isika ny—ny andininy faha-8, faha-7 sy faha-8, mino aho fa izay ilay izy, eo amin'ity Tombokase Fahefatra ity, izay ananako eto. Eny àry.

167 Ankehitriny, inona no novakiako teto? Namaky zavatra diso ve aho? Hia, nanana an'izany voamarika aho. Hia, eo isika izao. Handeha isika ankehitriny. Mandeha isika ankehitriny. Eny àry, tompoko.

168 Ankehitriny dia ndao isika hanomboka eto amin'ny faha7, eo amin'ity, ny Tombokase Fahefatra; ary eo amin'ny 6:7 sy 8, eo amin'ilay anankiray hafa, eo amin'ny Apokalypsy.

169 Ankehitriny dia ndao jerentsika ny faha-7 sy faha-8-n'ny Matio 24. Eny àry ankehitriny.

Ary *hisy firenena hitsangana hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana: ary hisy mosary,. . . areti-mifindra. . .horohorontany, amin'ny toerana samihafa.*

Ireo zavatra *rehetra ireo no fanombohan'ny* fahoriana.

170 Ankehitriny ny Tombokase Fahefatra, raha mamaky eto isika, dia ny. . .Ny Tombokase Fahefatra, dia manomboka amin'ny faha-7 sy faha-8, eo amin'ity hafa ity ankehitriny.

Ary rehefa novahany ny tombokase fahefatra, ka indro *. . .ny zava-manan'aina fahefatra* nanao hoe, *Avia ka jereo.*

Dia nijery aho, ka indro soavaly hatsatra iray:. . .

171 Andraso ankehitriny. Diso ny nandraisako naoty an'ity. Hia. Hia. Iray minitra fotsiny ankehitriny, ankehitriny, 7 sy 8.

172 Ndao jerentsika ankehitriny, Matio 24:7 sy 8. Ndao jerentsika ankehitriny. Halaintsika izany. Izany no Fahatelo, misokatra, sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Matio 24:7 sy 8. Miala tsiny aho. Ankehitriny, izany no manokatra ny orana, na, ny mosary, manokatra ny mosary. Eny àry.

173 Ankehitriny, ireo "areti-mifindra" sy "fahafatesana." Eny, tompoko. Ankehitriny isika dia handeha eo amin'izany, 7 sy 8. Ankehitriny, izany dia ho ny Tombokase Fahefatra. Ndao jerentsika hoe aiza no ahitantsika ny Tombokase Fahefatra. "Ary rehefa novahany ny Fahefatra—Tombokase Fahefatra . . ." Hia, izany ilay mpitaingina soavaly hatsatra, "Fahafatesana," hitanareo.

> *Ary—ary nijery aho, ka indro soavaly hatsatra iray: ary* izy . . . *soavaly hatsatra: ary ny anaran'izay nipetraka teo amboniny dia* nantsoina hoe *Fahafatesana, ary ny Helo nanaraka . . . azy. Ary ny fahefana dia nomena ho* azy *eo amin'ny* efatra- . . . ampahan'*ny tany, mba hamono amin'*ny *sabatra, sy amin'ny hanoanana, sy amin'ny fahafatesana, ary amin'ny bibidia ety an-tany.*

174 Ankehitriny, hitanareo, izany no "Fahafatesana."

175 Ankehitriny, ny Tombokase Fahadimy, Matio 24:9-13. Ndao jerentsika raha marina ny nandraisako an'ity, ankehitriny, indray. Hitanareo?

> Ary *amin'izany dia hatolony ho amin'ny fahoriana ianareo, sy ho vonoiny ianareo* (eo ianareo izao): *ary ho halan'ny firenena rehetra ianareo nohon'ny anarako.* Ary rehefa . . .
>
> *Ary amin'izany* dia maro no hamadika . . . maro no *ho tafintohina, sy hifamadika, ary hifankahala.*
>
> *Ary hisy mpaminany sandoka maro hitsangana, ka . . . hamitaka ny maro.*
>
> *Ary nohon'ny habetsahan'ny heloka, dia hiha-mangatsiaka ny fitiavan'ny maro.*
>
> *Fa izay . . . maharitra* hatramin'*ny farany, no hovonjena.*

176 Ankehitriny, dia eo amin'ny Tombokase Fahadimy isika ankehitriny. Ary omaly hariva izany, hitanareo. "Hanolotra anareo izy ireo, hifamadika," sy ny sisa.

177 Ankehitriny dia diniho eto amin'ny faha-6, Tombokase, 6:9 hatramin'ny 11. Ankehitriny dia ndao alaintsika ity anankiray ity, Apokalypsy 6:9 hatramin'ny 11.

Ary rehefa novahany ny tombokase fahadimy, dia hitako teo ambanin'ny alitara ny fanahin'ireo izay novonoina nohon'ny tenin'Andriamanitra, sy nohon'ny filazana izay nohazonin'izy ireo:

Ary niantso tamin'ny feo mahery izy ireo, nanao hoe, Mandra-pahoviana, . . . Tompo, masina . . . marina, ianao no . . . hitsara sy hamaly ny rànay amin'ireo izay monina eny ambonin'ny tany?

Ankehitriny, *ary nomena akanjo fotsy* ny *tsirairay avy tamin'izy ireo; ary nolazaina tamin'izy ireo, fa tsy maintsy miala sasatra mandritry ny vanim-potoana kely izy ireo, mandra-pahatongan'ireo mpanompo namany sy ireo rahalahiny ihany koa, . . . hovonoina tahaka azy ireo, izay tsy maintsy ho tanteraka.*

178 Ankehitriny, hitanareo, eo ambanin'ny Tombokase Fahadimy, hitantsika—hitantsika eto ny fanaovana maritiora.

179 Ary eo ambanin'ny 24:9 eto, isika . . . hatramin'ny 13, dia hitantsika ihany koa fa maritiora izany. "Hanolotra anareo izy ireo, ary hamono anareo," sy ny sisa. Hitanareo, ilay Tombokase iray ihany izay nisokatra.

180 Ankehitriny, ao amin'ny Tombokase Fahenina, dia izany no anankiray izay ahatongavantsika ankehitriny, Matio 24:29 sy 30. 24, ary ndao alaintsika ny 29 sy—sy 30. Eto isika izao.

Ankehitriny, ankehitriny isika dia haka, ihany koa, ny Apokalypsy 6:12 hatramin'ny 17.

181 Vao avy novakiantsika marina tokoa izany. Ankehitriny dia henoy ity, ankehitriny, izay nolazain'i Jesosy ao amin'ny Matio . . . :29, 24:29 sy 30.

Aorian'ny fahoriambe avy hatrany amin'ireo andro ireo . . .

182 Inona? Rehefa ny . . . ity fahoriambe ity, ity fahoriambe kely izay nandalovan'izy ireo eto ity, hitanareo.

. . . hohamaizinina ny masoandro, ary tsy hanome ny hazavany ny volana, ary hiraraka avy any an-danitra ireo kintana, ary ireo herin'ny . . . lanitra ho hozongozonina:

Ary amin'izany dia hiseho eny amin'ny lanitra ny famantarana ny Zanak'olona: ary amin'izany dia *hisaona ny foko rehetra ambonin'ny tany, ary hahita ny Zanak'olona eo amin'ny rahon'ny lanitra izy ireo tonga amin'ny hery sy voninahitra lehibe.*

183 Ankehitriny, vakio eto amin'ny Apokalypsy ankehitriny, ny—ny Tombokase Fahenina, ilay anankiray izay misy antsika izao ankehitriny izao.

Ary. . .indro *rehefa nosokafany ny tombokase fahenina, ary, indro, nisy horohorontany mafy; ary ny masoandro lasa mainty tahaka ny lamba fisaonana* (hitanareo?) *an'ny volo, ary ny volana lasa tahaka ny rà;*

Ary ny kintana tamin'ny lanitra dia niraraka tamin'ny tany, toy ny aviavy mihitsy aza izay manintsana *ny voany manta, rehefa izy*. . .*hozongozonin'ny rivotra mahery.*

Ary ny lanitra *lasa tahaka ny horonana* raha *voahorona miaraka izy; ary ny tendrombohitra rehetra sy ny nosy* rehetra. . .*dia nafindra niala tamin'ny* toerany.

Ary ny mpanjakan'ny tany, sy ireo olo-malaza, sy ireo mpanan-karena, sy ireo lohan'ny kapiteny, sy ireo lehilahy mahery, ary ny andevo *rehetra*,. . .*ny olona afaka rehetra, dia nanafina ny tenany tao amin'ny lavaka*. . .*tao amin'ny vatolampin'ny* tendrombohitra;

Ary nilaza tamin'*ireo tendrombohitra sy vatolampy hoe, Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin'ny tavan'ilay* mipetraka eo ambonin'*ny seza fiandrianana, sy amin'ny fahatezerana—fahatezeran'ny Zanak'ondry:*

Fa tonga ny andro lehiben'ny fahatezerany;. . .*iza no afaka hahajanona?*

184 Tanteraka mihitsy, mamadiha avy hatrany, jereo izay nolazain'i Jesosy eto ankehitriny ao amin'ny Matio 24:29. Henoy. "Aorian'ny," io raharaha Eichmann io, sy ny sisa.

Aorian'ny fahoriambe avy hatrany amin'ireo andro ireo dia hohamaizinina ny masoandro, . . .*ny volana dia tsy—tsy hanome ny hazavany,*. . .*hiraraka avy any an-danitra ireo kintana,*. . .*ireo herin'ny*. . .lanitra *ho hozongozonina:*

Diniho ankehitriny.

Ary amin'izany dia hiseho eny amin'ny lanitra ny famantarana ny Zanak'olona: ary izy ireo dia hahita, ary izy ireo. . .*ary amin'izany dia hisaona ny foko rehetra ambonin'ny tany, ary hahita ny Zanak'olona eo amin'ny rahon'ny lanitra izy ireo tonga amin'ny* hery lehibe sy *voninahitra.*

Ary. . .*haniraka* an'*ireo anjeliny,* sy ny sisa, ary *miaraka amin'ny*. . .*feon'ny trompetra iray, ary*. . . *hanangona* azy ireo *miaraka*. . .*ireo rivotra efatra,*. . . niady miaraka.

185 Hitanareo, marina tokoa, mampitaha an'izay nolazain'i Jesosy ao amin'ny Matio 24, sy izay nosokafan'ilay mpanambara eto ao amin'ny Tombokase Fahenina, dia marina tokoa. Ary niresaka ny amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe Jesosy.

[Mandondòna ny polipitra intelo Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo?

186 Voalohany, nanontany izy hoe rahoviana no hisy ireo zavatra ireo, rahoviana no ho esorina ilay tempoly. Namaly an'izany Izy. Ny zavatra manaraka nanontaniany, dia rahoviana no ho tonga ny fotoana . . . Ho tonga ny taonan'ny maritiora. Ary rahoviana *ity* no hatao, rahoviana no hitsangana ny antikristy; ary rahoviana no hanaisotra ny tempoly ny antikristy.

187 Daniela, ahoana fa afaka hiverina isika ka haka an'i Daniela eo, rehefa nilaza an'izany izy, io andriana izay ho avy io. Mahafantatra an'izany ianareo mpamaky. Ary inona no tsy maintsy hataony? Hanaisotra ny fanatitra isan'andro izy, sy izay rehetra hiseho mandritr'ilay fotoana. Nilaza . . .

188 Jesosy, mihitsy aza, dia miresaka an'izany eto, manipika an'izany. Hoy Izy, "Rehefa hitanareo ny fahavetavetana izay manao fandravàna, izay nampilazaina an'i Daniela mpaminany, fa mitsangana ao amin'ny toerana masina." [Mandondòna ny polipitra intelo Rahalahy Branham—Mpand.] Inona izany? Ny mosquée d'Omar, mipetraka eo amin'ny toeran'ny tempoly rehefa avy nodoran'izy ireo izany. Hoy Izy, "Aoka ireo izay any an-tendrombohitra . . . Aoka ireo izay any an-tampon-trano, tsy hidina haka an'ireo zavatra ao an-trano, na izay any an-tsaha hiverina. Fa hisy fotoan'ny fahoriana iray!" Hitanareo? Ary ireo zavatra rehetra izay hiseho ireo, dia notohizantsika izy ireo ankehitriny ary nohamarinitsika izany, niverina amin'ity fanokafana ny Tombokase Fahenina ity.

189 Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika. Jesosy . . . Ankehitriny, mikasika ny rahampitso hariva, eo amin'Ity, dia navelan'i Jesosy ny fampianarana ny Tombokase Fahafito. Izany dia tsy eto. Diniho, manohy avy hatrany eo amin'ireo fanoharana Izy ankehitriny, aorian'izany. Ary navelan'i Jaona ny Tombokase Fahafito. Ny Fahafito, farany, ny Tombokase Fahafito, dia ho zavatra lehibe iray izany. Tsy voasoratra akory aza izany, hitanareo. Namela ny Tombokase Fahafito; samy nanao izy roa. Ary ilay mpanambara, rehefa nilaza fotsiny Andriamanitra fa nisy . . . Hoy Jaona hoe, "Nisy fahanginana fotsiny tany An-danitra." Tsy nilaza teny iray mikasika an'Izany mihitsy Jesosy.

190 Mariho ankehitriny, miverina amin'ny andininy faha-12, mariho, tsy misy Zava-manan'aina. Izany ny andininy faha-12, manomboka eo amin'ny Tombokasentsika, mba hahita azy misokatra. Tsy misy Zava-manan'aina, tahaka, Zavatra manan'aina, izay voaseho eto, ihany koa, tahaka ny teo amin'ny Tombokase Fahadimy. Nahoana? Ity dia nitranga, any amin'ilay ilany hafa an'ny taonan'ny Filazantsara, ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe. Ity Tombokase Fahenina ity dia ny vanim-potoan'ny Fahoriambe. Izany no miseho. Efa lasa

ny Ampakarina. Hitanareo? Tsy misy Zavatra manan'aina intsony na inona na inona eo hilaza azy. Izany fotsiny dia . . . Ankehitriny, tsy mifanaraka amin'ilay Fiangonana intsony Andriamanitra; efa lasa Izy.

191 Mifanaraka amin'ny Isiraely Izy, hitanareo. Hitanareo, ilay ilany hafa ity, ity dia rehefa Isiraely mandray ny Hafatry ny fanjakana, amin'ny alàlan'ireo mpaminany roa an'ny Apokalypsy 11. Tsarovy, Isiraely dia firenena iray, mpanompon'Andriamanitra, firenena. Ary rehefa—rehefa—rehefa entina miditra Isiraely, izany dia ho—ho resaka ara-pirenena.

192 Isiraely, ilay taonan'ny fanjakana, dia izay misy an'i Davida . . . ny Zanak'i Davida, mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana. Izany no antony niantsoantsoan'ilay vehivavy hoe, "Ianao ry Zanak'i Davida!" Ary Davida dia tsy maintsy . . . Zanak'i Davida! Nianiana Taminy Andriamanitra, ho an'i Davida, fa Izy dia hanangana Ny Zanany izay haka ny seza fiandrianany. Ho seza fiandrianana iray mandrakizay izany. Hitanareo? Tsy hanana fiafarana izany. Solomona no nanome an'izany, tao amin'ny tandindona iray, tao an-tempoly. Ary niteny tamin'izy ireo Jesosy eto, fa izany dia, "Tsy hisy vato anankiray ho tavela eo ambonin'ny iray amin'izy ireo." Fa miezaka Izy miteny amin'izy ireo eto, an'izany . . . Izy dia hiverina.

"Rahoviana Ianao no hiverina?"

193 "Ireo zavatra ireo dia hiseho alohan'ny Hiverenako." Ary indro izy ireo!

Ankehitriny dia ao amin'ny fotoan'ny Fahoriambe isika.

Tsarovy, rehefa tafapetraka ny fanjakana, eto ambonin'ny tany . . .

194 Ankehitriny, mety hanaitra kely ity. Ary raha misy fanontaniana iray, ary ianareo—mbola afaka manontany ahy foana ianareo; raha te-hametraka an'ilay fanontaniana, aorian'ny niantsoana azy, ka hikasihana azy mihitsy; raha tsy izany, raha tsy efa fantatrareo izany.

195 Ao amin'ny fotoan'ny Arivo taona, izany dia Isiraely izay firenena iray, ireo foko roa ambin'ny folo arak'ilay firenena.

196 Fa ny Ampakarina dia ao an-dapa. Izy no ilay Mpanjakavavy ankehitriny. Izy dia manambady. Ary ny tany rehetra dia hiditra ao amin'io tanàna io, Jerosalema, ka hitondra ny voninahiny ho ao. "Ary tsy hikatona ireo vavahady, amin'ny—amin'ny—amin'ny alina, satria tsy hisy alina intsony any." Hitanareo? Hisokatra foana ireo vavahady. "Ary ireo mpanjakan'ny tany," Apokalypsy . . . :22, "hitondra ny hajany sy ny voninahiny ao amin'io tanàna io." Fa ny Ampakarina dia ao anatiny ao miaraka amin'ny Zanak'ondry. Oh, oadray! Afaka mahita

an'izany ianareo, ao anatiny ao! Tsy . . . Tsy ho eto ivelany eto ny Ampakarina hiasa mafy any an-tanim-boaloboka. Tsia, tompoko. Izy no Ampakarina. Izy no Mpanjakavavy ho an'ilay Mpanjaka. Ireo hafa no miasa mafy any ivelany, ilay firenena, fa tsy ny Ampakarina. Amena. Eny àry.

197 Mariho ireto iraka ireto ankehitriny, ireto iraky ny Apokalypsy ireto . . . :12, ireto mpaminany roa ireto, hitory teny izy ireo hoe, "Antomotra ny Fanjakana!" Hitanareo? Tsy maintsy ho tafapetraka ny Fanjakan'ny Lanitra. Ilay fotoana, ireo telo taona sy tapany farany an'ny faha-fitopolo herinandron'i Daniela, izay nampanantenaina an'ireo Jiosy, ny vahoakany. Tsarovy ankehitriny, izany, mba hanaporofo an'izany, hoe ity no ampahany farany an'ny faha-fitopolo herinandron'i Daniela. Manana fanontaniana iray eo amin'izany aho ho an'ny rahampitso. Hitanareo?

198 Ankehitriny, fitopolo herinandro no nampanantenaina, izany dia fito taona. Ary eo afovoan'ireo herinandro fito, dia tsy maintsy nesorina ny Mesia, mba hatao fanatitra iray. Izy dia haminany telo taona sy tapany, ary avy eo dia hesorina izy, ho fanatitra iray ho an'ny olona. Ary mbola misy voatendry iray eo, hoe telo taona sy tapany no mbola voatendry ho an'ny Isiraely. Noho izany, rehefa nesorina ny Mesia, dia nohajambaina ny Jiosy mba tsy ahafahany mahita fa io no Mesia.

199 Ary, avy eo, rehefa nesorina ny Mesia, tamin'izay dia tonga tamin'ny Jentilisa ny Filazantsara sy ny taonan'ny fahasoavana. Dia tonga izy ireo, ary Andriamanitra nisintona anankiray avy *eto* sy *etsy*, ary *eto* sy *etsy*, ka nametraka azy ireo lavitra teo ambanin'ireo iraka; ary *eto* sy *etsy*, ary *eto* sy *etsy*, ka nametraka azy ireo lavitra teo ambanin'ireo iraka.

200 Ary naniraka an'ilay iraka voalohany Izy, ka nitory teny izy, ary naneno ny trompetra iray; araky ny andraisantsika an'izany, afaka kelikely. Ary, amin'izay fotoana izay, ilay trompetra dia nanambara ady. Manondro ady foana ny trompetra. Ny iraka, tonga eto an-tany ilay anjely, ilay iraky ny ora, tahaka an'i Luther, tahaka an'ireo iraka rehetra izay efa noresahantsika. Inona no ataony? Tonga izy; ary nisokatra ny Tombokase iray, voambara; maneno ny trompetra iray, voambara ny ady, ary lasa izy ireo. Ary avy eo dia maty ilay iraka. Manisy tombokase an'io vondrona io izy; miditra izy ireo. Ary milatsaka eo amin'ireo izay nandà an'Izany ny loza iray. Hitanareo?

201 Avy eo dia mitohy ilay izy, avy eo dia mandrafitra izy ireo, manao rafi-pandaminana hafa iray. Vao avy nandalovantsika izany. Avy eo, indro izy ireo fa tonga miaraka amin'ny hery hafa iray, hitanareo, hery hafa iray, taom-piangonana hafa iray, asam-panompoana hafa iray. Avy eo, rehefa manao an'izany izy, dia indro tonga Andriamanitra miaraka amin'ny Asam-panompoany, rehefa tonga miaraka amin'ny azy ilay antikristy.

Hitanareo, *anti* dia "manohitra." Mandeha amin'ny ilany sy ilany izy ireo.

202 Tiako ianareo hanamarika zavatra kely. Saiky tamin'ny fotoana mihitsy izay—izay nahatongavan'i Kaina teto an-tany, no nahatongavan'i Abela teto an-tany. Tiako ianareo hanamarika, saiky tamin'ny fotoana mihitsy izay—izay nahatongavan'i Kristy teto an-tany, no nahatongavan'i Jodasy teto an-tany. Saiky tamin'ny fotoana izay nialan'i Kristy teto an-tany, no nialan'i Jodasy teto an-tany. Saiky tamin'ny fotoana mihitsy izay ny—nilatsahan'ny Fanahy Masina, no nilatsahan'ny fanahin'ny antikristy. Saiky amin'ny fotoana mihitsy izay anambaran'ny Fanahy Masina ny Tenany eto amin'ny andro farany, no ampisehoan'ny antikristy ny lokony, tonga amin'ny alàlan'ireo politikany sy ny sisa. Ary saiky amin'ny fotoana mihitsy izay anetsehan'ny antikristy ny tenany feno eo amin'ny làla-. . .eo amin'ny sehatra; no anetsehan'Andriamanitra ny Tenany feno, mba hanavotra azy rehetra. Hitanareo, mandeha fotsiny, miaraka fotsiny mihitsy. Ary izy ireo dia, izy roa, eo amin'ny ilany sy ilany. Kaina sy Abela! [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Ilay goaika sy ilay voromailala, teo amin'ny sambofiara! Jodasy sy Jesosy! Ary mitohy fotsiny, afaka maka an'izany ianareo. Izao fotsiny. . .

203 Indro i Moaba sy Isiraely; izy roa ireo. Tsy firenena iray mpanompo sampy i Moaba. Tsia, tompoko. Nanolotra an'ilay fanatitra iray ihany izay natolotry ny Isiraely izy ireo. Nivavaka tamin'ilay Andriamanitra iray ihany izy ireo. Marina tokoa. Moaba dia nan-. . .No anankiray amin'ireo zanakavavin'i Lota izay nandry niaraka tamin'ny rainy, ary nahazo zaza iray. Ary io zaza io dia nantsoina hoe Moaba. Ary avy taminy no nipoitra ny taranak'i Moaba, ilay firenen'i Moaba.

Ary rehefa nahita ny Isiraely izy ireo, ny rahalahiny navotana, tonga.

204 Mpanara-pototra izy ireo. Anaram-piangonana goavana iray izy ireo. Isiraely tsy nanana anaram-piangonana; nonina tao anaty tranolay fotsiny izy ary na aiza na aiza alehanareo. Fa i Moaba no nanana an'ireo manan-kaja, mpanjaka, sy ny sisa. Ary nanana an'i Balama izy ireo tany, mpa—mpaminany sandoka iray. Ary nanana an'io rehetra io izy ireo. Noho izany dia nidina teo izy ireo mba hanozona ny rahalahy keliny izay teny amin'ny lalàna nankany amin'ny tany nampanantenaina, nandeha nankany amin'ny teny fikasany.

205 Ary nandeha izy ka nanontany azy ireo hoe, "Afaka mandalo eo amin'ny taninao ve aho? Raha misotro rano ireo ombivaviko, dia haloako izany. Raha miraoka ahitra izy ireo, dia haloanay izany."

206 Hoy izy hoe, "Tsia. Tsy hanao fifohazana tahaka an'izany ianao manodidina eto. Marina izany. Tsy hanao na inona na inona tahaka an'izany ianao manodidina eto."

207 Ary avy eo dia diniho izay nataony. Niverina avy hatrany tamin'ny endrika Jezebela izy, ary niafara tamin'io mpaminany sandoka io, ka nahatonga an'ireo zanak'Andriamanitra ho ao amin'ny fahadisoana. Ary nampanambady vehivavy Moabita tao amin'ny—tao amin'ny Isiraely, ka nahatonga fijangajangana.

208 Ary nanao an'ilay zavatra iray ihany izy, tao amin'ity taona iray ity ihany, eo amin'ilay dia, eo amin'ny làlana mankany amin'ny Tany nampanantenaina, izay misy antsika. Inona no nataony? Tonga avy hatrany ilay mpaminany sandoka ka nampanambady, ary niantso tao amin'ny fiangonana Protestanta, ary nahatonga anaram-piangonana, izay nataon'izy ireo tany marina tokoa. [Mandondòna in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

209 Saingy ilay Isiraely antitra kely dia nanohy nandeha, hatrany. Nimonomonona tany an-efitra nandritry ny fotoana ela izy, ka ireo mpiady tranainy rehetra dia tsy maintsy maty, saingy nanohy nandeha avy hatrany nankao amin'ny tany nampanantenaina izy. Hia. Eny. Diniho izy rehetra mitampiadiana, mialoha indrindra ny niampitan'izy ireo an'i Jordana. Ha-ha! Tiako izany. Tonga avy hatrany eo amin'io taona io isika izao ankehitriny izao, eto ankehitriny. Mariho.

210 Ankehitriny dia hitantsika, fa, ilay fotoana, farany (hoy aho) an'ireo telo taona sy tapany an'ny fitopolo herinandron'i Daniela.

211 Mamelà ahy hanazava an'izany tsaratsara kely kokoa ankehitriny, satria mahita olona aho eto izay mandinika an'izany foana, ka izaho—tiako ny hiezaka hanao ny tenako hazava; mpampianatra iray.

212 Mariho rehefa niditra ireo fitopolo herinandro. Rehefa nahita an'ilay fahitana ny amin'ny fotoana ho avy i Daniela, sy ny fiafaran'ireo Jiosy, saingy nilaza izy fa nisy fitopolo herinandro voatendry. Izany dia fito taona; eo afovoan'io, nahoana, dia ho eto ny Mesia, na, ho esorina, ho an'ny fanatitra iray. Ankehitriny, izany marina tokoa no niseho.

213 Avy eo, dia nifanaraka tamin'ny Jentilisa Andriamanitra mandra-pamoakan'izy ireo vahoaka iray ho an'Ny Anarany. Vantany vao tafavoaka ilay Fiangonana Jentilisa, dia Nakariny ilay Fiangonana.

214 Ary rehefa nanao Izy, ilay virijiny natory, ny fiangonana izy tenany. . . Niakatra ny Ampakarina. Fa ny fiangonana izy tenany dia natao tao anatin'ny "aizina tany ivelany, izay nisy fitomaniana, sy fidradradradrana, ary fikotroha-nify." Amin'ilay fotoana iray ihany, dia milatsaka eo ambonin'io vahoaka io ny Fahoriambe.

215 Ary raha mbola milatsaka ny Fahoriambe, dia ao no tonga ireo mpaminany roa an'ny Apokalypsy 11, mba hitory ny Filazantsara amin'izy ireo. Ary mitory teny izy ireo mandritry ny arivo, sy zato . . . ary enimpolo andro. Hitanareo? Eny, marina tokoa izany, amin'ny telopolo andro isam-bolana tahaka ny ananan'ilay tena alimanaka, dia telo taona sy tapany marina tokoa. Izany ilay ampahany faha-fitopolo an'i Daniela, ilay ampahany farany an'ny faha-fitopolo herinandro. Hitanareo?

Tsy nifanaraka tamin'ny Isiraely Andriamanitra teo. Tsia, tompoko.

216 Nanontany ahy ny rahalahy iray, vao tsy ela akory izay, nanao hoe, "Izaho ve tokony handeha . . ." Ra—rahalahy iray ato amin'ny fiangonana, rahalahy iray sarobidy, malala, nanao hoe, "Izaho—te-handeha any Isiraely aho. Mino aho fa misy fifohazana iray any."

217 Nisy olona iray nilaza tamiko hoe, "Rahalahy Branham, tokony handeha any Isiraely ianao izao ankehitriny izao. Hahita an'izany izy ireo." Hitanareo, tsy afaka manao an'izany ianareo.

Nitsangana teo mihitsy aho, ary nieritreritra . . .

218 Hoy ireo Jiosy ireo hoe, "Raha izaho . . . Eny, raha izany no izy, raha Jesosy no ilay—no ilay Mesia," hoy izy, "dia avelao aho hahita Azy manao an'ilay famantarana ny mpaminany iray. Hino ny mpaminaninay izahay, satria izany izy ireo—natao ho izany izy ireo."

219 "Voalamina iray toy ny inona," nieritreritra aho. "Inty aho!" Rehefa tonga tany mihitsy aho, teo akaikiny mihitsy, mihitsy . . . Izaho dia, eny, tany Caire aho. Ary nanana ny tapakilako teny an-tànako aho, ho any Isiraely. Dia hoy aho hoe, "Izaho, handeha aho, hahita raha izany no angatahin'izy ireo, raha afaka mahita ny famantarana ny mpaminany iray izy ireo. Ho hitantsika raha hanaiky an'i Kristy izy ireo."

220 Lewi Pethrus, avy amin'ny fiangonana any Stockholm, dia nandefa Baiboly iray tapitrisa ho azy ireo.

221 Ary ireo Jiosy izay tonga tany ireo! Efa nahita an'ilay horonan-tsary ianareo. Manana an'izany eo amin'ny horonana aho, ato aoriana ato mihitsy ankehitriny, *Misasak'alina Latsaka Telo Minitra.* Ary tonga ireo Jiosy ireo, avy tany amin'ny manerana an'izao tontolo rehetra izao, hatraiza hatraiza, manomboka miangona any.

222 Rehefa avy nandeha tany i Angletera, nandritry ny fotoan'i Jeneraly Allenby, ao amin'ny *The Decline Of The World's War,* ao amin'ny laharana faharoa, heveriko fa izay ilay izy, ary nitolo-batana izy ireo, nitolo-batana ireo Turcs, avy eo dia namerina azy tamin'ny Isiraely izy. Ary nitombo ho firenena iray izy, ary ankehitriny dia firenena tanteraka iray izy: ny volany

manokana, vola madinika, saina, tafika, ary ny zavatra hafa rehetra. Hitanareo?

223 Ary ireo Jiosy ireo, miverina ao an-tanindrazana, izy ireo dia . . . Zavatra voalohany, rehefa nandeha tany Iran izy ireo, ary tany, mba haka azy ireo, dia nanontany izy ireo . . . Hoy izy ireo . . . hoy izy . . . Te-hitondra azy ireo hiverina any Isiraely izy ireo, hanome azy ireo ny toerany; hitondra azy ireo hiverina any amin'ny taniny, Palestina, izay natao hisy azy ireo.

224 Ary, tsarovy, raha mbola any ivelan'io tany io foana ny Isiraely, dia any ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra izy; tahaka an'i Abrahama, izay nomena azy. Ary rehefa . . .

225 Tsy te-hiakatra tao anatin'ilay fiaramanidina izy ireo. Tsy mbola nahita zavatra iray tahaka an'izany mihitsy izy ireo. Nisy raby antitra iray nanatona teo, nanao hoe, "Ny mpaminanintsika dia niteny tamintsika, fa, rehefa hody any an-trano ny Isiraely, izany dia ho 'eo ambonin'ny elatry ny voromahery iray,'" eo ambonin'ny fiaramanidina, fitaovana iray hodiana.

226 Any izy ankehitriny, mandroso. Ilay hazo aviavy izay miverina! Amena! Ilay kintan'i Davida tranainy misy tendro enina mikopaka!

227 "Voaisa ny andron'ny Jentilisa, miaraka amin'ny tahotra manarona!" Antomotra ny vanim-potoan'ny Fahoriambe!

228 Ary mitsangana eto mihitsy, ka misokatra ireo Tombokase, vonona ny handray ny Fanidinany eny amin'ny habakabaka ilay Fiangonana!

229 Ary miditra ny Fahoriambe, amin'izay fotoana izay dia midina Andriamanitra ka mamoaka an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy avy ao. Amena! Izay, oh, tanteraka izany! Hitanareo ve hoe aiza no amoahan'ireo Tombokase an'izany ankehitriny, hitanareo, anokafany azy? Ankehitriny, ity no telo taona sy tapany farany ho an'ny olona. Izao koa, raha mahamarika ianareo, izany no fotoana izay hiantsoan'Andriamanitra an'io Jiosy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io, ao amin'ity telo taona sy tapany farany ity.

230 Hitanareo, Izy tsy nifanaraka tamin'izy ireo, mihitsy. Tsy nanana mpaminany iray izy ireo. Tsy hino na inona na inona hafa afa-tsy mpaminany iray izy ireo. Tsy hanadala azy ireo ianareo. Noho izany, hihaino mpaminany iray izy ireo, eny, tompoko, ary izay ihany. Izany, Andriamanitra no niteny an'izany tamin'izy ireo tany amin'ny voalohany, ka mijanona tsara amin'izany izy ireo.

231 Hoy izy hoe, "Ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana Mpaminany iray eo anivonareo, tahaka ahy." Mosesy no niteny an'izany. Ary nanao hoe, "Izy no henoinareo. Ary na iza na iza

no tsy hihaino an'io Mpaminany io, dia ho esorina hiala amin'ny vahoaka." Marina izany.

232 Ary, hitanareo, tsy maintsy nohajambaina ny mason'izy ireo, raha tsy izany dia ho nahafantatra Azy izy ireo. Raha tokony ho izany, satria nohajambaina, izy ireo dia . . . Izany no namela an'i Satana hahazo azy ireo, ka hoy izy ireo hoe, "Izy dia mpanao hatsarana iray, Belzeboba. Aoka ny ràny ho aminay. Fantatray fa tsy misy na inona na inona aminy." Hitanareo?

233 Ary nohajambaina ireo vahoaka mahantra ireo. Izany no anton'ilay vondron'i Eichmann sy io vondrona rehetra izay novonoina tany io. Nanana zò hiditra izy ireo; ny Rainy manokana no tsy maintsy nanajamba ny mason'izy ireo mba Ahafahany maka antsika.

234 Izany ilay zavatra mampangorakoraka indrindra ao amin'ny Soratra, saiky. Eritrereto fotsiny eo, ireo Jiosy, izay mitaky ny Ràn'ny Rainy manokana, ny Andriamaniny manokana no nihantona teo, nivoa-drà. Jereo, "Teo no nanohomboan'izy ireo Azy," hoy ny Baiboly. Izany ireo efatra amin'ireo teny lehibe indrindra. Jereo. "Teo," Jerosalema, ilay tanàna masina indrindra eto amin'izao tontolo izao. "Izy ireo," ilay vahoaka masina indrindra eto amin'izao tontolo izao. "Nanohombo," ny fahafatesana tsy mifaditrovana indrindra eto amin'izao tontolo izao. "Azy," ilay Olona tena ilaina indrindra eto amin'izao tontolo izao. Hitanareo? Nahoana? Ilay vahoaka mpivavaka, ilay fivavahana lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao, ilay fivavahana tokana marina eto amin'izao tontolo izao, no nitsangana teo, nanohombo an'ilay tena Andriamanitra izay nolazain'ny Baibolin'izy ireo fa ho tonga.

235 Nahoana izy ireo no tsy nahita an'izany? Ny Baiboly no miteny amintsika fa Andriamanitra no nanajamba azy ireo mba tsy ahafahan'izy ireo mahita an'izany. Izy ireo . . . Hoy Izy hoe, "Iza aminareo no afaka miampanga Ahy amin'ny fahotana?" Amin'ny teny hafa, "Raha tsy nanao marina tokoa an'izay nolazaina mialoha fa Hataoko Aho, amin'izay fotoana izay dia teneno Amiko." *Fahotana* dia "tsi-finoana." Nanao marina tokoa an'izay notenenin'Andriamanitra Taminy Izy, saingy tsy afaka nahita an'izany izy ireo.

236 Ankehitriny rehefa miresaka amin'ny olona ianareo, dia toy ny manipy rano eo amin'ny lamosin'ny ganagana iray izany. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Zavatra mampalahelo izany, rehefa mahita an'ireto firenena sy vahoaka ireto ianareo, ny fomba izay ataony, tena madity sy fivavahana! Saingy tsy ny Fanahy Masina ve no miteny an'izany amintsika? "Izy ireo dia ho kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, ary tsy tia ny tsara. Hanana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra izy

ireo, nefa handà ny Herin'ny Filazantsara." Hoy Izy, "Ny tahaka an'izany, mialà lavitra azy ireny."

237 Eto isika izao, ireo ara-anaram-piangonana ireo no mamadika an'Izany. Alain'izy ireo ny voninahitra sy Hery rehetra, mametraka an'Izany any aoriana miaraka amin'ireo apostoly, ary ny sisa amin'Izany dia any amin'ny Arivo taona. Izany dia tahaka ny olona fotsiny, araka ny nolazaiko tany aloha; ny olona dia midera an'Andriamanitra foana tamin'izay efa Nataony, manantena an'izay Hataony, nefa tsy miraharaha an'izay Ataony izao ankehitriny izao. Marina tokoa izany. Mbola ilay zavatra iray ihany foana ny olona.

238 Teo ireo Jiosy ireo nitsangana teo, nanao hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Nahoana," ao amin'ny toko faha-6-n'ny Masindahy Jaona, nanao hoe, "ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra!"

Dia hoy Jesosy hoe, "Izy ireo, ny tsirairay avy, dia maty."

239 "Nisotro rano avy tamin'ny Vatolampy izy ireo tany an-efitra, sy ny zavatra rehetra."

240 Hoy Izy hoe, "Izaho izany Vatolampy izany." Marina izany. Amena. Hoy Izy hoe, "Fa Izaho no Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra any An-danitra, ilay Hazon'Aina tany Edena tany. Raha misy olona mihinana an'ity Mofo ity, dia tsy ho faty izy; Izaho no hanangana azy indray amin'ny andro farany." Nefa mbola tsy afaka nahita an'izany foana izy ireo! Marina izany.

241 Nitsangana teo ilay tena Mesia, niteny an'ireo tena teny avy ao am-pon'izy ireo, sy ireo zavatra tahaka an'izany, naneho fa Izy no Mesia, izay nasaina nataon'ny Mesia mihitsy!

242 Nefa nitsangana teo izy ireo niaraka tamin'ny tànany tany aoriana, ary, "Hah! Tsy mety izany. Tsia, tsia. Izy—izy—tsy tonga tao amin'ilay firehana marina izy. Hitanareo, nivoaka avy tao Betlehema izy. Ary izy—tsy misy afa-tsy zazasary iray izy. Ary izany no devoly miasa eo aminy. Isika—isika dia mahafantatra fa very saina izy. Adala izy. Manana devoly izy." Hitanareo? Tena nohajambaina tamin'izany tokoa ny mason'izy ireo.

243 Ankehitriny, nefa dia miandry ny mpaminaniny izy ireo. Ary hahazo an'izany izy ireo, hahazo roa amin'izy ireo. Marina izany.

244 Ankehitriny dia mariho, indray, ankehitriny, ihany koa, rehefa ireto Jiosy ireto . . . Hanome anareo mari-pamantarana kely hafa iray aho, mba ahafahanareo mahalala fa izany dia ireo Jiosy eto ireo ankehitriny, eo amin'ity lafin'ny Fampakarana ity. Diniho izay miseho. Izany dia manao mari-pamantarana ihany koa . . . Tsy haka fotoana hanaovana an'izany isika, satria isika dia—dia manana eto. Manao mari-pamantarana ihany koa ao amin'ny . . . ao amin'izay antsoina hoe "Ny fahorian'i Jakoba."

Jereo ankehitriny. Ireto Jiosy eto ireto dia manana . . . Mariho. Oh, izany dia ny . . .

245 Izaho—izaho—haka fotoana bitika kely fotsiny aho eto, hitanareo. Manao ahy hikorontan-tsaina ilay izy rehefa manomboka mandingandingana tahaka an'izao aho. Ary . . . Hitanareo? Mariho. Tiako ianareo hahita an'izany. Ary izaho—izaho—izaho fotsiny . . . Eny, Andriamanitra no haneho anareo an'izany, azoko antoka. Jereo.

246 Jakoba no nanana ny fizokiana. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fa azony antoka fa mpametsifetsy kely iray izy niaraka tamin'izany. Hitanareo? Nandeha izy ka namitaka ny dadany. Namitaka ny rahalahiny izy. Nanao ny zavatra rehetra izy. Fa, kanefa, ara-dalàna, hatramin'ny farany, no nananany an'izany, satria Esao no nivarotra. Fa avy eo rehefa nandeha tany izy mba hiasa ho an'ny rafozan-dahiny, dia napetrany tao anatin'ny rano ireo tsora-kazo popola, mba hanao an'ireo biby fiompy sy ny sisa bevohoka hiteraka zanak'omby maramara. Ary, oh, fantatrareo ny zavatra rehetra izay nataony tahaka an'izany, mba fotsiny—mba hahazoana vola. Ankehitriny dia diniho, ankehitriny. Voaroaka avy tao amin'ny olony izy.

247 Ankehitriny, izany dia tandindona iray an'ilay Jiosy ankehitriny. Mpitady vola iray izy. Tsy ahoako na ahoana no ahazoany an'izany, fa ho azony izany. Hamaofy anareo velona izy, mba hahazoana an'izany. Ankehitriny, fantatrareo izany. Mpametsifetsy kely iray izy, izay ihany. Ry tovolahy, aza mifanaraka aminy; izy—ho azony ianareo, ry tovolahy. Eny, tompoko. Nahoana? Tsy maintsy ho izany izy. Izany ilay karazana fanahy izay manapaka.

248 Tahaka an'ireo mpanavao marina tokoa, izay tsy afaka mahazo an'ity Teny ity, satria izany ilay fanahin'olona izay nirahina ho azy ireo.

249 Ny taonan'ny voromahery no mahazo ny Teny sy ny fanambarana. Ny rehetra izay mahazo an'izany, dia atsangano ny tànanareo, mba izaho . . . Tsara izany. Mahafinaritra izany. Hitanareo? Tsara izany. Ankehitriny, hitanareo, raha afaka mahita ianareo eto eo ambanin'ireto Tombokase ireto, raha mba mety Izy ireo . . . Rehefa nosokafana Izy ireo, dia afaka mahita marina tokoa an'izay ataon'Andriamanitra ianareo, izay efa Nataony, izay Hataony. Indro eto izany, marina tokoa.

250 Ary izany no antony nihetsehan'ireo olona tahaka an'izany, satria izany ilay fanahy izay nolazaina mialoha ho an'io taona io, mba ho eo amin'izy ireo. Tsy afaka manao na inona na inona hafa izy ireo.

251 Mieritreritra ny amin'i Jaona aho, Paoly, ary izy ireo, io Fanahin'ny Liona tany io, ilay l-i-o-n-a nitsangana tany, ny Teny Izy tenany.

252 Nitsangana tsara niaraka tamin'ity Teny ity i Paoly, ka nanao hoe, "Izao no fantatro, fa hisy rahalahy sandoka hitsangana eo anivonareo, handeha hihodinkodina. Ary ny hataon'izy ireo, dia anaram-piangonana sy ny zavatra hafa rehetra, eo anivonareo, sy izay hataon'izy ireo. Ary hitohy hatramin'ny andro farany izany, ary fotoana mahatsiravina." Nahoana? Mpaminany iray izy. Nitsangana teo io Teny io tao aminy. Ahoana fa izany dia hifarana, taty aoriana lavitra; hoy izy, "Hitsangana eo anivonareo ireo lehilahy sandoka, ka hiteny zavatra, ary hitaona rahalahy izay mpianatra." Izany marina tokoa no antikristy. Nanao an'izany marina tokoa izy.

253 Mariho rehefa avy nandeha tao anatin'ny taona maizin'ny fahoriambe izy ireo. Inona izany? Tsy nisy na inona na inona azon'izy ireo natao. Roma no tompon'ny . . . Izy no nanana ny fahefana ara-pivavahana, ary izy no nanana ny fahefana ara-politika. Tsy nisy na inona na inona azon'izy ireo natao, afa-tsy ny niasa mafy fotsiny mba hijanona ho velona, ka nanolotra ny tenany ho fanatitra. Omby iray izany. Izany ihany no azon'izy ireo natao. Izany ilay karazana Fanahy izay nananan'izy ireo, ny Fanahin'Andriamanitra, ny omby.

254 Avy eo, dia indro tonga ireo mpanavao, ilay lohan'olona, lalin-tsaina, hendry; Martin Luther, John Wesley, sy ny sisa, Calvin, Finney, Knox, ny sisa amin'izy ireo. Indro tonga izy ireo, ary, rehefa tonga izy ireo, dia mpanavao. Tonga izy ireo, manavao, mamoaka ny olona.

255 Ary nitodika niverina indray, tahaka ny nataon'izy ireo marina tokoa tany aoriana tany, ka nanambady azy avy hatrany mihitsy indray, teo amin'ny rafitra ara-anaram-piangonany, marina tokoa. Ny Baiboly no niteny an'izany. Izy dia "janga," ary avy eo izy dia nanana "mpijangajanga," ireo zanakavavy, marina tokoa.

256 Ary hoy Andriamanitra hoe, "Izaho—Izaho nanome azy fotoana hibebahana, nefa tsy nataony izany. Noho izany dia Halaiko izy sy ny zanany, hanipy azy ireo any amin'izay ikambanany." Marina tokoa izany. Ankehitriny, izany, Andriamanitra no nilaza an'izany, teo ambanin'ity, hitanareo, teo ambanin'ny Tombokase. Ankehitriny, teo izy. Hitantsika fa manao an'izany Izy, ary hanao an'izany Izy. Ary izy ireo dia, ny tsirairay avy, mandeha mankany amin'io làlana io.

257 Fa, ho an'ny rehetra izay manana ny anarany eo amin'ny Bokin'ny Fiainana, dia Andriamanitra no hiantso. Handre an'Izany izy ireo. "Ny Ondriko mandre Ny Feoko," hoy Jesosy. Ny zavatra tokana tokony ataontsika dia ny manao antso ho an'ny ondry. Ny osy tsy mahafantatra an'Izany. Mariho. Fa, hitanareo, ilay antso ho an'ny ondry, "Ny Ondriko mandre Ny Feoko." Nahoana? Inona ilay Feo? Tiako ny hiteny aminareo hoe

inona ny Feo iray. Ny Feo iray dia fa—dia famantarana arapanahy iray.

258 Hoy Izy tamin'i Mosesy hoe, "Raha tsy hihaino ny Feon'ny famantarana voalohany izy ireo, dia hihaino ny Feon'ny famantarana faharoa."

259 "Ny Ondriko mandre Ny Feoko." Rehefa natao hiseho ireto zavatra ireto amin'ny andro farany, dia ny ondrin'Andriamanitra no mahafantatra an'Izany. Eny, tompoko. Hitanareo? Izy ireo—fantatr'izy ireo Izany. "Ny Ondriko mahafantatra Ahy." Hitanareo? "Tsy hanaraka vahiny izy ireo." Tsy manaraka an'ireo vahiny ireo. Izany dia tsy maintsy ho famantaran'ilay andro voamarina, ka hitan'izy ireo Izany. Ankehitriny, mariho ankehitriny.

260 Ankehitriny, Jakoba, raha tonga izy ankehitriny, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia naniry mafy izy ny handeha (aiza?) hiverina any an-tanindrazana.

261 Oh, izany marina tokoa no nataon'i Isiraely! Izany dia—izany dia . . . Isiraely izany. Jakoba no Isiraely. Izy dia vao avy nanova ny anarany fotsiny, fantatrareo. Hitanareo? Ary izy dia . . .

262 Nandeha tany izy, ary nitondra ny vola rehetra izay nananany, sy izay azony nalaina, ary naka an'izany tamin'ny fomba rehetra izay vitany, avy amin'ireo havany na olon-kafa. Noho izany, misoloky, mangalatra, mandainga, ny fomba rehetra vitany ahazoana an'izany, dia azony izany. Hitanareo? Nataony.

263 Ary avy eo rehefa nanomboka niverina hody izy, dia nanomboka nanana fihetseham-po manimanina ny tanindrazana izy tao am-pony. Saingy raha nanomboka niverina izy, teny amin'ny làlany niverina, dia nifanena tamin'Andriamanitra izy, tamin'izay fotoana izay dia novaina ny anarany. Hitanareo? Fa, tamin'io fotoana io, dia tena nanahy mafy izy, satria natahotra izy fa nanenjika azy i Esao. Hitanareo?

264 Ary—ary diniho, diniho ilay vola, ilay tolo-bola. Tahaka ny Jiosy hiezaka hanao an'io fifanekena io mihitsy amin'i—amin'i Roma, hitanareo, ao amin'ny tolo-bolan'izy ireo. Mariho izany. Fa tsy nila an'io volany io i Esao; na i Roma koa aza. Manana ny harenan'izao tontolo izao izy eny an-tànany. Hitanareo? Fa tsy nety izany.

265 Fa hitantsika ankehitriny, io Isiraely io, tao amin'io fotoan'ny fahoriana io, raha mbola Jakoba izy, nitolona izy tamin'ny . . . fa nahazona Zavatra izay tena nisy izy. Nisy Lehilahy iray tonga teo. Nametraka ny sandriny nanodidina Azy Jakoba, ary nijanona teo izy. Ary ilay—ary ilay—hoy ilay Lehilahy hoe, "Tsy maintsy mandeha Aho ankehitriny. Efa hiposaka ny andro." Oh, io fiposahan'ny andro io! Hitanareo? Efa vonona ho tonga ny andro.

266 Fa hoy i Jakoba hoe, "Izaho—tsy havelako Ianao. Ianao, tsy mahazo mandeha Ianao. Hijanona miaraka Aminao mihitsy aho." Hitanareo? "Mila zavatra miova aho eto."

267 Izany io efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io, izany io andiana mpisoloky vola io, sy ireo zavatra tahaka an'izany, rehefa mahita an'ilay zavatra marina, tena izy izay ho hazonina izy ireo. Hitsangana eo i Mosesy, ary hitsangana eo i Elia. Amena! Hitolona amin'Andriamanitra izy ireo mandrapiantsoana an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy avy amin'ny fokon'ny Isiraely hivoaka mihitsy any.

268 Izany dia mialoha mihitsy ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, hitanareo, (oh mahafinaritra toy ny ahoana) ihany koa, "Ny fahorian'i Jakoba."

269 Eo no antsoina hivoaka ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Izy ireo, ireo—ireo mpitory teny, ireo mpaminany roa ireo, mitory tahaka an'i Jaona Mpanaobatisa izy ireo. "Antomotra ny Fanjakan'ny Lanitra. Mibebaha, ry Isiraely!" Mibebaha amin'ny inona? "Mibebaha amin'ny fahotanareo, ny tsi-finoanareo, ka miverena amin'Andriamanitra!"

270 Ankehitriny dia ndao isika hahatsiaro zavatra iray eto. Ireto fitrangana lehibe ireto, an'ny natiora, dia efa nitranga tany aloha. Ao amin'ity andininy faha-12 eto ity, hitanareo, "Lasa mainty tahaka ny volon'ny lamba fisaonana ny masoandro." Ampitahao io ankehitriny.

271 Ankehitriny, tsarovy, io dia tsy mitranga amin'ny Jentilisa. Isiraely izany. Mamelà ahy haneho aminareo. Ankehitriny, tsarovy, nilaza aho fa izany dia miantso an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy hivoaka. Hitanareo? Ity fotoana ity ankehitriny, dia amin'ny Fahoriambe, no tsy maintsy hanaovana an'izany. Ary ity dia miteny an'izay mitranga ao amin'io Fahoriambe io.

272 Ndao isika ankehitriny hamadika ao amin'ny Eksodosy 10:21-23. Ary diniho eto rehefa . . . Eksodosy dia rehefa, mazava ho azy, nivoaka ny Isiraely, ho entina hivoaka. Eksodosy, ny toko faha-10, ary ny andininy faha-21, faha-23. Tena taitra loatra sy nihiakiaka aho, rehefa mandray naoty an'ireto, ka indraindray dia mety manao azy ireo hifangaro aho. Eny àry, Eksodosy 10:21-23. Eny àry, lasa isika, 21 sy 23.

> *Ary hoy ny* T*ompo* *tamin'i Mosesy, Ahinjiro* hivoaka *ny tànanao* mankany *amin'ny lanitra, ka aoka hisy aizina manerana ny tanin'i Egypta, aizina izay azo tsapaina mihitsy aza.*
>
> *Dia naninjitra ny tànana hivoaka* mankany *amin'ny lanitra i Mosesy; ary indro* tonga *ny aizina matevina tao amin'ny tanin'i Egypta rehetra nandritry ny telo andro:* (Hitanareo?)

Ankehitriny, *tsy nifankahita izy ireo, tsy nisy anankiray koa niala tamin'ny toerany nandritry ny telo andro: fa . . . ireo zanak'Isiraely kosa dia nanana hazavana tao amin'ny fonenany.*

273 Mariho, marina tokoa, ankehitriny dia mankanesa eto, "Ary lasa mainty tahaka ny lamba fisaonana ny masoandro." Hitanareo, zavatra mitovy! Ireto fitrangan'ny natiora ireto, inona izany? Inona? Rehefa mitranga tahaka an'io ny natiora, dia efa niantso ny Isiraely Andriamanitra. Hitanareo? Miantso ny Isiraely hivoaka Andriamanitra. Ankehitriny, "Ny masoandro mainty tahaka . . . volo." Ankehitriny, teo am-panafahana an'ny Isiraely Andriamanitra teo, eny àry, hamoaka azy ireo avy amin'ny tànan'ny fahavalony, dia Egypta, tamin'io fotoana io.

274 Ankehitriny, eto, dia mamoaka azy ireo avy eo an-tànan'ny Romana Izy, izay nanaovan'izy ireo ny fifanekeny. Zavatra iray ihany no mitranga. Ireo loza izany, ny—ny fotoana izay hiantsoana an'ireto loza ireto izay hamely an'ity vondrona Jentilisa ity. Raha nanam-potoana isika, dia afaka haneho aminareo an'izay hitranga amin'io fiangonana Jentilisa io aho.

275 Ny Baiboly no nilaza, hoe, "Ilay—ilay dragona, Satana, dia sosotra (izany hoe, tezitra) tamin'ilay vehivavy (ny Jiosy, Isiraely), ka namoaka rano avy tamin'ny vavany izy, olona betsaka sy maro, izay nandeha hanao ady tamin'ilay sisa nanamboran'ny taranaky ny vehivavy." Apokalypsy 13. Ankehitriny, hitanareo eo, manana an'izany isika. Ary amin'izany no andefasan'ny Isiraely ny . . . ny tiako lazaina, dia i Roma no mandefa ny tafiny hanenjika an'ilay sisa nanamborana, ilay sisa nanamboran'ny taranaky ny vehivavy.

276 Diniho ankehitriny. Tamin'ny voalohany, ny tànan'ny fahavalony, rehefa nanafaka azy ireo hivoaka Izy, ny masoandro dia nivadika ho lamb- . . . mainty tahaka ny lamba fisaonana. Ankehitriny, dia ity no fotoana faharoa, ilay faran'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe.

277 Ankehitriny, ao amin'ny Daniela 12. Raha nanam-potoana isika, dia afaka namaky an'izany. Ao amin'ny Daniela, ny faha-12—ny andininy faha-12 . . . toko faha-12, raha ny marina. Hoy i Daniela hoe, "Ny tsirairay avy izay hita voasoratra tao amin'ny Boky dia ho afaka." Ankehitriny, tsarovy, miresaka ny amin'ity vanim-potoana ity i Daniela izay ireto . . . natao hitrangan'ity zavatra ity, rehefa tsy maintsy ho afaka i Isiraely, tamin'ny—tamin'ny faran'ny faha-fitopolo herinandron'izy ireo. Ary tamin'izay izy ireo no natao ho afaka. Jereo ankehitriny. Ndao isika handeha ao amin'ny Daniela 12 eto, iray minitra fotsiny.

Ary amin'izany andro izany i Mikaela dia *hitsangana, ilay andrian-dehibe izay* nitsangana *ho an'ireo zanaka . . . ho—ho an'ireo zanaky ny vahoakanao*

(hitanareo, ireo Jiosy izany): *ary hisy ny . . . fahoriana, izay . . . tsy mbola nisy hatramin'izay nisian'ny firenena mihitsy aza ka hatramin'izany andro izany: . . .*

278 Ankehitriny dia ampitahao izany, izay nolazain'i Jesosy marina tokoa, Matio 24 hoe, "Hisy androm-pahoriana, izay tsy mbola nisy hatramin'izay nisian'ny firenena mihitsy." Jereo ny Tombokase Fahenina, hitanareo, ilay zavatra iray ihany, fotoam-pahoriana iray. Mariho.

*. . . hatramin'ny nisian'ny firenena mihitsy aza ka hatramin'*io *fotoana io: ary amin'io fotoana io ny vahoakanao . . .* (Ankehitriny, ao amin'ity faha-fitopolo ity, ilay ampahany farany an'ilay taona fahafito.) *. . . dia ho afaka ny olonao, ny tsirairay avy izay hita voasoratra tao amin'ny boky.*

279 Ilay voafidy mialoha, hitanareo, izay voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, dia ho afaka amin'io fotoana io.

*Ary maro amin'*ireo *izay matory ao amin'ny vovoky ny tany no hifoha,* ka *ny sasany ho amin'ny fiainana mandrakizay, ary ny sasany ho amin'ny* henatra sy latsa mandrakizay.

Ankehitriny, ary amin'izany ny hendry dia *hamirapiratra tahaka ny famirapiratry ny* lanitra; *ary—ary ireo izay mamerina ny maro ho amin'ny fahamarinana* dia hamirapiratra *tahaka ny kintana mandrakizay sy mandrakizay.*

280 Fa, avy eo dia nandroso, niteny tamin'i Daniela mba "hanidy an'ilay Boky," satria handeha hitsahatra ao amin'ny anjarany izy mandra-pahatongan'io fotoana io.

281 Ankehitriny, hitanareo, tsy manao fahasamihafana izany na velona ianareo na maty. Hivoaka ianareo, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Aza . . . Izany, ny maty, dia tsinontsinona ho an'ny Kristiana iray. Tsy maty izy, na ahoana na ahoana. Hitanareo?

282 Ankehitriny, Daniela 12, no nilaza fa ny tsirairay avy izay hita voasoratra tao amin'ny Boky dia ho afaka.

283 Eto, dia eo am-panafahana ny Zanany faharoa Andriamanitra, Isiraely, aorian'ny Fahoriambe. Hitanareo, ny fotoana faharoa, Isiraely, Ny . . . Isiraely no Zanany. Fantatrareo izany. Isiraely no zanak'Andriamanitra, noho izany dia hanafaka azy Izy eto amin'ilay vanim-potoan'ny Fahoriambe, tahaka ny Nataony marina tokoa tany Egypta.

284 Ankehitriny dia ndao isika hijanona eto, indray, ka—ka hijery zavatra hafa, mba, alohan'ny hanazavantsika azy tsara. Diniho eto ankehitriny. Ireto mpaminany roa ireto, jereo izay hataon'izy ireo ankehitriny, tahaka ny nataon'i Mosesy sy izy

ireo tany mihitsy. "Ary nomena zozoro iray aho . . . " Ary ny andininy faha-3-n'ny toko faha-11.

> *Ary homeko hery ny vavolombeloko roa,* ka *haminany enimpolo sy roanjato sy arivo andro izy ireo, hitafy lamba fisaonana.*
>
> *Izy ireo no hazo oliva roa,* . . .

285 Tsaroanareo fa, ary Zerobabela, sy ny sisa, dia hanorina indray an'ilay tempoly.

> . . . *sy ireo fanaovan-jiro roa* izay mitsangana *eo anatrehan'ilay Andriamanitry ny tany.*
>
> . . . *raha misy olona . . . mandratra azy ireo, dia misy afo mivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo,* . . .

286 Tsarovy, avy tamin'ny vavan'i Kristy dia nisy sabatra iray nivoaka, ny Teny.

> . . . mandevona *ny fahavalon'izy ireo: ary raha misy olona* izay *handratra azy ireo, dia tsy maintsy hovonoina tahaka an'izany koa izy.*

287 Ankehitriny, fantatsika, ilay "afo." Ao amin'ny toko faha-19, ny amin'ny Fihavian'i Kristy, "dia ny Sabany no nivoaka avy tamin'ny Vavany," dia ny Teny. Marina ve izany? Ny Teny! Oh, raha hihazona an'io fahalalana io ianareo ankehitriny, ho an'io Tombokase rahampitso hariva io! Hitanareo, ny Teny no zavatra izay amonoan'Andriamanitra ny Fahavalony. Hitanareo?

288 Jereo eto ankehitriny. Rehefa maminany ireto mpaminany ireto any, izy ireo . . . Raha misy olona ratsy fitondra azy ireo, mandratra azy ireo: "dia afo no mivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo," Afon'ny Fanahy Masina, ny Teny. Ny Teny dia Andriamanitra. Ny Teny dia Afo. Ny Teny dia ny Fanahy. Hitanareo? "Mivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo."

289 Jereo i Mosesy. Ndao isika hijery an'izay nivoaka avy tamin'ny vavany. Izy ireo, Isiraely, dia lasa, ny fomba izay nataon'izy ireo tany, ilay—ilay . . . Ny tiako lazaina, Egypta, ratsy fitondra an'ireto Jiosy ireto izy ireo. Mosesy . . . Eny, tsy navelany handeha izy ireo. Tsy navelan'i Farao. Andriamanitra no nametraka an'ireo teny tao am-bavan'i Mosesy. Hitanareo, izany no fisainan'Andriamanitra niditra tao am-pon'i Mosesy; mandeha any izy ankehitriny haneho an'izany, amin'izay fotoana izay ilay izy dia lasa ny Teny. Naninjitra ny tànany, nanao hoe, "Aoka hisy lalitra," ary indro tonga ny lalitra. Jereo eto.

> *Ary raha misy olona* mandratra *azy ireo, dia afo no mivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo, ka mandevona an'ireo* fahavalony: . . .

290 Hitanareo? Io ilay izy. Afaka miteny izay tiany izy ireo, ary indro mitranga izany. Amena!

. . . ary raha misy olona . . . mandratra azy ireo, izy ireo *dia tsy maintsy hovonoina tahaka an'izany koa.*

291 Rahalahy, miditra an-tsehatra Andriamanitra eto!

Izy ireo *dia manana fahefana mba—fahefana hanidy* ny lanitra, *mba tsy hisy ranonorana amin'ny andron'ny faminaniany:. . .*

292 Elia, fantany hoe ahoana no anaovana an'izany; efa nataony izany tany aloha. Amena! Mosesy dia mahafantatra hoe ahoana no anaovana an'izany; efa nataony izany tany aloha. Izany no antony nitehirizana azy ireo. Ankehitriny. . . Amena!

293 Afaka milaza zavatra tena tsara mihitsy aho eto, saingy tsaratsara kokoa ho ahy—tsaratsara kokoa ny mihazona an'izany hatramin'ny rahampitso hariva. Hitanareo? Eny àry.

*. . . ary manana fahefana eo amin'*ny *rano hamadika azy ho rà, sy hamely ny tany amin'ny . . . loza, arak'*izay *tian'izy ireo.*

294 Inona izany? Inona no afaka mitondra an'ireo zavatra ireo afa-tsy ny Teny? Afaka manao ny natiora amin'ny fomba rehetra izay tiany izy ireo. Izay ilay izy. Izy ireo no hany mitondra an'ity Tombokase Fahenina ity. Izy ireo no manala sarona sy manokatra an'izany. Izany no Herin'Andriamanitra, mba hampiato ny natiora. Hitanareo, ny Tombokase Fahenina dia fiatoan'ny natiora tanteraka tokoa. Azonareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Io ny Tombokasenareo. Iza no manao an'izany? Izany dia ireo mpaminany, ilay ilany hafa an'ny Fampakarana. Miaraka amin'ny Herin'Andriamanitra, ny Tenin'Andriamanitra, no anamelohan'izy ireo fotsiny ny natiora. Afaka mandefa horohorontany izy ireo, mamadika ny volana ho rà, afaka milentika ny masoandro, na inona, amin'ny baikony. Amena!

295 Eo ianareo izao. Eo ianareo izao. Hitanareo? Hitanareo ve hoe ahoana no nisokafan'ireo Tombokase, tany tao amin'ny taom-piangonana, ahoana no nanehoany an'ireo maritiora?

296 Ary ankehitriny dia indro ireto mpaminany roa ireto mitsangana eto miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, mba hanao ny zavatra rehetra izay tiany amin'ny natiora. Ary manozongozona ny tany izy ireo. Ary izany no maneho marina tokoa hoe iza no manao an'izany. Izany dia i Mosesy sy Elia, satria io ireo asam-panompoany voaseho indray, ireo lehilahy roa ireo izany. Oh, oadray! Hitanareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo ve hoe inona ilay Tombokase Fahenina? Izany dia ireo mpaminany ireo. Mariho ankehitriny. Aza avela hanakenda anareo izany. Fa, diniho izay nanokatra an'io Tombokase io, ireo mpaminany! Hitanareo? Fioo! Amena! Eo ianareo izao.

297 Oh, miaina ao amin'ny andron'ny voromahery isika, rahalahy, ny loha miakatra eo anivon'ireo rahona!

298 Izy ireo no nanokatra an'io Tombokase Fahenina io. Manana fahefana hanao an'izany izy ireo. Amena! Io ny Tombokase Fahenina anareo izay misokatra. Hitanareo?

299 Ankehitriny dia miverina isika eto, ary Jesosy no niteny fa hiseho izany. Tany aoriana lavitra tany ao amin'ny Testamenta Taloha, any amin'ny Ezekiela any, ao amin'ireo mpaminany fahiny, dia nilaza izy ireo fa hiseho izany.

300 Ary eto dia nisokatra ny Tombokase Fahenina, ka hoy izy ireo hoe, "Eny, zavatra mahagaga iray izany. Inona no nataon'izany?"

301 Ity no tsiambaratelon'izany, ireo mpaminany, satria ny Baiboly no niteny an'izany eto. Afaka manokatra an'izany izy ireo, amin'ny fotoana rehetra izay izy ireo . . . Afaka manao ny zavatra rehetra izay tiany amin'ny natiora izy ireo. Ary manao an'ilay zavatra iray ihany izay efa nataony izy ireo, amena, satria fantatr'izy ireo hoe ahoana no nanaovana azy. Amena! Voninahitra!

302 Rehefa nahita an'io aho, dia nitsangana niala tamin'ny seza fotsiny ka nanomboka nandeha nandroso sy niverina teo amin'ny gorodona. Nieritreritra aho hoe, "Tompo, toy ny ahoana no isaorako Anao, Ray any An-danitra!"

303 Io ilay izy. Izany ilay izy. Izy ireo no nanokatra an'io Tombokase Fahenina io. Amena! Diniho izy ireo, "Raha misy olona mandratra azy ireo, dia afo no mivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo," ny Teny. Tonga teo amin'ireo apostoly ny Fanahy Masina, hitanareo. "Afo no nivoaka avy tamin'ny vavan'izy ireo."

304 Mariho ankehitriny ao amin'ny Apokalypsy 19, mahita an'ilay zavatra iray ihany isika, "Ary sabatra lehibe no mivoaka avy ao amin'ny Vavany," Teny. Hitanareo? Ny Fihavian'i Kristy. "Ary namono an'ireo Fahavalony tamin'Izany Izy." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny dia eo amin'ny Làlany Izy. Diniho Izy ankehitriny. Eny àry.

Ireo dia manana fahefana hanidy ny lanitra, *mba tsy hisy ranonorana amin'ny andron'ny faminaniany:* . . .

305 Ry tovolahy, izany no hoe mampiato ny natiora! Ankehitriny, hafiriana no—ity lehilahy ity, Elia, no nanakatona ny lanitra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Telo taona sy tapany."—Mpand.] Eo ianareo izao, marina tokoa. Hafiriana ny faha-fitopolon'i Daniela, ilay ampahany farany an'ireo fitopolo herinandro? ["Telo taona sy tapany."] Eo ianareo izao, marina tokoa.

306 Inona no nataon'i Mosesy? Izy—izy—izy no namadika ny—ny rano ho rà. Nanao an'ireo karazana fahagagana rehetra ireo izy, izay voalaza mialoha marina tokoa eto ambanin'ity Tombokase

Fahenina ity. Ary indro izy ireo, ao amin'ny Apokalypsy 11, manao an'ilay tena zavatra iray ihany. Amena!

307 Misy toerana telo samihafa ao amin'ny Soratra, eo mihitsy, izay mamatotra an'ilay zavatra miaraka mihitsy. Izany no fanokafana ny Tombokase Fahenina. Eo mihitsy izany. Amena! Voninahitra! Mariho ankehitriny.

> *Ireo dia manana fahefana hanidy* ny lanitra, amin'ny andron'ny faminaniany, mba tsy hisy ranonorana: *ary . . . fahefana eo amin'*ny *rano hamadika azy ireo ho rà, . . . hamely ny tany amin'ny . . . loza, arak'*izay *tian'izy ireo.*

308 Oh, oadray! Eo ianareo izao. Ankehitriny dia mamadiha avy hatrany eto eo amin'ireo loza, hitanareo. Niato ny natiora rehetra, ao amin'ny Loza Fahenina . . . na ny Tombokase Fahenina, nisokatra. Izany marina tokoa no nitranga. Jereo ankehitriny. Ny . . .

309 Eto, Andriamanitra dia eo am-panafahana ny Zanany, Isiraely, tamin'ny fomba iray ihany an'ny fahoriambe izay Nataony tany. Naniraka an'i Mosesy tany Izy ary nanafaka an'ny Isiraely. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary nanao an'ireo tena zavatra iray ireo ihany izy. Naniraka an'i Elia nankany amin'i Ahaba Izy, dia nivoaka ireo fito arivo. Marina ve izany? ["Amena."] Maniraka azy ireo avy hatrany indray Izy eto, ao amin'ny fotoan'ny Fahoriambe, ka miantso an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy.

310 Ankehitriny, hitanareo, mahamarika ianareo, eo anelanelan'ny Apokaly- . . . na eo anelanelan'ny toko faha-6, na ny Loza Fahenina . . . Tombokase, mamelà ahy, ny Tombokase Fahenina sy ny Tombokase Fahafito. Ny toko faha-7-n'ny Apokalypsy, ara-matematika, dia voapetraka miaraka tsara.

311 Tahaka an'i Amerika mihitsy izay isa telo ambin'ny folo: fanjakana telo ambin'ny folo no nanombohany, kintana telo ambin'ny folo no eo amin'ny saina, zanatany telo ambin'ny folo, tsipika telo ambin'ny folo. Ny zavatra rehetra dia telo ambin'ny folo, telo ambin'ny folo. Ary miseho mihitsy eto ao amin'ny toko faha-13-n'ny Apokalypsy. Marina izany. Telo ambin'ny folo izy, ary vehivavy iray.

312 Ankehitriny, rehefa teo am-panafahana ny Zanany Lahitokana Izy, izany hoe ny Lahitokany. Jakoba dia Zanany; saingy ity no Zanany Lahitokana. Matio 27, ndao jerentsika izay Nataony eo. Matio, ny toko faha-27. Ankehitriny, tsarovy, nokapohina Ny Zanany, sy nampahoriana, ary nesoin'izy ireo Izy. Ary nihantona teo amin'ny hazo fijaliana Izy ankehitriny, tamin'ny telo ora, ny Zoma Masina tolakandro. Saiky eo am-pitrangana mihitsy izany! Matio, toko faha-27-n'ny Matio, ary ny—ny andininy faha-45, mino aho fa izay ilay izy.

Ankehitriny nanomboka tamin'ny ora fahenina dia nisy aizina nanerana ny tany rehetra hatramin'*ny ora fahasivy.*

313 Mariho ankehitriny izay Nataony marina tokoa teto ankehitriny, ao amin'ity. Hitanareo?

Ary hitako rehefa novahany ny tombokase fahenina,. . .indro, nisy horohorontany mafy; ka ny masoandro dia lasa mainty tahaka ny volon'ny lamba fisaonana, ary ny volana—ary ny volana lasa tahaka ny rà;

314 Fahamaintisana, aizina! Egypta; fahamaintisana, aizina!

315 Andriamanitra, nanafaka an'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana, nialoha indrindra ny Nampakarany Azy tao amin'ny fitsanganana. Voalohany, aizina; nilentika teo afovoan'ny andro ny masoandro, ary tsy namiratra ireo kintana. Roa andro taty aoriana, dia hanangana Azy amin'ny fandresena lehibe Izy.

316 Rehefa ny masoandro, sy ny volana, sy ireo kintana, ary ny zavatra rehetra, tany Egypta, niseho ireo rehetra ireo, dia nanafaka an'ny Isiraely hankany amin'ilay tany nampanantenaina Izy.

317 Eto ilay izy, ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, ary indro mitsangana ireo mpaminany ireo izay manana ny fifehezana ny Teny izay omen'Andriamanitra azy ireo. Afaka miteny fotsiny ihany izy ireo araka ny anomezan'Andriamanitra azy ireo ny Teny.

318 Ankehitriny, tsy andriamanitra izy ireo. Izy ireo dia vonjy maika. . . Kely, dia izany izy ireo, satria Jesosy no nilaza fa izany izy ireo. Hoy Izy, "Ianareo dia miantso azy ireo ho andriamanitra, ireo izay nahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra." Saingy, jereo, ireo no hany itondran'Andriamanitra ny Teny. Ary rehefa teneniny Izany, dia mitranga. Izay ihany.

319 Ary indro izy miaraka amin'ny fanirahana iray avy amin'Andriamanitra, mba hamely ny tany, na inona na inona tiany (oh, oadray), manajanona ny lanitra. Ary ataony izany. Inona ny olana? Miomana ny haka an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy Izy, ho an'ny fanavotana, avy ao amin'ny Bokin'ny Fanavotana. Ary eo ambanin'ny Tombokasen'ny Fanavotana izany, ao amin'ny Tombokase Fahenina. Izany ilay izy, ry sakaiza malalako. Izany io Tombokase Fahenina io; izay tena mahagaga.

320 Ndao isika haka. . . Mbola manana folo minitra isika. Ndao isika haka kely fotsiny, hitanareo. Manana eo amin'ny pejy roa na telo eo aho. Eny, izaho dia manana. . . Afaka mahita fotsiny ianareo, *eto*. Mino aho fa misy eo amin'ny. . . Eo amin'ity anankiray ity, dia heveriko fa mbola manana eo amin'ny dimy

ambin'ny folo pejy eo aho tavela, izay azoko raisina. Oh, misy betsaka mihitsy eo amin'izany! Oadray, afaka manohy mitety toerana fotsiny ianareo! Saingy matahotra aho sao hampikorontana anareo raha manaparitaka be loatra an'izany. Ary izaho tsy . . . Tsy afaka mihazona an'izany miaraka araka ny tokony hataoko aho.

321 Ao amin'ny Isaia, ndao alaintsika ity. Isaia, mpaminany, dia nahita an'ity Tombokase Fahenina ity nisokatra, ka niresaka ny amin'Izany; na zava-dehibe Izany, na tsia. Hitanareo?

322 Eny, ilay zavatra manontolo, ilay drafi-panavotana manontolo, dia mipetraka eo ambanin'ireto Tombokase ireto; ilay Boky manontolo.

323 Tsarovy ankehitriny, hitantsika fa Jesosy dia nahita Azy. Marina ve izany? Jesosy dia nahita Azy. Ary ankehitriny dia hitantsika ireo sasany izay nahita Azy. Hitantsika fa Izany dia nanao tandindona tao—tao amin'i Jakoba. Hitantsika fa Izany dia nanao tandindona tao Egypta. Hitantsika fa Izany dia nanao tandindona teo amin'ny hazo fijaliana.

324 Ankehitriny dia ndao isika hiverina ao amin'ny Isaia. Izaho dia mbola manana mpaminany betsaka voaray naoty eto, ihany koa. Ndao fotsiny isika . . . Tiako ity, ity an'i Isaia ity. Ndao isika hiverina eto amin'ny Isaia, ny toko faha-13-n'ny Isaia. Tiako . . .

325 Isaia no—no Baiboly feno, ao amin'ny Tenany, fantatrareo. Efa fantatrareo ve izany? Hitanareo, manomboka amin'ny famoronana Isaia; ao afovoan'ilay Boky dia mitondra an'i Jaona izy; ary ao amin'ny farany dia mitondra ny Arivo taona izy. Ary misy Boky enina amby enimpolo ao amin'ny Baiboly, ary toko enina amby enimpolo ao amin'ny Isaia. Izany no asa-soratra feno, Izy tenany.

326 Mariho, ny toko faha-13 ankehitriny, an'ny—an'ny Isaia. Ndao isika hanomboka eto amin'ny andininy faha-6.

Midradradradrà ianareo; fa antomotra ny andron'ny Tompo; izany dia ho tonga tahaka ny fandravàna iray avy amin'ny Tsitoha.

327 Diniho ity Tombokase Fahenina misokatra eto ity ankehitriny. Tany aoriana tany mihitsy eto, telo ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'ny nahatongavan'i Kristy, ary efa roa arivo taona Izy no teto, izany dia ho eo amin'ny fito . . . eo amin'ny fitonjato sy roa arivo taona lasa. Nahita an'ity Tombokase ity nihantona tany i Isaia. Eny àry.

Noho izany dia hiraviravy ny tànana rehetra, ary ho kivy ny fon'ny olona rehetra:

328 Inona no nolazain'i Jesosy? "Ary nohon'ny habetsahan'ny heloka, ny—ny fitiavan'ny maro dia hihena amin'izany fotoana izany." "Ary hivala-ketraka ny fon'ny olona, nohon'ny tahotra; hierona ny ranomasina." Hitanareo, ho ketraka ny fon'ny olona.

*Ary hatahotra izy ireo: fanaintainan'*ny *fahoriana no hahazo azy ireo; hijaly tahaka ny vehivavy mihetsi-jaza izy ireo: samy ho talanjona izy ireo; ny tarehin'izy ireo dia ho toy ny* henatra.

329 Mariho ny amin'ity eto ity, oh, "ny tarehin'izy ireo, henatra iray." Tsy maintsy ho tonga eo amin'izany isika, iray minitra fotsiny. Hazoniko izany, hitanareo.

Indro, tonga ny andron'ny TOMPO*, loza miaraka amin'ny fahavinirana sy ny firehetan'ny fahatezerana, mba hanafoana ny tany: ary izy handringana ny mpanota tsy ho ao.*

330 "Ny tany," izany hoe ny aminy rehetra, ny aminy hitanareo. Mariho.

Fa ny kintan'ny lanitra sy ireo telonohorefiny aza dia tsy hanome ny hazavany: ny masoandro dia hohamaizinina amin'ny iposahany, ary ny volana dia tsy hanao ny hazavany *hamiratra.*

Ary hanasazy ny tany nohon'ny faharatsiany aho, sy ny heloka, sy ny faharatsiam-panahin'*ny helony; ary izaho hanao ny fireha-. . .*

331 Izaho—tsy fantatro hoe ahoana no hanononana azy, fireha-. . . [Hoy ny fiangonana hoe, "Fireharehana."—Mpand.] Tsy haiko ny milaza an'ilay izy, hitanareo.

. . . an'ny mpiavonavona hitsahatra, ka hanetry ny fiavonavon'ny—an'ny mpampahory—mpampahory.

332 Hitanareo, eo, marina tokoa, no nahitan'i Isaia an'ilay zavatra iray ihany izay noresahan'i Jesosy. Izany no ambaran'ny Tombokase Fahafito. Rehefa manadio ny tany amin'ny fahoriambe Izy, dia izany ilay vanim-potoan'ny Fahoriambe, ity Tombokase Fahenina ity. Eny, mpaminany iray izy, ary nampahafantarina azy ny Tenin'Andriamanitra. Fitonjato sy roa arivo taona lasa izany.

333 Marina tokoa! Te-hilaza an'ity fotsiny aho. Ny tany manontolo, araka an'i Isaia eto, "tahaka ny vehivavy mihetsi-jaza," mihetsi-jaza ny famoronana rehetra. Inona ny amin'io fitarainana sy fihetsehan-jaza rehetra io? Tahaka ny—ny—ny vehivavy iray izay ho reny; ny tany izy tenany, ny natiora.

334 Nahoana, ity tanàna eto ity, ndao alaintsika ny tanànantsika manokana; rehefa, ireo trano fisotroan-dabiera, sy fijangajangana, sy loto, ary lomotra, tahaka ny tanàna hafa rehetra!

335 Nahoana, mino aho fa ho tsaratsara kokoa amin'Andriamanitra, ny mijery azy tahaka ny Nanaovany azy, tany amin'ny arivo taona lasa. Rehefa nandalo teto ny Ohio, dia tsy nanana lakan-drano sy tondra-drano izy ireo. Tsy nanana fahotana izy ireo tao amin'ilay lohasaha. Nivezivezy nanerana

teto ny ombidia, ary—ary ilay Cherokee antitra no nihaza azy ka nanao fivelomana mendrika. Tsy nisy olana, mihitsy.

336 Fa, tonga ny olona, eo no ahatongavan'ny fahotana. Rehefa manomboka mitombo ny olona eo amin'ny tavan'ny tany, amin'izay fotoana izay dia miditra ny fahotana sy ny herisetra. Marina izany, ny olona foana. Nahoana, heveriko fa fahafaham-baraka iray izany!

337 Nitsangana aho, indray andro, tany amin'ny faritra ipetrahako tany, any Arizona ankehitriny. Ary izaho—namaky aho, fony aho ankizy iray, mikasika an'i Geronimo, sy—sy Cochise, ary ireo Apache fahiny. Satria, efa nitory teny tamin'izy ireo aho tany. Vahoaka mahafinaritra! Ary ny sasany amin'ireo vahoaka mahafinaritra indrindra tianareo ihaonana, dia ireo Indiana Apache ireo.

338 Ary avy eo aho dia nandeha tany—tany Tombstone, izay ananan'izy ireo an'ireo fitehirizana tranainy sy ny sisa avy tamin'ny ady ireo. Dia nijery aho . . . Izy ireo isan'andro, fantatrareo, izy ireo isan'andro dia nanakilasy an'i Geronimo ho—ho jiolahimboto iray. Ho ahy, dia izy no Amerikana iray mena rà. Marina tokoa! Niady ho an'ny zòny fotsiny izy, tahaka ny hataon'ny rehetra. Tsy nila an'io fandotoana io tao amin'ny taniny izy. Fa jereo hoe inona ilay izy ankehitriny; namadika an'ireo zanany, ireo zananivavy, ho mpivarotena, sy ny zavatra hafa rehetra; ary tonga tany ireo olona fotsy hoditra. Ny olona fotsy hoditra dia karilahy iray.

339 Ny Indiana dia mpitahiry iray. Izy dia—izy dia—dia olona mpanao fitehirizana iray. Nivoaka izy ary namono ombidia iray, ilay foko manontolo no nihinana ny zavatra rehetra izay sisa tamin'izany. Nampiasain'izy ireo ilay hoditra ho an'ny fitafiana sy tranolay, ary ny zavatra hafa rehetra. Fa tonga ilay olona fotsy hoditra mba hitifitra an'izany, ho fikendry iray; nahoana, tena fahafaham-baraka izany!

340 Namaky lahatsoratra iray aho tao amin'ny gazety, izay, tany Afrika, ilay toerana lehibe feno haza dia! Nanana an'ireo zalahy ireo izy ireo, Arthur Godfrey sy izy ireo, nandeha tany, nitifitra an'ireo elefanta sy ny sisa, avy tao amin'ireo helikoptera sy ireo zavatra tahaka an'izany. Sary iray an'ny elefanta vavy antitra iray miezaka ny ho faty, ary ireo ranomaso, toy ny hoe, miraraka midina amin'ny tavany. Ary lahy goavana roa miezaka hihazona azy hitsangana, mba hihazona . . . Nahoana, fahotana iray izany. Tsy fanatanjahan-tena izany.

341 Rehefa mitsangana eo amin'ilay saha aho any ivelany any, ary eo amin'izay ihazako sy ireo zavatra tahaka an'izany, ka mahita fa tonga eo ireo mpihaza fotsy hoditra ireo ary mamono an'ireo diera, sy mandidy ny tapany ambanin'izany. Ary indraindray dia mamono dieravavy kely valo na folo, ka mamela azy ireo hipetraka eo. Ary zana-diera mihazakazaka manerana,

miezaka ny hahita ny mamany. Dia tianareo lazaina ve fa izany no fanaovana fanatanjahan-tena? Famonoana ankitsirano izany, araka ny hevitro.

342 Manantena aho fa i Canada dia tsy manana làlana mihitsy ao aminy, raha velona koa aho, hanakanana an'ireo Amerikana jiolahimboto ireo ho ao. Marina izany. Izany no fanatanjahan-tena ratsy indrindra izay hany hitako tamin'ny fiainako.

343 Ankehitriny, tsy izy rehetra. Misy ny sasany tena lehilahy, tena izy, saingy iray amin'ny arivo, no hitanareo.

344 Mitifitra ny zavatra rehetra izay mety hitan'izy ireo, amin'ny fomba rehetra izay tian'izy ireo. Marina izany. Mpamono iray izany. Marina izany. Tsy manana fo izy. Ary mitifitra izy, tsy amin'ny vanim-potoana.

345 Eny, any Alaska any, tany aho niaraka tamin'ny iray amin'ireo mpitari-dàlana. Hoy izy hoe, "Naka aho . . . Handeha any aho ankehitriny, ka hahita an'ireo andiany manontolo an'ireo ombimanga goavana be ireo na . . . tsy ombimanga, fa osidia mitsitra any; miaraka amin'ny bala kalibra dimampolo an'ny basy marovava manerana ny tandrok'izy ireo, izay misy an'ireo mpanamory Amerikana any, any Alaska, basy marovava, avy eny amin'ilay fiaramanidina, andiana osidia iray." Famonoana ankitsirano izany.

346 Fantatr'izy ireo, fa na oviana na oviana no amonoan'izy ireo an'ilay ombidia, dia afaka hahazo ny Indiana izy ireo. Ho matin'ny hanoanana izy. Izany no antony hoe tsy maintsy nitolo-batana i Cochise; ireo, ireo andriany rehetra, sy ny sisa rehetra tamin'izy ireo, ireo zanany, ary ireo vahoakany rehetra, dia matin'ny hanoanana. Nandeha tany izy ireo niaraka tamin'ny fatra goavana, goavana be tamin'ireo, Buffalo Bill sy ireo lehilahin'ny lemaka ireo, dia nitifitra an'ireo ombidia rehetra ireo, efapolo, dimampolo, tamin'ny tolakandro. Fantatr'izy ireo, fa rehefa nanala an'izany izy ireo, dia manala ny Indiana. Ary, oh, oadray! Tasy iray eo amin'ny saina, ny fomba nitondran'izy ireo an'ireo Indiana ireo. Eo ianareo izao.

347 Fa tsarovy, hoy ny Baiboly hoe, "Tonga ny ora izay handravan'Andriamanitra an'ireo izay mandrava ny tany." Ary ny tany manontolo!

348 Jereo ireo lohasaha ireo. Nitsangana tany aho, indray andro, nijery teo amin'ilay lohasaha any Phoenix. Nandeha niakatra teo amin'ny South Mountain, nipetraka tany ambony tany izaho sy ny vadiko, ka nijery an'i Phoenix. Dia hoy aho hoe, "Tsy mahatsiravina ve izao?"

Hoy izy hoe, "Mahatsiravina? Inona no tianao lazaina?"

349 Hoy aho hoe, "Ny fahotana. Ary firy ny fijangajangana, sy fisotroana, sy ompa, ary ny anaovana tsinontsinona ny Anaran'ny Tompo, ao amin'io lohasaha eo io; miaraka amin'ny

eo amin'ny zato sy—sy efapolo, olona dimy alina sy iray hetsy, na angamba olona roa hetsy, ao anatin'io lohasaha io!"

350 Hoy aho hoe, "Dimanjato taona lasa izay, na arivo, dia tsy nisy afa-tsy raketa teo, bozaka lava, ka ireo ambodia antitra no nandeha nandroso sy niverina teo amin'ilay fasi-drenirano teo, ireo—ireo riaka." Dia hoy aho hoe, "Tahaka an'izany no nanaovan'Andriamanitra azy."

351 Saingy, tonga ny olona. Inona no nataony? Nameno an'ilay tany tamin'ny loto izy. Feno afero ireo làlambe. Ireo lakan-drano, ireo . . . Ary ireo renirano dia voaloton'ny—ny fahalotoana. Izy ireo tsy afaka . . . Nahoana, tsaratsara kokoa aminareo ny tsy misotro indray misintona avy amin'io rano io; hahazo ny zavatra rehetra ianareo. Hitanareo? Jereo ilay izy. Tsy eto ihany, fa, manerana an'izao tontolo izao, dia voaloto ilay zavatra!

352 Ary ny tany, ny natiora, (Andriamanitra anie hamindra fo!) ny tany manontolo dia ao—ao amin'ny fahatariam-piterahana. Miezaka izao tontolo izao, izy dia "mihetsi-jaza," hoy Isaia. Inona ny olana? Izy dia ao . . . miezaka ny hiteraka tontolo vaovao iray, ho an'ilay Arivo taona, izay misy ny rehetra . . . ? . . . Miezaka ny hiteraka tontolo vaovao iray, ho an'ny vahoaka vaovao iray izay tsy hanota na handoto azy. Marina izany. Mihetsi-jaza izy. Izany no anton'ilay—ilay . . . Mihetsi-jaza isika, Kristy, mba hiteraka an'ilay Ampakarina. Ny zavatra rehetra dia mihetsi-jaza sy misento. Hitanareo, misy zavatra natao vonona ny hitranga.

353 Ary ity Loza Fahenina ity no mandefa azy. Rahalahy, mipoaka misokatra ny horohorontany, ary mihozongozona ireo kintana, hivoaka ireo volkano, ka hanavao ny tenany ny tany. Hivoaka avy eo afovoan'ny tany ny vato miempo. Ary hivaingana izy, manerana ny rehetra sy manerana ary manerana, rehefa mihodinkodina izy any.

354 Ary teneniko aminareo, indray maraina rehefa miverina eto an-tany Jesosy sy Ny Ampakariny, dia hisy paradisan'Andriamanitra iray eto. Ka, oh, oadray, ireo mpiady tranainy an'ny ady ireo, dia hitsangatsangana manerana eo miaraka amin'ireo sakaizany sy ireo malalany. Ireo antema no hameno ny habakabaka, an'ny tafiky ny Anjely iray. "Oh, tsara izany, ry Mpanompoko tsara sy mahatoky. Midira amin'ny fifalian'ny Tompo, izay efa nomanina ho anao, izay tokony ho nanananao tany aoriana tany talohan'ny nanombohan'i Eva nanakodia an'ilay baolina tao anatin'ny fahotana." Amena! Fioo! Eny.

355 Hanao zavatra iray ny Tombokase Fahenina. Eny, tompoko. Marina tokoa fa misento sy marary izao tontolo rehetra izao, ho an'ilay taonan'ny Arivo taona!

356 Ankehitriny, ilay anankiray ankehitriny dia tena vonton'ny loto! Izany no notoriako teto, vao tsy ela akory izay, mino aho,

notoriako teto amin'ny tabernakla, *Ny Faharavan'Izao Tontolo Izao*. Marina tokoa izany. Jereo izay miharava eto amin'izao tontolo izao. Jereo, ny zavatra rehetra dia miharava, amin'izany. Izany tokoa, izany izy. Izy dia—izy dia tsy maintsy rava. Eny, tompoko.

357 Jereo, ny rafiny! Mamelà ahy haneho aminareo ny antony tsy maintsy haharava an'izao tontolo izao. Ny rafitr'ity izao tontolo izao ity, ny vy, sy ny varahina, ary ireo fitaovam-panorenan'ity tany ity, dia efa nosintonina niala taminy, ny fitaovana fananganan-tranony, ho an'ny ady sy ny indostria, hany izy ka saiky vonona fotsiny . . . Eny, tsy mbola nanana horohorontany iray mihitsy isika raha tsy tamin'ilay indray andro, teto amin'ity ampahan'ny firenena ity; ilay indray andro fotsiny teto, hitanareo, St. Louis sy ny nanerana tany. Lasa tena manify izy. Nosintonin'izy ireo niala taminy ny zavatra rehetra. Hitanareo?

358 Tena voaloto ireo politikany, zara raha misy mahitsy fo iray eo anivon'izy ireo, hitanareo, ny rafiny. Tena ambany ny fitondran-tenany, tsy manana anankiray mihitsy izy. Izay ihany. Hitanareo? Azo antoka. Lò ny fivavahany. Eny, tompoko.

359 Izao no fotoana ho an'ny Tombokase Fahenina, tsy ho ela mihitsy, mba hisokatra. Ary rehefa misokatra izy, oh, oadray, izany no farany! Efa lasa ny Ampakarina, izy efa . . . efa lasa naka ny Toerany ny Mpanjakavavy; efa nanambady Izy ankehitriny, amin'ilay Mpanjaka, raha mbola miseho io. Ary voaisy tombokase ilay sisa nanamboran'ny Isiraely ka vonona ny handeha, ary amin'izay fotoana izay dia mamela handeha ny natiora. Oh, fotoana iray toy ny inona!

360 Mariho ilay andininy farany an'ny Tombokase Fahenina, nisokatra. Ireo izay nihomehy tamin'ny fitoriana ny Teny, ny Teny voamarin'ilay Andriamanitra velona; rehefa nitsangana tany ireo mpaminany ireo nanao fahagagana, nanakatona ny masoandro, sy ny zavatra hafa rehetra, ary nanerana an'ilay taona rehetra. Hitanareo, "Niantso an'ireo vatolampy sy tendrombohitra izy ireo hanafina azy ireo," hitanareo, hanafina azy ireo amin'ilay Teny izay nihomehezan'izy ireo, satria nahita Azy tonga izy ireo. "Afeno izahay amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry." Izy no Teny. Hitanareo? Nihomehy ny Teny izy ireo. Ary indro teo ilay Teny, nitsofoka. Ary nesoin'izy ireo Izany; nihomehezany izy ireo, naneso azy ireo. Ary niseho ilay Teny nitsofoka!

361 Nahoana izy ireo no tsy nibebaka? Tsy afaka izy ireo. Efa lavitra loatra ilay izy, tamin'izany. Noho izany, dia fantatr'izy ireo izany, ilay fanasaziana. Mandre an'Izany izy ireo. Nipetraka tao amin'ireo fivoriana tahaka an'izao izy ireo ka nahafantatra mikasika an'Izany. Ary fantany fa ireo zavatr'ireto mpaminany ireto, izay nilaza mialoha, dia mijery azy ireo manatrika mihitsy,

ilay zavatra izay nolavin'izy ireo. Nanifikifika ny famindrampo ho an'ilay fotoana farany izy ireo.

362 Ary rehefa manifikifika ny famindrampo ianareo, dia tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny fitsarana. Rehefa manifikifika ny famindrampo ianareo; eritrereto fotsiny izany.

363 Ary teo izy ireo. Tsy nanana toerana haleha izy ireo, tsy nisy fialofana. Ary ny Baiboly no nilaza eto hoe, "Izy ireo dia niantso ny . . . Niantso an'ireo vatolampy sy tendrombohitra, hoe, 'Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin'ny—amin'ny tavan'ilay . . . sy ny fahatezeran'ny Zanak'ondry.'" Niezaka hibebaka izy ireo, saingy efa tonga ny Zanak'ondry mba hitaky ny Azy Manokana, hitanareo. Ary niantsoantso an'ireo vatolampy sy tendrombohitra izy ireo. Nivavaka, saingy efa tara loatra ireo vavaka.

364 Ry rahalahiko, anabaviko, ny fahatsarana sy ireo famindrampon'Andriamanitra, dia efa natolotra ho an'ny olona. Raha mbola, nohajambaina ny Isiraely nandritr'ity, hatreto, teo amin'ny roa arivo taona mihitsy, mba hanome antsika anjara iray hibebahana. Nandà an'io famindrampo io ve ianareo? Nandà ve ianareo? Nolavinareo ve Izany?

365 Iza moa ianareo, na ahoana na ahoana? Avy taiza ianareo? Ary ho aiza ianareo? Tsy afaka manontany ny dokotera ianareo, tsy afaka manontany ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao ianareo, ary tsy misy boky azonareo vakiana, izay afaka miteny aminareo hoe iza ianareo, avy taiza ianareo, ary ho aiza ianareo, afa-tsy ity Boky ity.

366 Ankehitriny, fantatrareo, raha tsy manana ny Ràn'ny Zanak'ondry ianareo mba hihetsika eo amin'ny toeranareo, dia hitanareo hoe mandroso mankaiza ianareo. Noho izany, raha—raha nanao an'izany ho anareo Andriamanitra, ny zavatra kely indrindra izay azontsika hatao dia ny hanaiky an'izay Nataony. Izay ihany no Nangatahany hataontsika.

367 Ary eo amin'ny fototr'izany, raha mandeha lavidavitra aho, dia tsy maintsy tonga avy hatrany eo amin'ity Loza ity aho, io rehetra io, amin'ny fivorian'ny rahampitso hariva. Fa tsy afaka manao an'izany aho ankehitriny, tsy afaka mandeha lavidavitra aho. Nasiako marika izany eto, tsipika mifanapaka iray hoe, "mijanona eto," hitanareo. Koa, noho izany, izaho—tsy maintsy miandry hatramin'ny rahampitso aho.

Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

368 Raha tsy mbola ianareo, ry sakaizako sarobidy, tsy mbola—tsy mbola nanaiky ny fitiavan'io Andriamanitra izay resahako io! Raha tsy mbola ianareo . . . Henoy tsara ity ankehitriny. Raha tsy mbola nanaiky ny Fitiavany sy ny famindrampony ianareo, dia tsy maintsy hiaritra ny Fitsarany sy ny fahatezarany.

369 Ankehitriny, ianareo, izao hariva izao, dia ao amin'ilay toerana iray ihany izay nisy an'i Adama sy Eva tao amin'ny sahan'i Edena. Manana zò iray ianareo. Manana safidy malalaka iray ianareo. Afaka mandeha mankeo amin'ilay Hazon'Aina ianareo, na afaka maka an'ilay drafitry ny fitsarana. Fa, androany, raha mbola ao amin'ny sainareo ianareo, ao amin'ny fisainanareo tsara, ary salama tsara ianareo mba—mba hitsangana ka hanaiky an'izany, dia nahoana ianareo no tsy manao an'izany raha mbola tsy nanao an'izany.

370 Misy an'ireo olona ireo ve ato izay tsy, tsy mbola, nanao an'izany? Raha izany no izy, dia hanangana ny tànanareo ve ianareo? Manaova hoe, "Mivavaha ho ahy, Rahalahy Branham. Te-hanao an'izany aho ankehitriny. Tsy tiako ho tonga io." Tsarovy ankehitriny, ry sakaiza . . . Andriamanitra hitahy anao. Tsara izany. Izaho dia . . .

371 Ireo dia tsy hevitro mikasika an'Ity. Izaho—izaho . . . Ity dia tsy izay efa noeritreretiko; ity dia tsy avy amiko manontolo. Mianiana aho, ny Fanahy Masina no mahafantatra an'izany. Ary miandrasa, raha sitraky ny Tompo, rahampitso hariva, dia tiako ny haneho aminareo zava-miafina iray izay efa niseho foana, teo amin'ity fivoriana eto ity mihitsy. Misalasala betsaka aho raha mba nahita an'izany ianareo na tsia, hitanareo, an'izay—an'izay niseho. Izany dia zavatra izay nipetraka teto anoloanareo teto mihitsy. Ary nandinika aho, isan-kariva, an'io, mba hisehoany, mba hilazan'ny olona iray hoe, "Hitako ilay izy." Hitanareo?

372 Aza lavina Izany, azafady, mangataka aminareo aho; raha tsy Kristiana iray ianareo, raha ianareo—raha tsy eo ambanin'ny Rà ianareo, raha tsy nateraka indray ianareo, feno ny Fanahy Masina.

373 Raha tsy mbola nanao fiaikena ampahibemaso iray ianareo ny amin'i—ny amin'i Jesosy Kristy, amin'ny nanaovana batisa tamin'Ny Anarany, mba hanambara ny Fahafatesany, fandevenany ary fitsanganany, hoe nanaiky ianareo, dia vonona ny rano. Miandry izy ireo. Omena ireo lamba ato, ary vonona ny zavatra rehetra.

374 Mitsangana Kristy vonona, miaraka amin'ny sandry mivelatra, mba handray anareo. Afaka ora iray manomboka izao, dia mety tsy ho voatolotra ho anareo io famindrampo io. Mety mandà an'izany ho an'ny fotoana farany ianareo; tsy hikasika ny fonareo intsony indray izany. Raha mbola afaka ianareo, raha mbola afaka ianareo, dia nahoana no tsy manao an'izany? Ankehitriny raha mbola . . .

375 Fantatro fa ilay fomba mahazatra, fanao, dia ny mitondra ny olona mankeo amin'ny alitara. Manao an'izany isika, ary mety tsara tanteraka tokoa izany. Amin'ity fotoana ity, dia tena mifanizina isika ato, manodidina ny alitara, hany ka tsy afaka manao an'izany aho.

376 Fa tiako ny hilaza an'izao. Tamin'ny andro apostolika, dia hoy izy ireo hoe, "Izay nino dia natao batisa." Hitanareo? Raha afaka fotsiny ianareo, marina tokoa, ao ambanin'ny fonareo! Izay ihany ny amin'io. Ilay izy tsy—ilay izy tsy fientanam-po, na dia miaraka amin'izany aza ny fientanam-po. Tahaka an'izay nolazaiko fotsiny, tsy ny mifoka sy misotro no fahotana; toetry ny fahotana izany; izany no maneho fa tsy mino ianareo. Hitanareo? Fa rehefa mino marina ao am-ponareo tokoa ianareo, ka fantatrareo fa eo amin'ny fototr'izany, eo amin'izay ipetrahanareo eo, no anekenareo an'izany amin'ny fonareo rehetra, dia hisy zavatra hitranga mihitsy eo. Hitranga izany.

377 Avy eo dia afaka mitsangana ianareo ho vavolombelona iray an'izany, hoe nisy zavatra nitranga. Amin'izay fotoana izay dia manatòna eo amin'ny rano, manaova hoe, "Tiako ny haneho amin'ny fiangonana, tiako ny hanaporofo, tiako ny hanao ny fanambarako hitoetra, fa haka ny toerako miaraka amin'ny Ampakarina aho. Mitsangana eto aho ankehitriny mba hatao batisa."

378 Fantatro fa izao hariva izao dia misy vehivavy maro eto amin'izao tontolo izao, vehivavy mahafinaritra, saingy maniry mafy aho ny hahita anankiray. Misy anankiray amin'izy ireo izay vadiko. Izy no mandeha miaraka amiko any an-trano. Tsy mbola vadiko izy, teo am-panombohana; fa ny nahatonga azy ho vadiko, dia nitondra ny anarako izy.

379 Ho avy Izy. Misy betsaka ireo vehivavy, ireo fiangonana, eto amin'izao tontolo izao, saingy ho avy ho an'Ny Vadiny Izy. Antsoina amin'Ny Anarany Izy. "Ireo izay ao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy." Ahoana no idirantsika ao amin'Izany? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray."

380 Ankehitriny raha mbola mivavaka isika, ianareo dia mivavaha, ihany koa. Ato anatiny na ivelany, misy vondron'olona betsaka ato amin'ny efitra, any ivelany, mitsangana manodidina, ao amin'ireo làlambe ao ivelany. Fa ankehitriny raha mbola—ianareo raha mbola . . . Tsy afaka hiantso anareo ho eto amin'ny alitara izahay. Fa, ny fonareo, ataovy alitara izany. Ary ao am-ponareo mihitsy, manaova hoe, "Tompo Jesosy, mino an'Ity aho. Nitsangana teto ivelany teto aho tao amin'ity rivotry ny alina ity. Efa sempotra aho, tato anatin'ity efitra kely ity. Mipetraka ato aho, eo anivon'ireto olona ireto. Izaho—izaho—izaho—izaho—izaho tsy te-ho . . . Tsy afaka ny ho diso aho; tsy afaka hahavita an'izany aho."

381 Ny zavatra rehetra, araka ny noteneniko taminareo omaly hariva, ary, mianiana aho, ny Tompo no mahafantatra fa miteny ny Fahamarinana aho. "Tsy mandainga aho," araka ny nolazain'i Paoly. Io fahitana io, na inona na inona ilay izy; nitsangana tany aho, nijery, ary nikasika an'ireo olona efa lasa ireo, tena

misy fotsiny tahaka ahy mitsangana eto mihitsy. Aza diso an'izany, ry rahalahiko na anabaviko mahantra; aza manao an'izany. Fantatro fa efa nandre toriteny ianareo, ianareo efa nandre an'*ity*, *itsy*, ary ireo tantara, io rehetra io. Saingy mamelà . . . Henoy fotsiny. Ho ahy, ity dia . . . Fantatro fa izany no Fahamarinana, hitanareo. Ianareo fotsiny . . . Izaho—izaho—tsy afaka manao azy hazava kokoa aho, hitanareo. Aza diso an'izany. Anareo daholo izany.

Ndao isika hivavaka ankehitriny.

382 Tompo Jesosy, eto anoloako eto dia misy boatin'ny mosara izay misolo tena an'ireo olona marary. Raha mivavaka eo amin'izy ireo aho, mametra-tànana eo ambonin'izy ireo, araka ny nolazain'ny Baiboly hoe, "Nalain'izy ireo avy teo amin'ny vatan'i Paoly, ireo mosara sy aron'akanjo, dia nivoaka tamin'ny olona ireo fanahy maloto, ary famantarana lehibe no natao."

383 Satria, nahita an'i Paoly izy ireo, ka fantatr'izy ireo fa ny Fanahin'Andriamanitra no tao aminy. Fantatr'izy ireo fa izy dia—izy dia lehilahy iray hafahafa, izany, dia ireo zavatra izay noresahany, mikasika ny Teny. Nalainy ilay teny Hebreo fahiny an'ilay fiangonana Hebreo, ary novelominy izany, ka napetrany tao amin'i Kristy. Fantatr'izy ireo fa Andriamanitra no tao amin'ilay lehilahy. Avy eo dia nahita an'Andriamanitra izy ireo niasa an'ireo asa hafahafa sy mahery tamin'ny alàlany, niteny mialoha an'ireo zavatra ka tahaka an'izany no nitrangany, ary fantatr'izy ireo fa mpanompon'Andriamanitra izy.

384 Tompo, mivavaka aho mba Hanajanao an'ireto olona ireto nohon'ny fanajany ny Teny, sy hanasitrananao azy ireo nohon'ny amin'i Jesosy. Eto amin'ny mpanatrika, Tompo, dia misy vahoaka iray mipetraka, tahaka an'ireo izay nihaino an'ilay apostoly Petera tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Toy ny ahoana no niverenany tao amin'ny Teny, sy nikarohany ny Teny! Ary hoy izy hoe, "Joela dia nilaza, fa amin'ny andro farany dia hiseho ireo zavatra ireo. Ary Ity izany." Ary telo arivo no nino an'Izany, ka natao batisa.

385 Ary, Ray, androany dia mitsangana eto izahay nohon'ny Fahasoavanao. Ary izany dia tsy satria hoe—hoe vahoaka manokana iray ilay izy, fa ilay izy dia satria (tahaka an'ilay andron'ny liona fotsiny, na ny omby, na ny olona) izao no fotoan'ny voromahery. Izao no hosotry ny ora. Izao no fotoana izay iainanay. Izao no asan'ny Fanahy Masina ho an'ity fotoana manokana ity, mba hanaporofo fa tsy maty Jesosy. Ireo zavatra izay Nolazainy fa Hataony mialoha indrindra ny hahafaty an'ireo Hazavan'ny hariva, ka indro efa hitanay Izy nanao an'izany, nanerana ny làlana mihitsy. Hitanay Izany nidina tao amin'ilay fikarohana siantifika ka naka ny Sariny; ilay Andry Afo lehibe Izay nitarika an'ireo zanak'Isiraely; Izay nifanena tamin'i Paoly teny an-dàlana.

386 Ary fantatray, fa io Andry Afo iray io ihany izay nitarika an'i Mosesy tany an-efitra tany, tamin'ny alàlan'io Andry Afo iray io ihany no nanoratany an'ireo Boky maro an'ny Baiboly, satria voahosotry ny Teny izy.

387 Io Andry Afo iray io ihany no tonga teo ambonin'i Paoly, teny amin'ny làlana nankany Damaskosy, nanoratra Boky maro an'ny Baiboly izy, nantsoina hoe ny Tenin'Andriamanitra.

388 Ary ankehitriny, Tompo, io Andry Afo iray io ihany, amin'ny alàlan'ny fanamarinan'ny porofon'ny Teny, sy amin'ny alàlan'ny fikarohana siantifika, dia hitanay Izany eto manambara ny Tenin'ny Tompo.

389 Andriamanitra, aoka ny olona hifoha haingana, Tompo, haingana! Ireo izay manana ny anarany voapetraka eo amin'ny Bokin'ny Fiainana; rehefa manjelatra manerana ny làlany Ity, dia enga anie hahita izy ireo. Tahaka an'ilay vehivavy kely, ratsy laza teo amin'ny fantsakana tamin'io andro io, nahafantatra haingana izy, ary fantany fa Izany no Soratra.

390 Ary ankehitriny, Ray, dia mivavaka aho mba izay rehetra handray Anao amin'ity fotoana ity, ao am-pon'izy ireo, mba ho voalamina mandrakizay izany, amin'ity ora ity, mba hitsahatra amin'ny fahotana izy ireo; ka hitsangana sy hanao fiomanana ankehitriny ho an'ny fiaikena ampahibemaso, an'ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho famelàna ny fahotan'izy ireo; mba haneho fa izy ireo dia mino fa namela azy ireo Andriamanitra, ka mitondra ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo.

391 Avy eo, Ray, dia araraho ny Fanahy Masina, ilay Diloilo, eo ambonin'izy ireo, mba ahafahan'izy ireo ho tafapetraka ao amin'ny asan'ny Tompo Andriamanitra, mba ahafahan'izy ireo ho mpiasa ao amin'ity andro farany, ratsy ity, satria fantatray fa fotoana fohy fotsiny no anananay. Ary mety handeha amin'ny fotoana rehetra ilay Fiangonana.

392 Ilay Zanak'ondry dia mety, amin'ny fotoana rehetra, hiala amin'ilay toera-masina Any, na ilay Seza fiandrianan'ny fanatitra, handroso hankeo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra izay ipetrahan'ny fanatitra, ka amin'izay fotoana izay dia tapitra ilay izy; tsy misy fanantenana intsony ho an'izao tontolo izao; vita ny aminy. Amin'izay fotoana izay dia miditra ao amin'ireo fikorontanana izy, an'ireo hovitrovitry ny horohorontany lehibe, sy—sy ireo fihozongozonana lehibe tahaka ny tamin'ny fitsanganana. Ary—ary, ny—ny . . .

393 Tahaka ny nitsanganan'i Kristy avy tao am-pasana, rehefa nitsangana ireo olo-masina, dia ilay zavatra iray ihany no hiseho. Tompo, mety hisy amin'ny minitra rehetra izany. Miandry an'io androm-pifaliana ho tonga io izahay.

394 Raiso eo ambanin'ny Sandrinao ireo Zanakao, Ray, ankehitriny. Tariho ho eo an-Tratranao Ireo zanak'ondry

kelinao. Ekeo izany. Ary fahano amin'ny Teny izy ireo, mandrapahazoan'izy ireo hery ho an'ny asa. Apetrakay Aminao izy ireo ankehitriny, Tompo. Valio izao vavaka izao.

395 Ianao no nilaza, Ray, ao amin'ny Marka, ny toko faha-11 hoe, "Rehefa mivavaka ianareo, mitsangana mivavaka, dia minoa fa azonareo izay angatahanareo, dia ho azonareo izany."

396 Ary amin'ny foko rehetra ho Azy izay nanambara an'ireto zavatra ireto nanerana ny taona, ary ireto Tombokase eto ireto tamin'ity herinandro farany ity; dia mino Anao aho, Tompo Andriamanitra, fa izao no ora, akaiky ankehitriny, akaiky kokoa noho izay heverinay marina tokoa, an'ny Fanatonanao.

397 Azafady aoka ho voavaly ny fivavako. Ary enga anie ny zanak'Andriamanitra voaantso rehetra, izay ao amin'ny fari-pandrenesana eto, na izay ho tratry ny horonam-peo, enga anie amin'izay fotoana izay . . . Mitaky azy ireo ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra aho, eo amin'ny fototry ny fahafantarana fa ity no Teny izay voambara. Aoka hamiratra ilay Hazavan'ny hariva, Ray. Apetrako Aminao izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

398 Ankehitriny, ny rehetra, anatiny sy ivelany, izay mino, ka tsy mbola nanao ny—ny fiaikenareo ampahibemaso, hoe nitsahatra tamin'ny fahotana ianareo; ka ianareo—mila an'ireo famindrampon'Andriamanitra ianareo, ary nanaiky azy ireo tao amin'i Jesosy Kristy. Ny dobo . . . Ho vonona hanao batisa ny olona rehetra izay te-hatao batisa izy ireo, androany na rahampitso, izao ankehitriny izao na mety ho rahoviana izany.

399 Ankasitrahanareo ve ny Tombokase Fahenina? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo ve fa misokatra Izany ankehitriny? ["Amena."] Nino an'Izany ve ianareo? ["Amena."]

400 Izao no voalaza, "Iza no nino ny teny nampitondraina anay? Ary iza no nanambarana ny sandrin'ny Tompo?" Hitanareo? Minoa an'ilay teny nampitondraina, avy eo dia voambara ny sandrin'ny Tompo. Ny sandry, ny Tenin'Andriamanitra, dia voambara.

401 Raha sitraky ny Tompo ankehitriny, rahampitso hariva, dia hiezaka ny tsara indrindrako aho hamaly an'ireto fanontaniana ireto. Handany ny sisa amin'ny alina aho angamba, ary, na ny betsaka amin'izany, amin'ny vavaka, eo amin'izy ireo. Manana eo amin'ny iray ka hatramin'ny telo ora aho amin'ny alina iray. Tsy nandeha teny am-pandriana mihitsy aho omaly alina raha tsy efa ho tamin'ny iray, ary tamin'ny telo ora dia efa nianatra aho. Hitanareo? Hitanareo?

402 Tsy maintsy hamaly an'ity aho. Marina izany. Aloha loatra isika ho an'ny zavatra rehetra, ny fahadalana rehetra, na ny fanombatombanana rehetra, na finoana tapany. Tsy maintsy mijery an'ilay izy aho, aloha. Ary avy eo, rehefa hitako izany,

ilay izy dia tsy maintsy ao amin'ny Teny, ihany koa. Ary hatreto, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia tanteraka tokoa izy ireo. Nalaiko hatrany amin'ny farany ilay izy, fantatrareo izany, ka izany dia—mifangaro miaraka tsara izany.

403 Izany dia tsy maintsy ho HOY NY TOMPO HOE. Satria, ilay izy dia tsy hoe arak'izay voalazan'Izany avy amin'ny fahafantarako Azy, ny tenako, fa ny Tenin'ny Tompo dia HOY NY TOMPO HOE. Ary ity ny Teny, mandray an'izay Nomeny ahy, ary manafangaro Azy miaraka ka maneho aminareo. Noho izany dia fantatrareo, ny tenanareo, fa izany no HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo?

404 Ity ny Teny, izay miteny an'izany. Ary avy eo dia ny fanambarana izay Omeny ahy, izay mifanohitra amin'izay hany noeritreretin'ny iray tamintsika; nahoana, nifanohitra tamin'izay noeritreretiko, satria tsy mbola niditra tao amin'Izany tahaka an'izao mihitsy aho. Fa ankehitriny, dia hitantsika, fa mitsofoka miaraka mihitsy izany. Ary inona Izany? Izany no HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo? Izany marina tokoa. Efa nisy toerana iray nisokatra, nijanona teo, hatramin'ity ora ity, ary avy eo dia tonga ny Tompo ka mampiditra an'Izany avy hatrany tahaka an'izao. Noho izany, hitanareo, eo Izany. Izany, Izany dia—izany dia ny Tompo. Oh, tiako Izy! Tiako amin'ny foko rehetra Izy.

405 Tsarovy ankehitriny, ianareo . . . Tsy afaka nanketo amin'ny alitara isika. Maro no nanangana ny tànany. Ankehitriny, hitanareo, raharaha isam-batan'olona izany, miaraka aminareo. Izany dia izay tianareo hatao. Hitanareo?

406 Tena antomotra mihitsy ilay ora, tokony handroso mafy arak'izay vitanareo ianareo, fa tsy mila sintonina. Hitanareo, mandroso fotsiny, miezaka ny hiditra, "Tompo, aza avela aty ivelany aho. Aza mamela ahy aty ivelany, Tompo. Eo ampikatonana ireo varavarana; raha afaka miditra fotsiny aho!" Hitanareo?

407 Hanakatona ny varavarana Andriamanitra indray andro any. Efa nanao Izy tamin'ny andron'i Noa, ka nikapokapoka teo amin'ny varavarana izy ireo. [Mandondòna imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."]

408 Tsarovy ankehitriny, ny Baiboly no nilaza, hoe, "Tamin'ny fiambenana fahafito." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny sasany dia natory tao amin'ny fiambenana voalohany, faharoa, fahatelo, fahefatra, fahadimy, fahenina, fahafito. Fa, tamin'ny fiambenana fahafito, dia indro nivoaka ny filazana iray, antso iray hoe, "Tonga ny Mpampakatra! Mivoaha hitsena Azy."

409 Hoy ireo virijiny natory hoe, "Hono ho'aho, te-hahazo sasany avy amin'io Diloilo io aho ankehitriny."

410 Hoy ny Ampakarina hoe, "Izay ampy ho an'ny tenako fotsiny ihany no ananako; izay ampy fotsiny ihany. Raha mila an'Izany ianao, dia mandehana mivavaka ho an'Izany."

411 Tsy mahita an'ilay virijiny matory ve ianareo ankehitriny? Jereo ny Episkopaliana, Presbyterana, Loterana, sy ny zavatra rehetra, fa miezaka. Ary ny olana amin'ilay izy dia, raha tokony hiezaka hahazo ny Fanahy Masina, dia miezaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo.

412 Ary maro amin'izy ireo no miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, nefa menatra ny ho tonga eto amin'ity fiangonana ity mba ivavahana; mila ahy ho tonga any an-tranon'izy ireo ka hivavaka ho azy ireo. Izany ve no antsoinareo hoe ny Fanahy Masina? Izany no miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, fa tsy ny Fanahy Masina. Hitanareo?

413 Ankehitriny, mino aho fa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny Fanahy Masina. Fantatrareo fa mino an'izany aho, hitanareo. Fa misy fisandohana iray amin'Izany, ihany koa. Eny, tompoko. Ireo—ireo vokatry ny Fanahy, no manaporofo hoe inona Izany. Ireo voan'ilay hazo no manaporofo hoe karazana hazo inona izy. Tsy ilay hodi-kazo; ny voa!

414 Mariho ankehitriny, tamin'izay fotoana izay, rehefa tonga izy, io—io ora farany io. Ary eo, rehefa tonga izy ireo, tamin'izay fotoana izay dia lasa izy ireo ka nanao hoe, "Eny, mino aho fa manana Azy ankehitriny. Mino aho fa manana Azy. Hia, mahazo Azy isika."

415 Izaho—izaho—tsaratsara kokoa ho ahy ny tsy milaza an'ity, hitanareo, satria mety hiteraka fifanjevoana iray ilay izy. Rehefa nilaza aho indray andro, ny Fampakarana, hoe ahoana no hahatongavan'Izany, izaho—izaho . . . Ankehitriny, raha milaza ianareo fa ianareo—handray azy ianareo, dia mety tsara. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Diniho. Diniho. Eny àry, miankina aminareo izany.

416 Rehefa ilay virijiny natory, hitanareo, izay nihevitra fa efa nivavaka izy, mba hiverina, dia efa lasa ny Ampakarina. Lasa ilay izy, nefa tsy fantany izany; tahaka ny mpangalatra amin'ny alina. Avy eo dia nanomboka nandòna teo tamin'ireo varavarana izy ireo. Ary inona no nitranga? Inona no niseho? Natsipy tao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe izy ireo. Hoy ny Baiboly hoe, "Any no hisy fitomaniana, sy fidradradradrana, ary fikotroha-nify." Marina ve izany?

417 Rahoviana no hisy izany, rahalahy, ranabavy, tsy fantatro. Fa, izaho—izaho, izaho, mety ho izaho eto fotsiny izany, ankehitriny, hitanareo. Ity, ity no . . . Ity no hevitro. Hitanareo? Izaho—izaho—mino aho fa tena akaiky izany, izaho—izaho dia . . . Isan'andro aho—tiako . . . Miezaka ny handeha moramora fotsiny arak'izay vitako aho. Hitanareo? Ary ankehitriny rehefa, fantatrareo, rehefa ny . . .

418 Nisy zavatra nitranga androany, ary nahita zavatra niseho aho. Izaho—izaho fotsiny . . . Tsy afaka nisintona ny fofon'aiko intsony aho, hitanareo. Teo Izy, nitsangana teo, io Hazavana kely io dia nitsangana teo mihitsy. Ary teo Izany. Fantatro fa izany no Fahamarinana.

419 Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, tsy afaka hilaza an'izany aho. Izaho—tsy afaka milaza an'izany aho. Tsy afaka aho." Nivoaka ny efitra fotsiny aho, nandeha tany ivelany, nandeha nandroso-sy-niverina. Rahalahy, nieritreritra aho hoe, "Oadray! Inona no azoko atao? Oh!" Hitanareo? Ary izaho—izaho dia tsy maintsy handeha hanjono, na zavatra iray, raha tsy izany aho . . . Ry tovolahy, ianareo dia . . . ianareo . . . Tsy afaka miteny aminareo aho. Hitanareo?

420 Noho izany, manana fotoana tsara iray isika. Sa tsy izany? Deraina ny Tompo! Amena! Hitanareo? Isika dia ao—isika dia ao amin'ny fotoana goavana iray, hitanareo, satria tondraky ny hasambarana sy hafaliana ny foko.

421 Fa rehefa mieritreritra an'ity izao tontolo izao ity sy ireo an'arivony aho izay fantatro fa very, voaaloka mainty, ham, amin'izay fotoana izay dia mivoa-drà fotsiny ny fonareo. "Inona no azonareo atao? Inona no azonareo atao?" Mahatsapa ny Fanahy Masina miantsoantso fotsiny ianareo, ao am-ponareo. Toy ny hoe tsy maintsy ho tahaka an'izany ny Tompontsika, rehefa nijery an'i Jerosalema Izy, ny Olony Manokana, hitanareo, nanao hoe, "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, impiry moa Aho no te-hanomba anao, tahaka ny hanomban'ny akohovavy ny zanany, fa tsy nety ianao." Mahatsapa ny Fanahy Masina fotsiny ianareo manao hoe, "Impiry moa Aho no te-hanangona anao, hitanao, fa tsy nety ianao." Hitanareo?

422 Isika dia, eo akaikin'ny zavatra iray mihitsy isika eto, ry sakaiza. Na inona na inona izany, dia Andriamanitra no mahafantatra. Tsy misy olona, tsy misy olona mahafantatra hoe rahoviana no hitranga izany. Tsiambaratelo iray izany. Tsy misy olona mahafantatra hoe rahoviana no hitranga izany.

423 Fa niteny tamintsika Jesosy hoe, "Rehefa hitanareo ireo zavatra ireo, ireo zavatra rehetra ireo." Tahaka ny nandehanako fotsiny, nampitaha ny Tombokase Fahenina, tamin'izay Nolazainy ao amin'ny Matio 24. Tsarovy ankehitriny izay Nolazainy hoe, "Rehefa hitanareo fa tonga ireo zavatra ireo, manomboka miseho, amin'izay fotoana izay dia eo am-baravarana ilay fotoana." Diniho ilay andininy manaraka mihitsy, ny 30—ny andininy faha-30 sy faha-31 raha mitohy, andininy faha-32, faha-33.

424 Hoy Izy hoe, "Ary Izy haniraka ny Anjeliny hankany amin'ny zorony efatry ny lanitra, hankany amin'ny rivotra efatra, mba hanangona Ny Voafidiny." Marina ve izany?

Nanao hoe, "Ianaro ankehitriny ny . . . "

425 Tsarovy ankehitriny, nijanona teo mihitsy Izy. Tsy nandroso intsony Izy, taorian'io Tombokase Fahenina io. Tsy nilaza na inona na inona mikasika ny Fahafito mihitsy Izy. Nilaza ny Voalohany Izy, Faharoa, Fahatelo, Fahefatra, Fahadimy, ary Fahenina. Fa nijanona teo Izy, tsy nilaza ny amin'ny zavatra iray mikasika an'Izany mihitsy.

426 Diniho ilay zavatra manaraka izay Nolazainy hoe, "Ianaro ny fanoharana iray ankehitriny." Hitanareo? Avy eo dia manomboka eo amin'ny fanoharana Izy. Hoy Izy hoe, "Hisy ireo zavatra ireo."

427 Mamaly an'ireo fanontaniana telo ireo Izy. "Ho inona ireo . . . ireo famantarana ireo? Ary ho inona ny famantaran'Ny Fihavianao? Ho inona ilay famantarana, an'ny faran'izao tontolo izao?"

428 Ary ilay Anankiray Fahenina, eo, dia ny faran'izao tontolo izao. Ary ny fitsofan'ilay anjely fahafito . . . "Nanangana an'ireo tànana, ary nianiana tamin'Izay velona mandrakizay sy mandrakizay, fa tsy hisy andro intsony." Eo am-piterahana anankiray vaovao ny tany. Tapitra ilay izy.

429 Ary eto isika, eto am-baravarana mihitsy. Oh, mangovitra aho. "Ary inona no tokony hataoko, Tompo? Inona—inona koa no mbola azoko atao?" Hitanareo? Ary, avy eo, mieritreritra fotsiny ny fahitana an'io toerana io sy ireo olona sarobidy ireo! Nitsangana tany aho, nijery ny tenako. Dia nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, nahoana, izy ireo—tsy afaka ny ho diso an'izao izy ireo. Izaho—izaho—tokony hanosika azy ireo aho. Tokony hidina eo amin'ny mpanatrika fotsiny aho ka haka azy ireo, ary hanosika." Tsy afaka manao an'izany ianareo. Ianareo . . .

430 "Fa tsy misy olona mahay manatona raha tsy Ny Raiko no mitarika azy." Fa ity no fampiononana iray izay ananantsika hoe, "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona."

431 Fa ny sisa amin'izy ireo, miaraka amin'ireo rafi-pandaminana ireo, dia miankina amin'izy ireo tahaka an'izany, hitanareo. "Ary namitaka an'izay rehetra velona teo ambonin'ny, nonina teo ambonin'ny tany izy, ireo anarana izay tsy voasoratra tao amin'io Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry io, izay voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Oh, oadray! Noho izany, hitanareo, zavatra iray mampalahelo izany.

432 Ny zavatra tokana azonareo atao dia izao fotsiny—izao fotsiny—izao fotsiny—mijanona tsara amin'ny Teny fotsiny. Diniho fotsiny izay rehetra Lazainy fa hatao, ary avy eo dia ataovy izany. Hitanareo? Izay rehetra Lazainy fa hatao; ataovy izany.

433 Ary mijery eo ianareo, ka manao hoe, "Oh, oadray! Izy ireo dia manao an'*ity*, avy eo . . . Oh!" Izany fotsiny dia . . .

434 Tsy fantatrareo hoe fisintonana iray toy ny inona! Ankehitriny dia tiako ny hilaza an'ity. Ataoko fa mijanona ireo horonam-peo. Betsaka ny olona no manao hoe, "Rahalahy Branham, miaraka amin'io karazana asam-panompoana io . . ." (Tsy maintsy mitandrina aho, satria haka an'ireo horonam-peo ireo fotsiny ny olona ka hiezaka fotsiny hanao azy ireo ho potipotika, fantatrareo.) Noho izany rehefa milaza izy ireo hoe, "Rahalahy Branham, maniry hanana asam-panompoana iray izahay," dia tsy fantatrareo izay lazainareo. Ianareo, ankitsimpo, tsy fantatrareo izay mandeha miaraka amin'izany, rahalahy, ranabavy. Oh, oadray! Ary ilay andraikitra, rehefa manana an'ireo olona izay mifikitra amin'izay lazainareo ianareo! Tsarovy, raha miteny diso amin'izy ireo ianareo, dia hitaky ny ràn'izy ireo eo an-tànanareo Andriamanitra. Noho izany, dia eritrereto izany. Zavatra mampahatahotra iray izany.

435 Noho izany, aoka ho maha-te-ho tia. Tiavo amin'ny fonareo rehetra Jesosy. Izao fotsiny man-. . . Aoka ho tsotra. Aza miezaka mihitsy—miezaka ny hisaintsaina zavatra iray. Aoka ho tsotra fotsiny, eo anatrehan'Andriamanitra. Satria, arakaraky ny iezahanareo hisaintsaina, no mahatonga anareo hanalavitra Azy kokoa. Hitanareo? Minoa Azy fotsiny ihany.

Hoy ianareo, "Ankehitriny, eny, rahoviana Izy no ho tonga?"

436 Raha tonga androany Izy, dia mety tsara. Raha tonga afaka roapolo taona manomboka izao Izy, dia mbola mety tsara foana izany. Handeha tahaka ny andehanako ankehitriny fotsiny aho, manaraka Azy. "Tompo, raha afaka mampiasa ahy na aiza na aiza Ianao, dia inty aho, Tompo." Raha afaka zato taona manomboka androany izany, raha mbola velona hahita an'izany tonga ireo zafin'ny-zafin'ny-zafin'ny-zafikeliko, avelao . . . "Tompo, tsy fantatro hoe rahoviana no hisy izany, fa avelao fotsiny aho handeha mihitsy androany, miaraka Aminao fotsiny." Hitanareo? Izaho—tiako . . . Satria, izaho—hitsangana aho amin'izany andro izany, toy ny hoe naka torimaso kely fotsiny tany ho any.

437 Ho tonga any, eo amin'io lapa be voninahitra any io, io Fanjakan'Andriamanitra any io, izay hisy ny antitra rehetra ho tanora, izay misy an'ireo akanjo fotsy efa anaovana! Ireo lehilahy sy vehivavy dia niova, ao amin'ny hatsaran-tarehy, ilay tena hakanton'ny—an'ny—an'ny lehilahy iray tsara tarehy sy ny—ny vehivavy iray maha-te-ho tia! Mitsangana any ao amin'ny hatsaran-tarehy rehetra sy tsanganan'ny vehivavy tanora iray sy lehilahy tanora iray, mitsangana any! Ary tsy mety ho lasa antitra intsony, tsy afaka ho mpanota intsony, tsy hisy zavatry ny fialonana intsony, na fankahalana, na inona! Oh, oadray!

438 Heveriko fa tsy mandeha ireo horonam-peo ankehitriny. Ary izaho—manana eo amin'ny telo na efatra minitra eo aho. Tehiresaka aminareo aho. Mety tsara ve izany? [Hoy ny fiangonana

hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, manokana fotsiny ity, hitanareo. Satria, rahampitso, izaho—izaho . . . Ho tena goavana rahampitso! Heveriko fa tsaratsara kokoa ho ahy mihitsy ny milaza an'ilay izy ankehitriny, hitanareo, izay ho lazaiko. Izaho . . . Ho antsika fotsiny ity ankehitriny. Izaho fotsiny dia . . .

439 Fantatrareo, izaho—manana vady iray aho izay tiako, ary i Meda izany. Ary izaho—tsy ho nanambady azy mihitsy akory aza aho, nohon'ny fitiavako ny vadiko voalohany. Kanefa, na dia niahy azy betsaka aza aho, izaho—tsy ho nanambady azy aho raha tsy Andriamanitra no niteny tamiko hanao an'izany. Ary fantatrareo ny tantaran'izany; toy ny ahoana no nandehanany nivavaka, ary ahoana no nandehanako. Ary avy eo dia Izy no niteny tamiko marina an'izay hatao, hoe, "Mandehana, manambadia azy," ary ny fotoana marina tokoa hanaovana an'izany. Vehivavy iray maha-te-ho tia izy. Ary mivavaka ho ahy izy izao hariva izao. Ary noho izany dia amin'ny valo ora izao, any an-trano, eo am-pivavahana angamba izy ankehitriny.

440 Mariho ankehitriny. Indray andro dia nilaza tamiko izy, hoy izy hoe, "Bill," hoy izy, "te-hametraka fanontaniana iray aminao mikasika ny Lanitra fotsiny aho."

Hoy aho hoe, "Eny àry, ry Meda, inona ilay izy?"

Hoy izy hoe, "Fantatrao fa tiako ianao."

441 Dia hoy aho hoe, "Hia." Izany dia taorian'ny nitrangan'ity teto mihitsy.

Hoy izy hoe, "Fantatrao fa i Hope dia tia anao, ihany koa."

Hoy aho hoe, "Hia."

442 Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny," hoy izy, "tsy mihevitra aho fa ho saro-piaro aho," hoy izy, "fa i Hope no saro-piaro." Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, rehefa tonga any An-danitra isika . . . Ary nilaza ianao fa nahita azy tany."

443 Hoy aho hoe, "Tany izy. Nahita azy aho. Nahita azy indroa aho, tany." Any izy. Miandry ahy ho tonga izy. Toy izany koa ny . . . Toy izany koa i Sharon. Nahita azy aho, mitovy mihitsy amin'izay ijereko anao. Nahita azy aho tany. Ary nilaza aho . . .

444 Hoy izy hoe, "Eny, ankehitriny, rehefa tonga any isika," hoy izy, "dia iza no ho vadinao?"

445 Hoy aho hoe, "Ianareo roa. Tsy hisy anankiray, hitanao, kanefa ho izany ianareo roa."

Hoy izy hoe, "Tsy mety azoko izany."

446 Hoy aho hoe, "Ankehitriny, ry malala, mipetraha, avelao aho hanazava zavatra iray aminao." Hoy aho hoe, "Ankehitriny, fantatro fa tia ahy ianao, ary fantatrao hoe toy ny ahoana no itiavako anao, sy fanajana sy haja. Ankehitriny, ohatra, ahoana moa raha niakanjo tsara aho, nandeha nankany an-tanàn-dehibe; ka mpivarotena kely iray, tena tsara tarehy, ary tonga

ka mametraka ny sandriny manodidina ahy, ka manao hoe, 'Oh, Ranadahy Branham, azo antoka fa tia anao aho,' manomboka mametraka ny sandriny manodidina ahy ka mamihina ahy. Inona no ho heverinao?"

Hoy izy hoe, "Tsy mihevitra aho fa ho tena tiako tsara mihitsy izany."

447 Dia hoy aho hoe, "Te-hanontany zavatra aminao aho. Ianao ve . . . Iza no tianao indrindra, raha tsy maintsy hisy fampisehoan-kery iray, izaho sa ny Tompo Jesosy?" Ankehitriny, ara-pianakaviana fotsiny izao, miresaka.

448 Dia hoy izy hoe, "Ny Tompo Jesosy." Hoy izy, "Eny, Bill, na dia tianao betsaka aza aho, saingy, alohan'ny handaozako Azy, dia hilaozako ianao."

449 Hoy aho hoe, "Misaotra anao, ry malala. Faly aho mandre anao milaza an'izany ankehitriny." Hoy aho hoe, "Ankehitriny, ahoana moa raha io vehivavy kely iray io ihany no tonga hanatona an'i Jesosy ka hametraka ny sandriny manodidina Azy, hanao hoe, 'Jesosy, tiako Ianao,' inona no ho heverinao mikasika an'izany?"

Hoy izy hoe, "Hankasitraka an'izany aho."

450 Hitanareo, miova avy amin'ny fileo mankany amin'ny agape ilay izy. Hitanareo, Fitiavana iray ambony kokoa izany. Hitanareo? Ary tsy misy ny zavatra toy ny hoe vady lahy sy vady vavy izany any, toy ny . . . sy mitaiza zanaka. Efa lasa izany rehetra izany, ny—ny fananahana vavy sy lahy. Ireo glandy rehetra dia . . . Mitovy izy rehetra, any. Hitanareo? Tsy misy iray amin'izany, intsony. Hitanareo, tsy misy glandim-pananahana intsony mihitsy, tsy misy mihitsy. Hitanareo? Ianareo fotsiny dia ny . . . Eny, tompoko. Eritrereto fotsiny ny tenanareo tsy misy glandim-pananahana. Ny antony nametrahana azy ireo tao amintsika dia ny hanabe olona ny tany indray, hitanareo. Fa, Any, tsy hisy intsony Any. Tsy hisy glandy lahy na vavy any. Tsia.

451 Fa ilay tsanganan'ny asa-tànan'Andriamanitra no ho any. Marina tokoa izany. Fa ho tena izy marina tokoa isika. Tsy misy—tsy misy fileo, mihitsy; ny rehetra agape. Hitanareo? Noho izany, ny vady iray dia zavatra iray maha-te-ho tia izay—izay anareo fotsiny, ary izy . . . Samy tompony ianareo. Tsy misy ny zavatra iray toy ny . . . Tsia, tsia, tsy misy akory aza . . . Hitanareo, ilay ampahany fileo dia tsy any mihitsy akory aza. Hitanareo, tsy mety hisy zavatra iray toy ny fahasarotam-piaro any; tsy misy na inona na inona hahasaro-piaro. Tsy misy zavatra iray tahaka an'izany any. Tsy mahafantatra zavatra iray tahaka an'izany mihitsy ianareo. Hitanareo? Fa lehilahy tanora sy vehivavy tanora maha-te-ho tia fotsiny, mba hiainana.

Ary avy eo, taorian'izany, dia hoy izy hoe, "Hitako ilay izy ankehitriny, Bill."

Hoy aho hoe, "Hia."

452 Te-hiteny zavatra kely iray aminareo izay nitranga aho. Nofy iray ity. Natory aho. Ary tsy mbola nolazaiko ampahibemaso mihitsy ity tany aloha. Noteneniko tamin'ny olona vitsy ilay izy, saingy tsy ampahibemaso mihitsy tany aloha, araka ny fantatro.

453 Izaho—nanonofy aho, teo amin'ny iray volana taorian'io, fa nitsangana aho, indray andro, ary nandinika an'ilay fotoana lehibe aho izay . . . Tsy ilay fitsarana, ankehitriny. Tsy mino aho fa ilay Fiangonana dia mba ho tonga amin'ny, (ny tiako lazaina, dia ny Ampakarina), handeha hankao amin'ny fitsarana iray. Fa, tany aho rehefa nozaraina ireo satroboninahitra, hitanareo. Ary ilay lehibe—Seza fiandrianana goavana lehibe dia nipetraka *teto*. Ary Jesosy sy ilay Anjely mpitan-tsoratra, ary ny rehetra, dia nitsangana teo. Ary nisy tohatra iray teo, nitovy, nidina tamin'*ity* làlana ity, izay ivory fotsy; nandeha nidina, boribory, nanao fahitana malalaka iray tahaka an'*izao*, ary nivoaka, mba ahafahan'io vahoaka sesehena izay nitsangana teo io hahita an'izay nitranga.

454 Ary nitsangana teny aoriana aho, teny aoriana lavitra teo amin'ilay ilany iray. Dia nitsangana teo fotsiny aho, tsy nanana hevitra mihitsy hoe tsy maintsy handeha eo amin'ireo tohatra ireo aho. Nitsangana teo aho. Nahita aho . . .

455 Niantso anarana anankiray ilay Anjely mpitan-tsoratra; ary fantatro, fantatro io anarana io. Nijery aho, ary tery aoriana lavitra tery, dia indro tonga ny rahalahy, nandeha niaraka tamin'ny anabavy iray, nanatona anareo, tahaka an'izao. Nitsangana teo anilan'i Kristy ilay Anjely mpitan-tsoratra, (nofy iray fotsiny ankehitriny), ary nandinika. Ary teo ny anaran'izy ireo, hita tao amin'ilay Bokin'ny Fiainana izany; Izy dia nijery teo amin'izy ireo, ka nanao hoe, "Izany dia—tsara izany, ry Mpanompoko tsara sy mahatoky. Midira ankehitriny."

456 Nijery tany aoriana aho, izay nandehanan'izy ireo. Nisy tontolo vaovao iray, sy ireo fifaliana. Ary hoy Izy, "Midira amin'ny fifalian'ny Tompo, izay efa—izay efa anareo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Hitanareo? Ary, oh, nieritreritra aho . . . Nandalo teo izy ireo, ary nifampihaona, ka nifaly fotsiny, dia nandeha teo amin'ireo tendrombohitra sy ny toerana goavana be.

457 Fa nieritreritra aho hoe, "Oh, tsy mahafinaritra ve izany! Voninahitra! Haleloia!" Nitsambikina ambony-sy-ambany fotsiny!

458 Avy eo dia nandre anarana hafa iray voaantso aho. Mieritreritra aho hoe, "Oh, fantatro izy. Fantatro izy. Izaho . . . Teo, mandeha eo izy, tany." Mandinika azy tahaka an'izao.

"Midira amin'ny fifalian'ny Tompo, ry Tsarako sy . . . "

"Oh," hoy aho, "deraina Andriamanitra! Deraina Andriamanitra!"

Milaza fotsiny, ohatra, toy ny milaza izy ireo hoe, "Orman Neville," hitanareo.

459 Ary tamin'izay fotoana izay dia hoy aho hoe, "Rahalahy Neville antitra io. Io izy." Hitanareo? Ary indro izy tonga, avy tao amin'ilay vahoaka betsaka, miakatra.

460 Ankehitriny dia hoy Izy hoe, "Midira amin'ny fifalian'ny Tompo, izay efa nomanina ho anao hatramin'ny talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Midira." Ary niova fotsiny Rahalahy Neville antitra, ary nanomboka niditra tao mihitsy, nihiakiaka sy nihorakoraka fotsiny.

461 Ry tovolahy, nihiakiaka fotsiny aho ary nanao hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra!" Nitsangana irery teo, nanana fotoana iray nahafinaritra, nandinika an'ireo rahalahiko niditra.

462 Ary nitsangana teo ilay Anjely mpitan-tsoratra, ka nanao hoe, "William Branham."

463 Tsy nieritreritra mihitsy aho hoe tsy maintsy handeha eo amin'izany aho. Noho izany dia natahotra aho. Nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray! Tsy maintsy hanao an'io ve aho?" Noho izany dia nandroso teo aho. Ary ny olona rehetra dia nikapokapoka ahy fotsiny teo amin'ny—ny... [Manao kisarisarin'ny fikapokapohana imbetsaka amin'ny tenany Rahalahy Branham—Mpand.] "Manakory, Rahalahy Branham! Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Branham!" Nikapokapoka ahy raha nandroso aho, nitety andiana vahoaka betsaka goavana be iray. Ary izy rehetra dia nanatsotra tànana ka nikapokapoka ahy tahaka an'izao. [Manao kisarisarin'ny fikapokapohana imbetsaka amin'ny tenany Rahalahy Branham.] "Andriamanitra hitahy anao, rahalahy! Andriamanitra hitahy anao, rahalahy!"

464 Nandeha aho. Hoy aho hoe, "Misaotra anao. Misaotra anao. Misaotra anao." Toy ny mivoaka avy ao amin'ny fivoriana iray, na zavatra iray, fantatrareo.

465 Ary tsy maintsy nandeha teo amin'ireo tohatra goavana be ivory aho. Nanomboka niakatra teo aho. Ary vao nahavita an'ilay tohatra voalohany fotsiny aho, dia nijanona. Dia nieritreritra aho...Nijery ny Tavany aho. Nieritreritra aho hoe, "Te-hahazo fahitana tsara Azy aho eto amin'ity." Dia nijanona aho.

466 Nataoko tahaka an'*izao* ny tànako. Nahatsapa zavatra nikorisa teo amin'ny sandriko aho *teto*. Sandrin'olon-kafa iray izany. Nijery manodidina aho, ary nitsangana teo i Hope; ireo maso mainty goavana, sy ilay volo mainty nihantona teo an-

damosiny, nanao akanjo fotsy; nijery ahy nitraka tahaka an'izao. Hoy aho hoe, "Hope!"

467 Nahatsapa zavatra iray nandòna an'*ity* sandry ity aho. Nijery manodidina, ary teo i Meda; niandrandra ireo maso mainty, ary ilay volo mainty nihantona, nanao akanjo fotsy. Dia hoy aho hoe, "Meda!"

468 Dia nifampijery izy ireo, fantatrareo, tahaka an'izao. Izy ireo dia . . . Nankiniko teo amin'ny sandriko izy ireo, ary indro lasa izahay, nandeha nankany an-Trano.

469 Nifoha aho. Oh, nifoha aho. Ary izaho—nitsangana aho ka nipetraka teo amin'ny seza iray, ary nitomany, fantatrareo. Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, manantena aho fa ho tahaka an'izany io." Izy roa no niaraka tamiko teo amin'ny fiainana, ary nanome zanaka, sy ireo zavatra tahaka an'izany; ary indro izahay, miditra ao amin'ilay tontolo vaovao, oh, oadray, izay misy ny fahatanterahana sy ny zavatra rehetra. Tsia, tsy misy na inona na inona . . .

470 Oh, ho zavatra iray mahafinaritra izany! Aza diso an'izany. Aza diso an'izany. Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia ataovy izay rehetra azonareo atao, ary hiankina amin'Andriamanitra ny fiahiana ny sisa amin'izany amin'izay fotoana izay.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny an'i Kalvary . . .

471 Ndao isika hihira an'izany indray, amin'ny fontsika rehetra. Ankehitriny dia andrandrao mankany amin'Andriamanitra ny masontsika.

Tiako Izy

472 [Miala amin'ny polipitra Rahalahy Branham ka mivavaka ho an'ny vehivavy iray, raha mihira ny *Tiako Izy* indray mandeha ny fiangonana—Mpand.]

. . . tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

473 Eny àry, ankehitriny. Tsy nanantena ny ho velona hatramin'ny faran'ny fivoriana izy. Marina izany. Io izy, ny tànana roa mitsangana, midera an'Andriamanitra. Izany no antony naharetako ela teto; tsy miteny aminareo an'izay ataoko. Niresaka ny amin'i Meda sy izy ireo aho. Ary io no nodinihako, mba hahita hoe inona . . . Nanohy nanamarika an'io Hazavana nihodinkodina nandroso sy niverina io aho, ary nandeha ka nihantona teo amboniny. Nieritreritra aho hoe, "Izay ilay izy." Oh, tsy mahafinaritra ve izany? [Mifaly ny fiangonana—Mpand.]

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

474 Ankehitriny, amin'ny fontsika, [Manomboka misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.] eritrereto fotsiny ny Fahatsarany sy ny famindrampony.

. . . tiako Izy (Amena!)
. . . nitia mialoha Izy . . .

475 Ankehitriny dia jereo hoe tsaratsara kokoa toy ny ahoana ilay izy? Amena! Izay ilay izy. Ankehitriny . . . ? . . . Mandehana ary aoka ho salama. Amena! Ny fahasoavan'Andriamanitra no niseho taminao, mba hanao anao ho salama. Amena.

. . . teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Oh, voninahitra ho an'Andriamanitra!

Tiako Izy, . . .

Eny àry, ny pasiteranareo.

Izaho . . .

476 [Hoy ny olona iray hoe, "Rahalahy Branham, manomboka amin'ny sivy sasany ve rahampitso?"—Mpand.] Amin'ny sivy ka hatramin'ny sivy sasany. Amin'ny sivy ora, any ho any eto. ["Aorian'ny sakafo maraina? Amin'ny sivy ora?"] Manomboha amin'ny sivy ianareo. Hanomboka amin'ny sivy sasany aho.

Ny Tombokase Fahenina MAG63-0323

(The Sixth Seal)

Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Sabotsy hariva, 23 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org